

ANDRO 1- Avy amin'ny alahelo tonga amin'ny fihobiana

« Ny hahazoako ity zazalahy ity no nivavahako; dia nomen'i Jehovah ahy izay nangatahiko taminy. » 1 Sam. 1:27

Isika rehetra dia samy mahazo sary an-tsaina ny endriky ny atao hoe « fianakavian'ny mpino » iray, na ny fiangonana iray na koa ny fiangonana amin'ny maha-fikambanana azy. Tiantsika raha toa ka ny mambran'ny fiangonana dia manana faniriana hianatra ny tenin'Andriamanitra, tahaka ireo mpino tao Beria (Asa. 17:11), miaraka amin'ny fananana fiainam-bavaka mavitrika sy fanoloran-tena hanatanteraka ny iraka. Mazava ho azy araka izany fa ny atao hoe fiangonana velona sy matanjaka ara-panahy, dia ahitana fianakaviana feno fanoloran-tena, izay mianatra ny tenin' Andriamanitra sy manana fahazarana mivavaka ary midera an'Andriamanitra isan'andro.

Tiako ny hanasa anareo mba hanao diabe an'eritreritra hiverina any amin'ny vanim-potoanan'ny Mpitsara isika. Fotoana feno olana teo amin'ny tantaran'ny vahoakan'Isiraely izany. Hita maso sy azo notsapain-tanana ny fitotonganana ara-pitondrantena sy ara-panahy tamin'izany ; azo antsoina ihany koa hoe ny vanim-potoanan'ny Taon-jato antenantenany ho an'ny Testamenta Taloha izany.

Ireo toko roa voalohany ao amin'ny bokin'ny Samoela voalohany, dia maneho ny fiainana tena izin'ny fianakaviana iray tamin'izany fotoana izany. I Elikana dia nanangona ny fianakaviany manontolo isan-taona mba handeha ho any Silo, foibe ara-pivavahana sy ara-panahy ho an'ny Isiraely, mba “ hivavaka sy hamono zavatra hatao fanatitra ho an'i Jehovah, Tompon'ny maro.” Tena nankasitrahana mihitsy tamin'izany fotoana izany ny nahita ny fianakaviana manontolo mizotra ho any amin'ny toerana natokana hivavahana ho an'ny be sy ny maro, tahaka ny amin'izao androntsika izao ihany.

Samy hafa tanteraka amin'izay hita miseho ety ivelany kosa anefa ny tena zavany. Tamin'izany fotoana izany, rehefa tsy manan-janaka ny fianakaviana iray, dia misy lehilahy vitsivitsy naka vady faharoa. Ireo ohatra izay hitantsika tao amin'ny Baiboly anefa dia samy manambara avokoa ny voka-dratsy naterak'izany, anisan'izany ny toe-javatra izay niainan'i Elikana.

Fianakaviana iray sy firenena iray ao anatin'ny krizy

Ny mpitantara dia neneho fa nisy fifandraisana tsy nilamina tsara tao amin'ity fianakaviana ity. Tamin'ny fotoana izay tokony hahafalifaly azy rehetra mba hahatonga ny fanompoam-pivavahana ataony ho tena fanandramana miainga avy ao amin'ny fo, tamin'izay indrindra no niseho ny fangidiana, izay niseho tamin'ny alalan'ny fifanolanana sy ny fahadisoam-panantenana. Nanana vady anankiroa i Elikana – i Penina sy i Hana – ary tena nisy olana teo amin'izy roa vavy ireo. Eny fa na dia tao amin'ny toerana natokana hivavahana aza, dia nanala baraka an'i Hana foana i Penina satria tsy nanan-janaka izy, ary

izany dia tena nampahory ny fanahiny (1 Sam. 1:6). Ny zavatra tokana azon'i Hana natao dia ny nihataka niala tamin-dranomaso. Ny fianakaviana iray tao anaty krizy ara-panahy sy ara-pifandraisana dia nampiseho ny zava-nisy tamin'izany fotoana izany tamin'ny ambaratonga hafa, izay niseho teo amin'ny firenena iray manontolo.

Ireo mpivahiny avy tamin'ny lafivalon'ny tany dia tonga tany Silo, noho ny antony tokana ihany, mba hanao fanompoam-pivavahana. Ireo tao an-toerana izay tokony nitaona ny olona rehetra hanao fanompoam-pivavahana masina anefa dia « tsy nahalala ny Tompo » (1 Sam. 2:12). Izany no antony lehibe nahatonga ny krizy ara-pitondrantena sy ara-panahy nolalovan'ny firenen'ny Isiraely. Niteraka fifandonana sy korontana ny fanaovana marimaritra iraisana. Nanafika ny firenena ny fahavalo avy any ivelany (1 Sam. 4-7), ary nanjaka ny kolikoly tao anatin'ny. Ny zanakalahin'i Ely mpisoronabe dia meloka noho ny fahotana lehibe satria « nanamavo ny fanatitra ho an'i Jehovah izy ireo » (1 Sam. 2:17).

Hitantsika amin'ity tantara mampalahelo ity fa ny paikadin'ny devoly dia ny hanimba ny zanak'Andriamanitra. Rehefa tsy eo ny fiankohofana na mivadika ho tsy fahombiazana ho an'ny tena manokana izany, na ho an'ny fianakaviana na ho an'ny fiangonana, dia azo antoka ny fandresen'ny devoly. Noho izany antony izany, dia « efa nahalana ny tenin' i Jehovah : tsy nisy fahitana niseho loatra » (1 Sam. 3: 1). Tahaka an'i Hana, izay tsy afaka niteraka, Isiraely dia tonga firenena momba, tany karakaina sy tsy mamokatra.

Miasa mandrakariva Andriamanitra

Ny porofo tsy azo lavina fa tsy mahafoy antsika Andriamanitra dia hita ao amin'ny bokin'ny Mpitsara, ny bokin'i Samoela, ny Baiboly iray manontolo, ary indrindra indrindra teo amin'ny hazo fijalian'i Golgota. Miasa Andriamanitra, fa mifidy olona kosa Izy hanatanteraka ny drafiny.

Nifidy an'i Hana izy, vehivavy tsotra izay tsy mpaminanivavy toa an'i Debora na i Holda, fa kosa nanana fahatsapana ara-panahy lalina sy fahatahorana an'Andriamanitra. Ny anarany dia hita ao amin'ny Soratra Masina milahatra miaraka amin'ny an'ireo olo-malazan'ny finoana, satria izy dia nivavaka. Tamin'ny alalan'ny vavaka nataony dia nizotra tamin'ny lalana vaovao indray ny tantaran'ny firenen'ny Isiraely. (1 Sam. 13:14), amin'ny maha mpanjaka azy.

Raha tsy nivavaka izy, moa ve isika ankehitriny ho niresaka momba an'i Samoela, ilay mpaminany sy ny mpitsara, izay nitondra fanavaozana marina ara-pitondrantena sy ara-panahy ny fitarihana nataony ? Izy no niantoka ny teteza-mita niala tamin'ny vanim-potoanan'ny mpitsara nankamin'ny vanim-potoanan'ny mpanjaka. Nitomany an'i Saoly izy, saingy nanana tombontsoa nanosotra an'i Davida, ilay lehilahy « araka ny fon'Andriamanitra » (1 Sam. 13:14), ho mpanjaka.

Naniry mafy ny ho lasa reny i Hana, ary ny tsy fananana zanaka dia heverina ho fahafaham-baraka tamin'ny kolontsainy, mariky ny tsy fankasitrahan'Andriamanitra izany. Vetivety teo dia nihalevona ny nofinofiny ary tonga fanesoeson'i Penina izy. Tamin'ity indray mitoraka ity, rehefa nanesoeso azy i Penina, dia nanao zavatra tsy dia mahazatra loatra i Hana. Nitsangana avy teo amin'ny latabatra izy, tsy handeha hitomany irery, fa kosa hitondra ny enta-mavesatry ny fanahiny eo anatrehan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka. Ny andian-teny miverimberina matetika miresaka an'io fisehoan-javatra io dia ny hoe « teo anatrehan'i Jehovah » (1 Sam. 1:12). « Teo anatrehan'i Jehovah » izy no nivavaka sy nitaraina ; nanao voady izy; nitoetra elaela teo izy, ary angamba ho nijanona elaela kokoa izy raha tsy nosakanan'i Ely mpisoronabe.

Ity fomba fiteny ity dia voatokana ao amin'ny Testamenta Taloha : ny fanompoam-pivavahana dia tsy maintsy atao teo anatrehan'ny Tompo. Andriamanitra fa tsy ny olona no tokony ho ivon'ny fanompoam-pivavahana. Tena mila fanompoam-pivavahana toy izany isika ankehitriny, ka ny hira, ny vavaka, ny toriteny na ireo zavatra hafa atao dia atolotra ho an'ny Tompo, fa tsy ho an'olon-kafa akory ! Nangataka zaza tamin'Andriamanitra i Hana, ary nolazainy mazava tsara ny antony nanaovany izany fangatahana izany. Tsy ny mba hampitsaharana ny fanesoana, na koa mba hialan'ny fahafaham-baraka noho ny tsy fananana zanaka, fa ny hanolotra fanomezana ho an'Andriamanitra, dia ny fanomezana sarobidy indrindra, ilay zaza. Fantatr'i Hana fa ny tena fifandraisana amin'Andriamanitra, toy ny fifandraisana rehetra, dia mivoatra tsy amin'ny alalan'ny fangatahana fotsiny ihany, fa amin'ny alalan'ny fanomezana ihany koa.

Izany no antony mampiavaka ny vavaka nataony ao amin'ny Baiboly sady nanjary voady ilay izy (1 Sam. 1:11). Ny fanomezana nataon'i Hana, tahaka izay nataon'i Maria koa (Jaona 12:1-8), dia tena sarobidy satria fanomezan'ny fahafoizan-tena izany. Nampanantena izy ary nanatanteraka izany tamin'ny fony rehetra.

Teny fampanantenana iray mialoha ny hahatanterahiny

Rehefa nijoro « teo anatrehan'i Jehovah » i Hana, dia mampanantena an'Andriamanitra izy fa haveriny ilay zaza, na dia mbola tsy teraka aza, eny talohan'ny nananany azy aza. Ny voady dia fandraisana andraikitra ataon'ny mpivavaka ; fihetsika fiankohofana izany. Nandritra ny vanim-potoanan'ny Testamenta Taloha, ny ankamaroan'ny zavatra atao mandritra ny fanompoam-pivavahana ampahibemaso dia ilàna ny fanatrehan'ny mpisorona. Tsy azo atao ny manao fanatitra raha tsy eo ny fanelanelanana ataon'ny mpisorona.

Taloha ary mbola mitohy ankehitriny, ny teny fikasana na ny voady dia natao vokatry ny fifandraisana mivantana amin'Andriamanitra, tsy nisy fanelanelanan'olona hafa. Misy vidiny ny fivavahana marina. Mandany fotoana, mila fanomanana, mila fanatitra sy ampahafolony ihany koa izany. Hoy i Davida : « ... fa tsy hanatitra fanatitra odorana ho an'i Jehovah Andriamanitra amin'izay azoko fotsiny aho » (2 Sam. 24:24). Fa ambonin'izany rehetra izany, tsy misy na inona na inona aloantsika amin'ny fanompoam-

pivavahana fa Andriamanitra no nanao fandaniana tamin'izany tamin'ny nanomezany ny Zanany. Tsy isika no nampanantena fanomezana voalohany, fa Andriamanitra mihitsy (Gen. 3:15). Ny fanompoam-pivavahana tsy misy fanatitra dia tsy fanompoam-pivavahana !

Ny fampanantenana nataon'i Hana dia fampanantenan'ny finoana sy ny fitiavana. Milaza amintsika i Ellen White fa tsy fahita firy ny vavaka toy izany tamin'izany fotoana izany. Mampiseho izany miharihary ny fihetsik'i Ely (1 Sam. 1:14). Mino aho fa afaka nilaza ireto teny ireto taminy Andriamanitra : « Ravehivavy, lehibe ny finoanao ! » (Mat. 15:28).

Nampanantena i Hana fa ny zaza dia « voatokana ho an'Jehovah » (1 Sam. 1:11). Amin'ny teny hafa, toy izao no nambaran'i Ellen White mikasika ny finoana, ny fitiavana ary ny fikirizana nananan'i Hana : « Mba hahazoany mampifantoka ny eritreriny tany amin'ny Mpamorona, dia tsy nanao an-tsirambina na inona na inona i Hana, ary ny fitiavany dia tsy nihaketraka tamin'ny andro nisarahan'izy ireo. Nataony antom-bavaka isan'andro ilay zazalahy kely. Isan-taona dia nanaovany akanjo lava izy, ary nentiny tany Silo izany rehefa nankany izy mivady. Ho fahatsiarovana maharitra ny halemem-panahiny, ny kofehy tsirairay tamin'ity akanjo kely ity dia nampidirina narahim-bavaka. » Ellen G. White, *Patriarches et prophètes*, p. 560.

Tsy vitan'ny hoe nampanantena an'Andriamanitra fotsiny i Hana fa nitana ny teny nataony koa izy ! (1 Sam. 1:26, 27).

Fanantenana ho an'ny fotoan-tsarotra

Afaka mianatra fahamarinana maro sy sarobidy avy amin'ny ohatra nasehon'i Hana isika. Hitantsika ny fomba nampiasan'Andriamanitra ny fanandramana tsy nahomby teo amin'ny fiainantsika mba hanaovany zava-dehibe. Azony atao ny mampiasa ireo fitsapana maharary indrindra mba hampianarana antsika ny dikan'ny atao hoe fahatokiana Azy.

Nianatra natoky an'Andriamanitra tamin'ny zavatra rehetra tsy voafehiny i Hana. Androany, raha manoratra ireo eritreritra ireo aho (2 aprily 2020), dia saika ny rehetra no mihiboka sy manahy ny amin'izay mety hitranga manaraka. Ny tahotra ny fiparitahan'ny valan'aretina sy ny zavatra hitranga rahampitso dia mameno ny zanak'olombelona rehetra.

Ho an'i Hana, ny fijaliana sy ny fitsapana nahazo azy dia fiantsoana azy hivavaka sy hatoky an'Andriamanitra. Nivavaka izy, ary rehefa nandao ilay toeram-pivavahana izy dia « tsy nalahelo tarehy intsony » (1 Sam. 1:18). Tsy nisy tomany intsony teo amin'ny tarehiny, fa tsiky feno fifaliana. Noho ny fahatokiana sy fanantenana voarainy tamin'i Jehovah tao Silo, dia nahazo fiadanam-po i Hana, na dia talohan'ny nahazoany ny valimbavaka aza. Alao sary an-tsaina ny tokatranon'i Elikana tamin'ny andro izay nahitan'i Hana ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra sy ny valin'ny vavaka nataony teo amin'ny fiainany - rehefa teraka i Samoela !

Rehefa manatona « eo anatrehan'i Jehovah » amin'ny vavaka isika, dia ekentsika ny fahamboniany ; tsy misy zavatra tsy voafehiny. Misy fanantenana ho an'ny fotoanan'

ny krizy ao amin'ny fianakaviana, ao am-piangonana sy maneran-tany. Manana Andriamanitra miahy izay matoky azy sy maniry hiasa ho Azy isika. Ny hiran'i Hana (1 Sam. 2:1-11) dia miresaka an'izany. Rehefa mahita ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra isika, dia tsy afaka mijanona mihira !

ANTSO

1. Raha vavaka iray no nanova ny tantaran'ny firenena iray amin'ny alàlan'ny fidiran'Andriamanitra an-tsehatra, inona no mety hitranga ankehitriny raha mivavaka isika ?
2. Rehefa mijoro « eo anatrehan'i Jehovah » isika, inona avy ireo zavatra ampanantenaintsika manokana, na ho an'ny fianakaviansika, na ho an'ny fiangonantsika ?
3. Misy ve misy fomba ahafahantsika maneho ny fanantenantsika sy ny fahatokiansika an'Andriamanitra koa ankehitriny ?
4. Nahoana araka ny hevitrao no nahafahan'i Hana nanefa ny voadiny sy nanolotra fanatitra sarobidy kanefa izy nahatsapa ny fahasimban'ny toe-panahin'ireo mpitondra fivavahana tamin'izany fotoana izany ?

Tantara ho an'ny ankizy- ANDRO 1

Ny vavaka feno fahatokiana nataon'i Johnny

« Lazaiko aminareo marina tokoa: Na zovy na zovy no tsy handray ny fanjakan' Andriamanitra tahaka ny zaza, dia tsy ho tafiditra aminy akory. » (Marka 10:15).

Tian'i Jesosy amin'ny fomba manokana ny ankizy, ary tiany foana koa ny mamaly ny vavaka tsotra sy marina ataon'izy ireo. Ity dia tantara marina mikasika fianakaviana iray izay kely ny fidiram-bolany, nandalo krizy ara-bola mafy sy nitolona mafy izany fianakaviana izany mba hahazoan'izy ireo ireo zavatra ilainy eo amin'ny fiainana andavanandro.

Very asa ny raim-pianakaviana taloha kelin'ny ririnina ary tsy nanam-bola hamelomana ny ankohonany izy. Ny vadiny sy ny zanany kely roa dia tsy nitaraina na dia nihena aza ny fatran'ny sakafo nohanin'izy ireo isan'andro. Ny reniny dia nanamboatra mofo tamin'ny lafarinina kely sisa tavela, ary tsy dia nanana na inona na inona hafa ankoatr'izay teo ambonin'ny latabatra izy ireo; indray maraina ary dia nilaza tamin'alahelo izy, fa nampiasa ny ampahany farany tamin'ny lafarinina izay natokana hanaovana mofo tamin'io andro io. Hita soritra teny amin'ny endriky ny raim-pianakaviana ny ahiahy raha nilaza izy fa afaka andro vitsivitsy dia tsy hisy intsony koa ny hazo hatao kitay handrahoana sakafo, feno tebiteby ihany koa izy satria araka ny fanambarana nataon'ny mpamantatra ny toetr'andro dia mety haharitra herinandro vitsivitsy ihany koa ny hatsiaka mamananala.

Tamin'izay i Johnny kely, izay vao 4 taona monja, dia nijery ireo endrika feno fanahiana teo amin'ireo ray aman-dreniny ary nahatsapa fa tena ho sarotra ny raharaha. Rehefa niantso azy sy i Saraha, zandriny vavy kely izay vao 2 taona monja, ny rainy mba hanatanteraka ny fotoam-pivavahana hariva, dia nanontany i Johnny raha afaka hivavaka izy. « Jesosy malala ô!, » hoy izy nivavaka, « misaotra anao mikarakara anay! Mba andefaso kitay ny dadanay, sy lafarinina hanaovan'ny neninay mofo, ary... » - rehefa niato kely nandritra ny segondra vitsivitsy izy dia nampiany hoe: « ... ary akondro roa ho ahy sy ho an'i Saraha. Amena! »

Rehefa nametraka azy teo am-pandriana hatry ny reniny iny hariva iny, dia hoy izy taminy: « Tsy andriko izay hahatongavan'ny fanomezana avy amin'i Jesosy! » Nitsiky ny reniny sady nanoroka azy no ninary torimaso mamy ho azy, sady naniry indrindra ny mba hanany finoana sy fahatokiana tena matanjaka toy izany.

Ny ampitso maraina dia nanapa-kevitra ny ho any an-tranon'ny namany iray ny raim-pianakaviana mba hindrana vola ho entiny mikarakara ny ankohonany. Rehefa hivoaka anefa izy, dia nahita kitapo feno kitay teo anoloan'ny tranony, ary teo an-tokonam-baravarana, dia nisy kitapo iray lehibe ihany koa. I Johnny izay efa nifoha sady noana tamin'izay, satria tsy nihinana na inona na inona izy talohan'ny hatry ny alina, dia

nihazakazaka nivoaka. Mbola tsy nikoso-maso akory izy raha nanokatra ilay kitapo lehibe ny reniny sady namoaka ny tao anatin'ny harona lehibe iray feno ovy sy harona iray hafa feno lafarinina.

Rehefa nanala ilay kitapo foana hiala ny reniny, dia nibanjina azy i Johnny, ary tamin'ny maso feno fanantenana dia niteny izy hoe: « Neny a ! Hamarino hoe raha misy akondro ao anatin'ny? » Nidobodoboka be ny fon'ny reniny sady te-hitomany izy rehefa nahita ity zanany niandry tamim-pahatokiana. « Miala tsiny aho, » hoy izy nanoroka azy, « tsy misy zavatra hafa tao anatin'ny ilay kitapo, ry Johnny a ! » « Tsy maninona, » hoy ny navalin'i Johnny. « Angamba handefa anjely hafa izy rehefa avy eo hitondra akondro! »

Rehefa niditra tao an-dakozia iny ny reniny handraraka ny lafarinina ho ao amin'ny fitoerany, dia akory ny hagagany nahita akondro roa (eny, tena roa marina) tao anatin'ny lafarinina. Napetraka tao anatin'ny lafarinina izy ireo mba tsy ho vaopotsitry ny ovy.

Sady nitomany ny reniny no niantso azy mianadahy sady nanome azy ireo ireo akondro roa izay efa nandrasan'izy ireo fatratra! « Efa nilaza tamin'ny anie aho ry neny e, » hoy i Johnny sady nanjelanjelatra ny masony. « Fantatro fa mihaino ny vavaka rehetra ataontsika i Jesosy. Mamaly azy ireo amin'ny fomba tsy manam-paharoa fotsiny izy! »

Fanontaniana:

1. Nahoana araka ny hevitrao no miavaka eo imason'i Jesosy ny ankizy?
2. Afaka matoky an'Andriamanitra ve isika na dia mamaly ny vavaka ataontsika amin'ny fomba hafa tsy ampoizintsika aza Izy?
3. Moa ve ianareo afaka mizara fanandramana ny amin'ny namalian'Andriamanitra ny vavaka nataonareo?

ANDRO 2- Ny fanehoana ny hatsaram-panahy eo amin'ny fiainana andavanandro

« Fifaliana amin'ny olona ny manisy soa. » Ohab. 19:22

Indray andro, i Ben Maxson dia nitantara ny fifanakalozan-kevitra nifanaovany tamin'ny olona iray izay niara-dia taminy tao amin'ny fiaramanidina. Tamin'izay fotoana izay dia talen'ny Sampana Fitantanam-Piainana Kristianina tao amin'ny Foibe maneran-tanin'ny Fiangonana izy. Nanontany azy ny amin'ny asa ataony ilay olona. Toy izao ny navaliny azy : « Pasitera aho, tompon'andraikitra ny Fitantanam-Piainana Kristianina ao amin'ny fiangonanay. » Gaga ilay olona sady nametraka fanontaniana hafa indray hoe : « Inona no dikan'izany? » « Tsy zavatra mora hazavaina amin'ny olona izay tsy mahalala Baiboly izany, » hoy i Maxson, sady notohizany toy izao: « Heveriko fa be dia be ny Kristiana ato anatin'ity fiaramanidina ity, fa moa ve tena Kristianina marina tokoa izy rehetra ireo? » Tonga dia namaly avy hatrany ilay olona : « Tsy mino aho fa tena Kristianina marina tokoa izy rehetra ireo. »

« Eny fa na dia ireo olona tsy dia mpivavaka loatra aza mahafantatra ny atao hoe tena Kristianina marina, » hoy i Maxson. « Ny adidiko amin'ny fotoana rehetra dia ny manampy ny olona hampihatra ny Kristianisma. » Ny hoe mpitantana mahatoky dia mitaky fandinihana ny didy lehibe indrindra araka ny nambaran'i Jesosy: « Tiava an' i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny sainao rehetra. Izany no didy lehibe sady voalohany. Ary ny faharoa, izay tahaka azy ihany, dia izao: Tiava ny namanao tahaka ny tenanao » (Mat. 22:37-39).

Avy eo i Maxson dia nanampy hoe: « Angamba misy olona mety hanontany hoe: « Na izany aza, ahoana no hamaritana ny fitiavana? Na dia ao amin'ny Baiboly aza, ny fitiavana dia aseho amin'ny fomba maro! » Azo atao ny maneho fitiavana amin'ny alalan'ny fanolorana fanatitra, amin'ny alalan'ny asa fanompoana, eny, amin'ny alalan'ny fihainoana koa aza. Inona ary ny toetra fototra ahafahako mampita ny fitiavana, na amin'ireo akaiky ahy na amin'ireo olona izay mety tsy hihaona amiko raha tsy indray mandeha eo amin'ny fiainako angamba? Ny valiny dia hitantsika ao amin'ily hira mirakitra ny fitiavana nosoratan'ny apôstôly Paoly. Hoy izy hoe: « ny fitiavana mahari-po sady mora fanahy » (1 Kor. 13:4). Amin'ny alalan'ny fanehoana hatsaram-panahy amin'ny hafa dia mampiseho fa tia an'Andriamanitra isika (1 Jaona 4:10, 11).

Ny hatsaram-panahy amin'ny zavatra madinika sy amin'ny fanapahan-kevitra goavana.

Ny Soratra Masina dia miresaka ny amin'ny fahatsaran'Andriamanitra. Tian'Andriamanitra ho hita maso sy ho azo tsapain-tanana io hatsaram-panahy io. Iray ihany ny fomba hahatongavana amin'izany: amin'ny alalan'ireo zanany. Misy boky ao amin'ny Testamenta Taloha izay mampiseho fa ny hatsaram-panahy dia misy sy hita miseho. Ny Bokin'i Rota no boky tokana ao amin'ny Baiboly mitondra ny anaran'ny vehivavy iray izay tsy anisan'ny firenen'ny Isiraely.

Azontsika atao ny miverina any amin'ny tantara an'arivony taona lasa ary hahafantatra ny fomba fanao sy ny lalàna nifehy ny fiainana ara-tsosialy sy ara-pivavahana tamin'izany fotoana izany.

Nanomboka tao Betlehema ny tantara, avy eo dia nifindra kely nankany amin'ny tanin'i Moaba, ary nifarana tao Betlehema. Noho ny hain-tany dia nanapa-kevitra ny fianakavian'i Elimeleka fa honina vetivety any amin'ny tanin'i Moaba. Tao anatin'ny folo taona monja, Naomy, vadin'i Elimeleka, dia nandevina ny vadiny, nanatrika ny fampakaram-bady sy ny fahafatesan'ireo zanany roa lahy taty aoriana, ary izy sy ireo vinantovaviny roa sisa tavela, i Orpa sy i Rota. Betsaka ny zavatra mety mitranga ao anatin'ny folo taona monja! Nanapa-kevitra ny handeha hody tany aminy i Naomy, ary niaraka taminy ireo vinanTôny roa. Intelo ireto vehivavy maty vady ireto no nijanona sy nitomany. Izay ihany no azon'izy ireo natao teo anatrehan'ity toe-javatra ity. Intelo i Naomy no nanizingizina fa tokony hody any amin'ny tanindrazany ireo vinantovaviny, ary tamin'ny farany dia nanapa-kevitra ny hody any amin'ny ray aman-dreniny sy ireo mpiray tanindrazana taminy i Orpa. Nahavita ny adidin'izy ireo tamin'ny ankohonany avy izy roa vavy ireto ary olona afaka izy ireo izao. Tsy manana adidy amin'i Naomy intsony koa izy ireo. Nilaza mazava tsara sy ara-lojika tamin'izy ireo i Naomy fa tsy manana fomba hiahiana azy ireo intsony amin'ny ho avy.

I Rota kosa dia tsy nandeha. Tsy te-hody izy, ary nanao fanambarana anisan'izay tsara indrindra ao amin'ny Baiboly: « Aza manery ahy handao anao sy hiala amin'ny fanarahana anao; fa izay alehanao no halehako ary izay itoeranao no hitoerako, ny firenenao no ho fireneko, ary ny Andriamanitrao no ho Andriamanitro; izay tany hahafatesanao no hahafatesako, sady any koa no handevenana ahy; hataon' i Jehovah amiko anie izany, eny mihoatra noho izany aza, raha tsy ny fahafatesana ihany no hampisaraka antsika » (Rota 1:16, 17).

Ireo teny tsotra nefa lalina ireo dia nambara tamin'ny fiteny mirakitra fanekena izay maneho fitiavana sy fahatokiana. Io no votoatin'ny tsy fivadihan'ny tena manokana. Ny firaiketan'i Rota dia an-tsitrabo, safidy malalaka ary tsy manantena valiny na inona na inona avy amin'i Naomy. Matetika ao amin'ny Baiboly no ahitantsika sary maneho ny fitiavan'ny ray aman-dreny ny zanany, eny fa na dia ny zanaka ara-panahy aza, toy ny fifandraisana nisy teo amin'i Paoly sy i Timoty (1 Tim. 1:1-5). Misy tranga maro izay anehoan'ny ankizy ny firaiketam-pony amin'ireo ray aman-dreniny. Fa izany hoe vinantovavy haneho fihetsika toy izany amin'ny rafozambaviny dia zavatra tsy fahita firy.

Tsy voalazan'ny tantara ny anTôny nahatonga an'i Rota nandray izany fanapahan-kevitra izany, kanefa i Naomy dia efa namerina taminy fa tsy manan-javatra hatolotra azy izy. Toa iray ihany ny valiny azo omena : ny hatsaram-panahin'i Naomy. Noho io hatsaram-panahiny io, dia afaka nahatakatra ny hatsaram-panahin'Andriamanitra i Rota. Izany no anTôny nahatonga azy niteny hoe : « ny Andriamanitrao no ho Andriamanitro. »

Amin'ny teny hebreo, ny teny hoe « hesed » dia midika ho fifandraisana matanjaka mifamatotra. Sarotra ny mandika azy, ary maneho toetran'Andriamanitra marobe ilay teny. Ity teny ity dia mety adika koa hoe fitiavana, famindram-po, hatsaram-panahy, fahasoavana, fifikirana, fandavan-tena ary fahatokiana tsy miovaova. Ireo toetra rehetra ireo dia manosika ny olona iray hanao zavatra ho tombontsoan'ny hafa, kanefa tsy manantena valiny avy amin'izany. Nampiasa an'io teny io i Naomy rehefa niresaka tamin'ireo vinantovaviny roa : « mba hohasoavin' i Jehovah anie hianareo araka izay efa nataonareo tamin'ny maty sy tamiko koa » (Rota 1:8), ary mikasika an'i Boaza dia hoy izy hoe : « Hotahin' i Jehovah anie izay tsy nitsahatra hanao soa amin'ny velona sy ny maty » (Rota 2:20).

I Rota, mifanohitra amin'i Naomy, dia tsy be teny firy; fa tamin'ny fihetsika kosa dia nasehony ny dikan'ny hoe hatsaram-panahy (hesed), araka ny voalazan'ny mpitantara: « Fa Rota kosa nifikitra taminy » (Rota 1:14). Tsy mitory ny hatsaram-panahy izy, fa mampiseho kosa ny atao hoe hatsaram-panahy.

Ny hatsaram-panahy aseho ny vahiny, ny mpitondratena ary ny mahantra

Ny fahatongavan'i Naomy niaraka tamin'i Rota tao Betlehema dia tsy takona afenina, satria « taitra taminy ny tanàna rehetra » (Rota 1:19). Ny olona rehetra tao an-tanàna dia nahafantatra ny fanandramana mangidy nolalovan'ity fianakaviana ity. Tsy vitan'ny hoe tsy nanana vady intsony i Naomy, fa mbola namoy ny zanany roa lahy ihany koa izy. Ny mpitondratena, izay tsy nanana fianakaviana hamelona azy tamin'izany fotoana izany, dia tena fadiranovana mihitsy. Ny maha-irery, ny fahadisoam-panantenana ary ny fanaintainana arapihetseham-po, dia tena mbola olana lehibe tsy tamin'ny taloha ihany, fa na dia ankehitriny koa aza. Ny fahitantsika ny sarin'Andriamanitra dia mety miova rehefa tototry ny fanaintainana isika. Hitantsika izany tamin'ny tenin'i Naomy hoe: « mangidy indrindra ny nataon'ny Tsihoa tamiko » (Rota 1:21). Tena nanana fomba fijery mifanaraka tamin'ny zava-misy i Naomy; nanoso-kevitra izy mba hanovana ny anarany : « Antsoy hoe Mara (Mangidy) aho. » Nefa tadidio fa tsy nampiseho fangidiana izy; nantsoiny fotsiny hoe mangidy ny toe-javatra niainany. Naomy dia mbola nijanona ho Naomy (mahafinaritra) ihany; izany no anTôny nifidianan'i Rota nijanona niaraka taminy. Tsy nanary ny finoany tamin'ilay nantsoin'i Davida hoe « Rain' ny kamboty sy Mpanome rariny ny mpitondratena » (Sal. 68: 5) izy.

I Rota, angamba somary be fanantenana kokoa, dia tsy hoe mpitondratena mahantra toa an'i Naomy fotsiny ihany. Ambonin'izany, dia vahiny ihany koa izy. Miverina in-droa ambin'ny folo ny anarany ao amin'ity tantara ity, ary in-dimy izy no nantsoina hoe Rota, ilay Moabita. Io famerimberenana io angamba dia niniana natao mba hampahatsiahy antsika fa izy dia tsy anisan'ny vahoaka voafidy. Vahiny izy. Fa tia ny vahiny ihany koa anefa Andriamanitra, ka izany no nandidiany ny olony tsy hijinja ny zavatra rehetra any an-tsaha. Hoy Izy: « fa avelao ho an'ny mahantra sy ny vahiny izany » (Lev. 19:10).

Nangataka alalana tamin'i Naomy i Rota mba « hankany an-tsaha mba hitsimpona salohim-bary eo aorian' izay hahitako fitia eo imasony, » izany hoe eo amin'ny sahan'izay vonona haneho fahatsaram-panahy (hesed) aminy (jereo ny Rota 2: 2). Eto dia miditra antsehatra ilay olona fahatelo ao amin'ny Bokin'i Rota, tsy iza fa i Boaza izany. Ny mpitantara dia milaza fa i Boaza dia olona mpanankarena izay nanana ny maha-izy azy tokoa teo anivon'ny fiaraha-monina. Mikarakara tsara ny mpiasany am-panajana feno izy, ka rehefa miarahaba azy ireo izy dia mitso-drano azy ireo ihany koa. Ny fiarahabana hita mandrakariva eo amin'ny kolotsaina rehetra, eny fa na dia tsy mitovy aza ny teny lazaina sy ny fihetsika hanehoana izany. Ny tanjon'ny fiarahabana dia ny fambolena fifandraisana; izany no zavatra voalohany ataontsika rehefa mifanena amin'ny olona isika. Rehefa miarahaba isika, dia milaza hoe: « Zava-dehibe amiko ianao. » Io no fomba mora indrindra hanehoana ny hatsaram-panahy. Tena nanohina ny fon'i Rota ny fankasitrahana nataon'i Boaza azy tamin'ny fomba nitondrany an'i Naomy, rafozambaviny. Hoy izy avy eo: « Aoka hahita fitia eo imasonao aho, tompokolahy; fa efa nampifaly ahy hianao, ary efa niteny mora tamin' ny zatovovavinao, na dia tsy tahaka ny anankiray amin' ny zatovovavinao aza aho! » (Rota 2:13).

Manana hery lehibe tokoa ny teny tsara atao amin'ny fotoana maha-mety azy! Betsaka ny olona manodidina antsika no tsy manantena zavatra firy avy amintsika, afa-tsy fiarahabana angamba, na fankasitrahana na fampaherezana fotsiny. Amin'ny alalan'ny teny tsootra dia azontsika atao ny mandray azy ireo ao amin'ny tontolo misy antsika. Fa raha mbola mijanona ho vahiny sy vitsy an'isa sy mahantra, ka mety hiteraka sakana na elanelana ho antsika ihany izy ireny, ny hafatr'i Jesosy tamin'ny toriteny farany nataony dia natao ho an'ny hafa, fa tsy ho antsika (Mat. 25:31-46).

« Eo ambanin'ny elany »

Mampiasa sary maro ny Baiboly izay manampy antsika hahafantatra ireo fahamarinana lalina nambara tao anatin'ny. Mila sary mahazatra isika mba hahitantsika izay tsy hitan'ny maso tsootra amin'izao. Takatsika tsara kokoa ny hatsaram-panahin'Andriamanitra rehefa vakiantsika ao amin'ny Soratra Masina fa Izy dia toy ny reny tsy manadino ny zanany (Isaia 49:15), na toerana mimanda, na toerana « fialofana » (Sal. 91: 2).

Nampiasa sary hafa i Boaza tamin'ny teniny rehefa niarahaba an'i Rota: « Hamaly ny nataonao anie Jehovah, ka homen' i Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, valim-pitia lehibe anie hianao, satria avy hialoka eo ambanin' ny elany hianao » (Rota 2:12). Ny sary an'ohatra « ny elatry ny vorona miaro ny zanany » dia ampiasain'Andriamanitra amin'ny tenany» (Eks. 19:4) ho an'ny olony. Nolazain'i Boaza tamin'i Rota fa ny elatry ny fitondran' Andriamanitra, ny famindrampony taminy ary ny fahatsarany dia efa nasehony taminy, izay vahiny.

Nanazava koa ny anTôny nanaovany an'izany tamin'ny zanak'isiraely Andriamanitra : tsy satria mendrika izany izy, fa araka ny drafiny dia tiany ny hanehoan'ny olony hatsaram-panahy mitovy amin'ny firenena rehetra. « Ho fanjaka-mpisorona ho ahy ianareo » (Eks. 19:6). Izy ireo dia tokony ho lasa elatra fiarovana ho an'ny hafa, toa an'i Boaza. Hoy i Ellen White: *“Izay rehetra nanaraka ny ohatr'i Rahaba Kananita sy Rota Moabita, ka nivily niala tamin'ny sampin'izy ireo mba hanompo Ilay Andriamanitra marina, dia tsy maintsy mitambatra amin'ny vahoaka voafidy. Arakaraka ny hitomboan'ny Isiraely, dia hanitatra ireo sisin-taniny izy mandra-pahatongan'ny fanjakana hanenika ny tany manontolo.»* Ellen G. White, *Les Paraboles de Jésus*, p. 250.

Ny elatra dia tsy toy ny manda, sary maneho fiarovana, vita amin'ny vato. Ny elatra dia maneho ny tsy fivadihana sy ny fitiavana, kanefa maneho ny toetra marefo ihany koa. Izany no anTôny tsy hahitana tsara ny hatsaram-panahin'Andriamanitra ao anatin'ny toe-javatra mampijaly indraindray, afa-tsy tany Golgota ihany. Amin'izay no ahafahana miaro antsika amin'ny ratsy lehibe indrindra eto amin'ity izao tontolo izao ity, dia ny fahotana.

Ao anatin'ny boky, ny mpitantara dia tsy niresaka mivantana mikasika an'Andriamanitra afa-sy indroa ihany : tamin'ny fiandohan'ny bokin'i Rota, rehefa nilaza izy fa « fa novangian'i Jehovah ny olony ka nomeny hanina. » (Rota 1 : 6), ary tamin'ny farany, « ary Jehovah nampanan-anaka azy, ka niteraka zazalahy izy. » (Rota 4:13). Antsoin'ny teolojianina hoe ny teknikan'ny 'fampidirana' an'Andriamanitra ao amin'ny tantara (inclusion) izany. Rehefa misy zavatra voalaza eo am-piandohan'ny tantara ka miverina indray ny hevitra mitovy amin'izany amin'ny fiakaran'ny tantara, dia midika izany fa fahamarinana iray ihany no mibahana ao amin'ilay tantara. Eto izany ho antsika, ny lohahevitra mibahana ao amin'ny

bokin'i Rota dia Andriamanitra izay manome mofo sy fiainana, Izy no loharanon'ny zavatra rehetra ananantsika, eny fa na dia ny fisiansika aza.

Na i Naomy na i Rota na i Boaza dia samy nilaza izany fahamarinana izany tamin'ny lahateny nataon'izy ireo. Tamin'ny alalan'ny fitondrantenan'izy ireo, ny fihetsiny ary ny fahafoizan-tenany no nanehoan'ny tsirairay tamin'izy ireo tao Betlehema tamin'ireo taranaka ho avy ary na dia ny ankehitriny aza, ny atao hoe ny « fivavahana marina. » Nanome antsika ny fivavahana kristianina tena izy izy ireo ary naneho tamintsika ny atao hoe mpitantana, izay hilazan'i Jesosy hoe : « Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky, » amin'ilay andro lehibe.

Ny fomba tokana ahitan'ny olona ny fahatsaran'Andriamanitra dia amin'ny alalan'ny ohatra asehon'ireo zanany. Zavatra iray ihany no naharesy lahatra ireo vehivavy tao antanànan'i Betlehema, dia ny tena fitiavan'i Rota an'i Naomy. Taorian'ny nanambadian'i Rota an'i Boaza sy niterahany zazalahy, dia hoy izy ireo tamin'i Naomy : « Dia hamelona ny ainao sy hitaiza anao izy, rehefa antitra hianao; fa niteraka azy ny vinantonaovavy, izay tia anao, ilay tsara lavitra aminao mihoatra noho ny zanaka fito lahy » (Rota 4:15). Tsy maintsy faly i Naomy rehefa nitroto ilay zaza teny an-tanany. Ankehitriny dia tsy afaka miteny intsony izy hoe: « Nivoaka nanam-be aho, fa ampodin' i Jehovah tsy manana na inona na inona » (Rota 1:21).

Inona no tena mahaliana antsika momba an'i Rota Moabita ? Betsaka ny zavatra azo deraina, saingy angamba ambonin'ny zavatra rehetra ny safidiny, ny herim-pony ary ny fahavononany. I Rota dia mijanona ho ohatra eo amin'ny fandraisana ireo fanapahan-kevitra lehibe eo amin'ny fiainana. Amin'ny maha-olombelona, dia afaka milaza isika fa raha tsy teo i Rota dia tsy ho nisy an'i Obeda, ry Davida ... sy ny sisa izay nandrafitra ny tantara. Moa misy zavatra tena lehibe mihoatra noho ny fananana hatsaram-panahy, tahaka ny ohatra izay nomen'i Jesosy ve ?

Antso

1. Andriamanitra dia Andriamanitry ny fifandraisana. Amin'ny fomba ahoana no mahatonga ny fifandraisana ho laharam-pahamehana eo amin'ny fiainanao ?
2. Ahoana no ahafahan'ny Bokin'i Rota mitaona anao hanova ny fihetsikao sy ny fitondrantenanao eo amin'ny fianakavianao, sy ireo olona akaiky anao, eny fa na dia ireo vahiny koa aza ?
3. Inona no ianarantsika avy amin'i Rota momba ny fandraisana fanapahan-kevitra eo amin'ny fiainana ?

Tantara ho an'ny ankizy- ANDRO 2

Ny hoe « mandresy, » dia mamela heloka

« Fa raha mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia mba hamela ny anareo kosa ny Rainareo Izay any an-danitra. » Mat. 6:14

Tena mpinamana be tsy mifankafoy i André sy i Tôny. Niara-nilalao izy ireo, nifampiresaka an-telefaonina rehefa hariva, ary niaraka nitsidika ny toeram-pitsangatsanganana na nandeha bisikileta aza rehefa nanana fotoana hitondrana azy ireo tany ny ray aman-dreniny. Samy kilasy fahefatra tao amin'ny sekoly iray izy ireo, saingy samy nanana ny kilasiny : tao amin'ny kilasy A i Andrea, fa i Tôny kosa tao amin'ny kilasy B. Niara-nianatra izy ireo matetika, ary fantatry ny sekoly rehetra fa tena mpinamana be ry zareo.

Fa indray andro, tamin'ny fiafaran'ny taom-pianarana, dia nisy fifaninanana ara-panatanjahan-tena fanao isan-taona tao amin'ny sekoly nianaran'izy ireo. Tsy maintsy nifanandrina ny kilasin'izy ireo teo amin'ny fiadiana izay ho tompon-dakan'ny baolina kitra. I Andrea sy i Tôny dia samy nahay nilalao baolina kitra, ary fantatr'ireo namany fa nandresy matetika ny ekipa nisy azy ireo rehefa niara-nilalao izy ireo. Tamin'ity indray mitoraka ity anefa dia samy nanontany tena ny rehetra ny amin'ny fomba hiatrehan'izy ireo izao fanandramana vaovaon'ny fifaninanana izao.

« Manantena aho fa tadidinao fa ny fifaninanana ara-panatanjahantena ary na ny loka aza dia mandalo fotsiny ihany, fa ny fisakaizana kosa maharitra mandritra ny fiainana, » hoy ny renin'i Andrea taminy rehefa nitondra azy ho any am-pianarana izy ny marain'ilay andro lehibe hanaovana ny fifaninanana. « Eny, ry Neny a!, ny fisakaizana no lohalaharana amin'ny zavatra rehetra! » hoy i Andrea, sady namerina ny teny filamatra fanaon'izy roalahy matetika izy.

Talohan'ny nanombohan'ny fifaninanana dia nankeo amin'i Tôny i Andrea, sady niarahaba azy tamin'ny fomba mahazatra izay fanaon'izy ireo, sady niteny taminy hoe: « Mpinamana foana isika na inona na inona mitranga eo an? » « Eny tokoa, marina izany! » hoy i Tôny namaly azy, ho solon'ny fampanantenana.

Rehefa tonga teo amin'ny toerana filalaovana izy ireo dia nanambara tamin'ny tsirairay tamin'izy ireo ny mpampianatra azy ireo fa matoky azy ireo izy. Rehefa hitan'izy ireo tamin'ny mason'ireo namany avy ny zavatra izay andrasan'izy ireo, ny isa koa moa tena nifanakaiky, dia samy nahatsapa i Andrea sy i Tôny fa tsy mora ny lalao ary tsy azon'izy ireo atao ny misoroka ny fifanandrinana. Niova hatrany ny isa, nanatombo ny ekipa iray. Tao anatin'ny dimy minitra farany tamin'ny lalao dia nitovy ny isa: 6-6. I Andrea sy i Tôny anefa dia samy nametrahan'ny ekipan'izy ireo avy ny fanantenany. « Ianao no fanantenanay farany! » hoy i Max nibitsibitsika tao an-tsofin'i Andrea, raha nanao ny fanafihana farany ny ekipa mpifanandrina taminy.

Hadinon'i Andrea vetivety teo ny torohevitra ny reniny taminy sy ny tena fisakaizana, ka raha nahita an'i Tôny nandroso sy nitondra baolina nanakaiky ny tsato-by iny izy, dia nanao fahadisoana ary nampianjera azy. Hitan'ny mpitsara ny lalao izany ary avy hatrany izy dia nanondro teo amin'ny toerana fandakana ny « pénalty, » sady nanome karatra mena ho an'i Andrea. Matin'i Tôny ny baolina, ary dia nandresy ny ekipany. Na dia izany aza anefa, dia tsy

afaka nifaly tamin'ny fandresena azon'ny ekipany i Tôny. Nalahelo ny fony tamin'ny fihetsika nataon'ilay sakaizany. Taorian'ny lalao, dia nisolo akanjo izy ary nody avy hatrany tany an-tranony tsy nety niresaka na tamin'iza na tamin'iza.

Tsy nahita tory i Andrea tamin'io alina io. Tsy niantso azy koa ny sakaizany ary manina an'izany izy. Fantany fa na dia nandresy tamin'ny lalao aza izy, kanefa namoy ny sakaizany dia tsy misy dikany izany. Tena nahatsiaro ho ory izy fa nivadika tamin'i Tôny. Etsy ankilany, i Tôny dia nitsotra teo am-pandriany, nibanjina ny valindrihana, nahatsapa ny ngidin'ny famadihana azy. « Tsy hamela azy mihitsy aho", hoy izy tamin'ny reniny rehefa tonga nirary torimaso mamy ho azy izy. » « Heveriko fa manary fandresena lehibe kokoa noho izay azonareo androany ianao, » hoy ny reniny taminy. « Fandresena inona? » hoy i Tôny nanontany. « Ny fandresena ny tenanao. Fantatro fa azonao atao ny mamela ny helok'i Andrea, saingy tsy te-hanao izany ianao, satria namadika anao teo imason'ireo namanareo hafa izy. Fa ny famelana ny helok'i Andrea no tena lalao tokony hatrehinao, amin'izay na ianao handresy na ianao ho resy! »

Ny ampitson'iny, tamin'ny fotoanan'ny fialan-tsasatra voalohany, dia nankany amin'ny efitrano fianaran'i Andrea i Tôny sady nandringa, sady nilaza taminy fa tsy sosotra aminy izy. Tsy navelany hanimba ny fisakaizan'izy ireo ny lalao iray. Ary na dia tsy diso aza izy, dia mbola te-ho sakaizan'i Andrea foana. Dia nitomany sady nanoroka ny sakaizany i Andrea, sadaikatra loatra hilaza zavatra hafa ankoatry ny hoe « Misaotra! » izy. Samy 41 taona izy mirahalalahy izao, kanefa dia mbola mijanona ho mpinamana be hatrany!

1. Nahoana araka ny hevitrareo no manan-danja kokoa ny fifandraisana sy ny namana noho ny zava-bita hafa?
2. Ahoana no hamaritanareo ny tena namana?
3. Fantatrareo fa namanareo i Jesosy, fa ahoana no ahafahanareo ho naman'i Jesosy koa?

ANDRO 3- Tsy manao marimaritra iraisana amin'i Babylona

« Ary Daniela ninia tao am-pony tsy handoto ny tenany tamin' ny anjara-hanina avy tamin' ny hanin' ny mpanjaka, na tamin' ny divay izay fisotrony; ka dia nangataka tamin' ny lehiben' ny tandapa izy mba havelany tsy handoto ny tenany. » Dan. 1:8

Matetika isika no manana fahatsapana fa ny fametrahana an'Andriamanitra ho loha-laharana dia mahakasika ny fiainana ara-pivavahana fotsiny ihany, fa ny fiainantsika eo amin'ny tontolon'ny asa kosa dia tsy voakasik'izany. Ny fivavahan'ny Baiboly kosa dia fivavahana azo ampiharina ; mahakasika ny tontolon'ny fisiana rehetra sy ny olombelona amin'ny ankapobeny izany. Indraindray na dia ireo olona ao amin'ny Baiboly aza, dia tsy nametraka an'Andriamanitra ho loha-laharana sady nanao marimaritra iraisana. Lava ny lisitr'izy ireo ary tafiditra ao anatin'izany ry i Eva, i Adama, i Abrahama, i Mosesy, i Solomona, i Elia, ary i Petera, mba tsy hanonona ny hafa ankoatra ireo. Tsy lava loatra koa ireo izay tsy nilefitra mihitsy, i Jesosy no voalohany amin'izany, ilay modely tonga lafatra, arahin-dry i Josefa, i Daniela, ireo naman'i Daniela, Hanania, Misaela ary Azaria, sy ireo hafa ihany koa.

Mitazona ny maha-izy ny tena sy ny fahitsiana

Nanao fahirano an'i Jerosalema i Nebokadnezara, mpanjakan'i Babylona, sy ireo miaramilany ka nandresy azy ary naka ny fanaky ny tempoly. Naka takalon'aina ihany koa i Nebokadnezara, anisan'izany ry i Daniela sy ireo namany (Dan. 1:3-5). Ny tanjona voalohany nitondrana azy ireo tany Babylona dia ny hanompo ny fanjakana Babyloniana. Tsy maintsy nofanina tao amin'ny « Oniversiten'i Babylona » izy ireo, hianatra ny kolontsainy, ho talanjona amin'ny fahatsarany sy ny fahalehibiazany ary hitady ny tombotsoany. Misy riska roa hatrany ny fanandevozana : ny voalohany dia ny fitokana-monina. Mora kokoa ny mitazona ny finoanao, ny soatoavinao ary ny kolontsainao rehefa mijanona ao amin'ny toerana mihidy ianao. Ny hafatr'Andriamanitra izay nampitondrainy an'i Jeremia mpaminany anefa dia tsy ny fitokana-monina, fa ny hiatrika sy hiaina ny fiainan'i Babylona, ary ny haneho fa manana an'Andriamanitra sy manana fanantenana izy ireo (Jeremia 29). Ny riska faharoa dia ny fanekena sy ny fandraisana tanteraka ny kolontsain'ny hafa ary fahafoizana ny an'ny tena. Izany no niezahana natao tamin'ireo tanora jiosy ireo. Rehefa tonga tany Babylona izy ireo dia novaina ny anarany satria izany dia nanondro ny mombamomba ny fivavahany sy ny andriamaniny. Ny filôzôfian'i Babylona kosa dia ny hanohy ny fanirian'ireo mpanorina ny tilikambon'i Babela mba hanome laza azy ireo.

Ankehitriny koa, ho an'ny olona maro, ny rafitry ny fanabeazana na ny rafitra ara-bola dia fomba iray natao mba hampahalaza ny tena. I Abrahama, rehefa nantsoin' Andriamanitra dia nandao an'i Babylona tamim-pahatokiana fa hitana ny teny nataony Andriamanitra ary hahalehibe ny anarany (Gen. 12:2), sy hahatonga azy ho fitahiana ho an'ny firenena rehetra. Rava i Babylona, nisy fanjakana hafa vaovao nanaraka azy, ary ilay mpanjaka vaovao, i Dariosa, rehefa nanakaiky ny lavaky ny liona, dia niantso an'i Daniela tamin'ny anarany jiosy, izay haharitra mandrakizay. « Ry Daniela, mpanompon' Andriamanitra velona ô, moa ny Andriamanitrao Izay tompoinao mandrakariva mahavonjy anao amin'ny liona va ? » (Dan. 6:21). Ilay lavaky ny liona izay nanipazana an'i Daniela sy ny lafaoro nisy afo nirehitra izay

nafanaina impito ka nanipazana ireo sakaizany telo lahy dia nampiseho fa very ny maha-izy azy ireo. Azo ovaina ny anarana, fa ny fo kosa tsy azo ovaina.

Ireo tovolahy ireo ihany koa dia nomena ny fanabeazana babyloniana, ankoatra ny fianarana fiteny vaovao, mba hanompoan'izy ireo ny fanjakana amin'ny ambaratonga avo indrindra. Nanana fahalalana lalina ny Tenin'Andriamanitra izy ireo. Izany no antony nahafahan'izy ireo nanivana sy nanavaka ny marina amin'ny lainga.

Ny dingana natao mba handraisan'izy ireo tanteraka ny kolontsaina babyloniana dia tsy nijanona tamin'ny anarana sy ny fivelarana ara-tsaina fotsiny, fa nikasika ihany koa ireo lafimpianana maha-olona izay an'ny tena manokana, anisan'izany ny sakafo. Naniry ny hanova ny fomba fiainan'izy ireo i Babylona, izay nanana hery mety hanimba lehibe ny maha-izy azy ireo ihany koa.

Ny fihinanana ny sakafo aroso eo amin'ny latabatry ny mpanjaka dia mifanohitra amin'ny fihinanana ireo sakafo izay nandidian'Andriamanitra mazava araka ny lalàna (Lev. 11). Ny tanjon'ny didy momba ny sakafo sy ny lalàna jiosy rehetra, dia ny fanamasinana, ny fitehirizana ny maha-izy ny tena amin'ny maha-vahoakan'Andriamanitra.

Firindrana eo amin'ny fomba fiainana

Tsy nanan-tsafidy tamin'ny zavatra sasany i Daniela sy ireo namany : ny fitondrana azy ireo ho babo tany Babylona, ny fanovana ny anarany, ny fanomanana azy ireo ara-pahalalana ary ny safidy mikasika ny sakafony.

Lavitra ny tanindrazany, andevo tany an-tany hafa, ireo tovolahy ireo dia tojo fanerana mafy. Na eo aza izany rehetra izany, dia nanapa-kevitra ny tsy handoto ny tenany izy ireo (Dan. 1:8) tamin'ny hanim-py sy ny divay avy teo amin'ny latabatry ny mpanjaka. Ny fiteny nampiasaina izay misy heviny mifandray amin'ny tontolo ara-pivavahana nisy tamin'izay fotoana izay, izay tsy vitan'ny hoe tsy mifandraika amin'ny lalàna momba ny sakafo voatanisa ao amin'ny Levitikosy 11 ihany, fa indrindra ihany koa efa nisy fombafombam-pivavahana natao taminy mialoha ny androsoana azy, satria ny mpanjaka dia noheverina ho toy ny andriamanitra. Rehefa nangataka legioma sy rano i Daniela, dia nanondro ny sakafo izay nataon'Andriamanitra hohanin'ny olombelona tany am-boalohany (Gen. 1:29), ary tamin'izany dia nilaza mazava izy fa Andriamanitra, fa tsy ny mpanjaka, no Mpamorona.

Misy zavatra telo antsoin'ny Baiboly fa fahavetavetana eo imason'Andriamanitra : ny fanompoan-tsampy, ny fihinanana sakafo tsy madio ary ny fifaneraserana tsy madio. Nanapa-kevitra ny tsy hanao marimaritra iraisana na ny anankiray amin'ireo zavatra ireo ireo tanora hebreo ireo.

Ny teôlôjia momba ny sakafo dia efa aseho sahady ao amin'ireo pejy vitsivitsy voalohany amin'ny Baiboly, satria ny didy voalohany hitantsika ao amin'ny Genesisy dia momba ny sakafo sy ilay hazo voarara (Gen. 2:16, 17). Ny fitsapana voalohany tsy maintsy nolalovan'i Adama sy i Eva dia ny resaka sakafo, ary mbola niverina ihany koa izany teo amin'ny fiainan'i Jesosy, rehefa naka fanahy azy tany an'efitra ny devoly mba hamadika ny vato ho tonga mofo.

Daniela sy ireo namany dia nahatsapa fa tsy maintsy mijoro ho vavolombelona eo amin'ireo mpiara-miasa aminy sy amin'ny babyloniana rehetra izy ireo. Nisafidy ny hihinana sakafo tsy mitovy amin'ny sakafo hebreo mahazatra izy ireo. Sakafo tsy misy hena no

nosafidin'izy ireo. Ireo izay te-hisoroka ny marimaritra iraisana dia tsy afa-po amin'ny fetra apetraky ny lalàna. Nisafidy ny fenitra avo indrindra sy ny tsara indrindra izy ireo.

Indraindray ny olona manodidina antsika, tsy dia liana loatra amin'ny zavatra inoantsika, kanefa kosa tsy azon'izy ireo hadiana tsy hita ny fomba fiainantsika. Ny ankamaroan'ny fifanakalozan-kevitra momba ny Baiboly sy ny fivavahana dia entanin'ny fahitana antsika miaina amin'ny fomba fiainana hafa. Nianarantsika avy tamin'i Daniela fa ny fivavahana dia tsy mianina fotsiny amin'ny fahalalana ara-tsaina sy ny zavatra tsy azo tsapain-tanana fotsiny, fa mbola mandeha lavitra noho izany, tonga hatrany amin'ny zavatra azo ampiharina eo amin'ny fiainana andavanandro izany. Ny fivavahana ihany koa dia mahakasika ny fikarakarantsika ny vatantsika.

Nangataka tamin'i Aspenaza, lehiben'ny tandapa, i Daniela mba hamela azy sy ireo sakaizany hihinana sakafo tsy misy hena mandritra ny folo andro, mitaky risi-pinoana avy aminy izany fa ireo tanora ireo dia hamirapiratra eo amin'ny sedra ampanaovina azy ireo.

Ny fitsapana farany dia natao telo taona taorian'ny fizarana diplaoma, ka rehefa nanontany azy ireo ny mpanjaka dia nahita azy fa izy ireo dia « nanatombo avo folo heny mihoatra ny ombiasy rehetra sy ny mpanandro izay tao amin'ny fanjakany rehetra » (Dan. 1:20).

Ary ireo zatovo efa-dahy ireo dia nomen' Andriamanitra fahalalana sy saina ny amin' ny taratasy sy ny fahendrena rehetra ; ary Daniela nahafantatra ny amin' ny fahitana sy ny nofy rehetra.

Ny lohahevitra lehibe izay mivoitra matetika ao amin'ny bokin'i Daniela dia ny fandresena sy ny fanafahana lehibe. Ny boky dia manomboka amin'ny fotoanan'ny olona eo an-toerana ary mifarana amin'ny fanafahana lehibe. Ny fandresena hita ao amin'ny toko voalohany, rehefa nomen'Andriamanitra fahendrena ireo tanora zazalahy ireo, dia santionany fotsiny amin'izay hanaraka azy aty aoriana. Azo ny fandresena, satria izy ireo dia « nanapa-kevitra » ny tsy hivadika amin'ny fahatokiany an'Andriamanitra, eny na dia amin'ny zavatra izay toa kely aza amin'ny sasany. Ary nomen'Andriamanitra voninahitra ny fahatokian'izy ireo tamin'ny fanomezana fahendrena azy ireo. Araka ny bokin'i Daniela, ny hendry dia hamirapiratra ao anatin'ny haizina tao Babylona, ary ny teny fikasana dia ny hahatonga azy ireo hamirapiratra mandrakizay mandrakizay (Dan. 12:3).

Fomba fiainana ho an'ny andro farany

Tamin'ny toriteniny farany mikasika ny andro farany, i Jesosy dia nanoro hevitra ny handinihina ny bokin'i Daniela (Mat. 24:15). Ny fandinihina natao dia nahatonga ny fahaterahan'ny fihetsehana Advantista sy ny Fiangonana Advantista Mitandrana ny Andro Fahafito. Tsy tokony hohadinointsika anefa fa raha tsy niditra an-tsehatra Andriamanitra nanova ny fomba fiainan'ireo mpamaky laintsika, dia mety ho efa maty ity fihetsehana ity noho ny fahosana ara-pahasalaman'izy ireo. Raha tsy nisy ny hafatra momba ny fahasalamana, dia tsy ho toy izao ny fiangonana ankehitriny, fiangonana maneran-tany manana hafatra ara-paminaniana hotorina. Tamin'ny 1848, Ellen White dia nahazo ny fahitana voalohany ny amin'ny vokadratsin'ny paraky, ny kafe ary ny dite. Naharitra folo taona teo ho eo ny fiangonana vao afaka tamin'ny fahazaran-dratsin'ny sigara sy ny paraky. Ny fahitana manaraka, tamin'ny 1854, dia mikasika ny fahadiovan'ny vatana, ny filaminana ary ny fahadiovana ao an-tokantrano. Ny 06 jona 1863, tao Otsego, tany Michigan, i Ellen White dia

naneho ireo filamatra mikasika ny fomba fiaina mahasalama sy ny maha-anisan'ny filazantsara ny fikarakarana ny fahasalamana.

Mba hahafahany miaina dia mila ireto asa iankinan'ny aina ireto ny olombelona : ny fitempon'ny fo, ny fisefoana, ny fandevonan-kanina ary ny fandraisan'ny vatana ny sakafo. Azontsika atao ny miantso ireo zavatra ireo hoe ny « rafitra miantoka ny fiainana. » Azontsika atao ny mikarakara ity rafitra ity mba hitazonana sy hanatsarana ny vokatry aterany. Isika anefa dia miasa amin'ny sehatra ambonimbony kokoa, ny lafiny ara-tsaina, ary amin'ny fikarakarana saha dia azontsika atao ny hanana fisainana mazava sy mahitsy. Namorona antsika tamin'ny fomba mahatalanjona Andriamanitra. Tsy hoe eo fotsiny ny lafiny ara-batana, fa eo koa ny lafiny ara-pihetseham-po sy ara-tsaina. Mbola nampiany ambaratonga avo kokoa izany, dia tsy inona fa ny fahaizana mandanjalanja ara-pitondrantena sy ara-panahy. Raha manontany tena isika hoe iza amin'ireo ambaratonga etsy ambonny ireo no mahatohitra indrindra ny fanitsakitsahana azy ? Mazava ho azy ny valiny fa ny lafiny ara-batana. Mahatalanjona ny zava-bitany. Betsaka ny olona izay tsy hoe manao antsirambina ny fikarakarana ny vatany fotsiny, fa koa tena manararaotra izany mihitsy amin'ny alalan'ny fampiasana ireo zavatra manimba samihafa. Ny lafiny ara-tsaina no tsy mahatohitra indrindra izany fanitsakitsahana izany, fa ny mora tohina indrindra dia ny lafiny ara-pitondrantena sy ny ara-panahy. Misy fifandraisana akaiky eo amin'ireo lafiny rehetra ireo. Mifampiankina izy rehetra ireo. Hoy i Ellen White : « Misy fifandraisana tsy hay hazavaina sy mahatalanjona eo amin'ny fomba fiasan'ny vatana sy ny saina. » Ellen G. White, *Témoignages pour l'église*, vol. 1, p. 476.

Mba hanamafisana bebe kokoa ny maha-zava-dehibe ny fikolokoloana ny ara-batana, hoy i Ellen White nanampy hoe : « Ny fahasalaman'ny vatana dia tokony hoheverina ho manan-danja amin'ny fitomboana ao amin'ny fahasoaavana sy ny fiforonan'ny toetra voalanjalanja. » *Ibid.*, vol. 3, p. 428.

Ny fananana fahazaran-dratsy eo amin'ny fihinanana sy ny fisotroana dia mahatonga ny feon'Andriamanitra ho sarotra henoina kokoa (Isaia 30:21).

Ity misy fanambarana iray hafa avy amin'ny asa soratr'i Ellen White manamafy ity fahamarinana ity: « Izay rehetra milaza ny tenany fa mpanara-dia an'i Jesosy, dia tokony hahatsapa fa manana adidy hitahiry ny vatany mba hanana fahasalamana amin'ny fahafenoany, mba hahatonga ny sainy ho mazava mba hahatakarany ny zavatra ny lanitra. » Ellen G. White, *Testimonies for the Church*, vol. 2, p. 522.

Nanome torolalana antsika momba ny fomba fiasan'ny vatana Andriamanitra, ary isika dia tsy tokony hahafantatra izany fotsiny, fa tokony hampihatra izany ihany koa. Mila mihinana ny sakafo mahasalama indrindra isika, mihinana amin'ny fotoana mety sy amin'ny fatra antonony, manao fanatanjahan-tena, misotro rano ampy tsara, mifoka rivotra madio, mahazo tanamasoandro tsara, matory tsara, ary indrindra indrindra manana fahatokiana an'Andriamanitra. Ny tanjon'ny fiainana salama dia tsy ny fahavelomana maharitra loatra, fa ny hiaina hanome voninahitra an'Andriamanitra sy hanao araka izay tratra ny asa nankinina tamintsika, tahaka izay nataon'i Daniela.

Aoka tsy hadinointsika fa ny fomba fiainana mifanaraka amin'ny filamatry ny Baiboly no fijoroana ho vavolombelona tsara indrindra, ary mba hankafizantsika ny fiainana toy izany, dia mila ny fahasoaavan'Andriamanitra isika. Izany dia midika ho fametrahana an'Andriamanitra ho loha-laharana eo amin'ny fiainantsika. Izao tontolo izao ankehitriny dia

mila olona izay afaka manao tsia amin'ny fanaovana marimaritra iraisana, tsy hanaiky lembenana, tahaka izay nataon'i Daniela sy ireo namany.

ANTSO

1. Inona avy ireo marimaritra iraisana eo amin'ny fiainanao izay mahatonga ny fomba fiainanao tsy mifanaraka amin'izay takian'Andriamanitra ?
2. Inona no lesona azontsika tsoahina mikasika ny tsy fiovaovana avy amin'ny fiainan'i Daniela ?
3. Inona ny fanapahan-kevitra tianao horaisina momba ny fomba fiainana izay manome voninahitra an'Andriamanitra sy ny fanatanterahana ny iraka nankinina taminao ?

Tantara ho an'ny ankizy- ANDRO 3 *Rehefa misakafy ianareo, dia aza mangalatra*

« Koa amin'izany, na mihinana na misotro hianareo, na inona na inona ataonareo, dia ataovy ho voninahitr'Andriamanitra izany rehetra izany. « 1 Kor. 10:31.

Nafana ny andro tamin'izay. Satria tena nafana be ny andro tamin'ny mitataovovonana, dia niezaka nijanona tao an-trano araka izay azo atao ny olona, mandra-pidin'ny maripana ho ambanimbany kokoa. Nandany ny fialan-tsasatry ny fahavaratra tany amin'ny raibe sy ny renibeny tany ambanivohitra i Emilia. « Tena sorena aho! » hoy izy nitaraina sady sosotra. « Te-hilalao any ivelany miaraka amin'ny Hana aho. » I Hana no sakaizany akaiky indrindra, izay nipetraka tsy dia lavitra loatra an-dry zareo.

« Azoko antoka fa afaka hilalao ianareo rehefa kelikely eo, rehefa mihena kely ny hafanana, » hoy ny torohevitr'i Bebe. « Mandra-piandry izany, dia afaka mamaky boky ianao, milalao ireo saribakoly, manao sary, na manampy ahy hanamboatra bisikoitra (biscuits). »

« Te-hilalao any ivelany aho, » hoy i Emilie nizizo. « Bebe, ô! Avelao moa aho mba hankany amin'i Hana sy hiaraka aminy fotoana fohy e! » « Omeo toky ary aho fa ho mailo tsara ianao! » hoy ny renibeny. « Fanomezana avy amin'Andriamanitra izay tokony hokarakaraintsika ny fahasalamana! » « Mampanantena anao aho ! » hoy i Emilia, sady nivoaka ny varavarana izy no nanoroka ny renibeny.

Fa raha vao tavoaka anefa izy, dia hadinony ny fampanantenana nataony. Rehefa tonga tany amin'ny Hana izy, dia nanao fangalam-piery ry zareo ; rehefa izany, dia nitady toerana malaladalaka kokoa izy ireo sady nivoaka ny faritry ny zaridaina. Dia nanomboka nihazakazaka sy nilalao baolina izy ireo. Tena nandoro ny masoandro, sady tena nafana be ny andro, kanefa izy ireto dia tsy nitandrina na koa tsy nahatsapa ny tanamasoandro nandoro mandra-pijanonan'i Hana sady niteny toy izao izy: « Tena mangetaheta be aho izany ! »

« Maninona moa raha mandeha mividy zavatra hosotroina any an-tsena isika e? » hoy izy ireo.

«Tsy haiko,» hoy i Emilia namaly tamim-pisalasalana. « Mety tsy tian'ny renibeko aho misotro « soda » tsy mahasalama. Ankoatr'izay, tsy manam-bola aho. »

« Andao moa e! hoy i Hana, sady nanofahofa ny tanany tamin'ny rivotra. « Manana vola ampy ao amin'ny boatin-drakitro ampy ho antsika roa aho, ary azoko antoka fa mety hahita zavatra mahasalama sy voajanahary hosotroina ianao. » « Tena mafana be mihitsy izy izany, ary mangetaheta be tahaka ny rameva any an-tany efitra aho, » hoy izy somary nananahany kely.

Nandeha nidina nanaraka ny arabe izy roa vavy, mbola nikoriana tao amin'ny lamosin'izy ireo ny hatsembohana, ary nividy ranom-boasary roa vao navoaka tao amin'ny vata fampangatsiahana izy ireo.

« Manome toky anao aho fa ny siramamy amin'ity ranom-boankazo ity dia hanome anao hery ampy mba hahazoana manatratra ahy haingana, » hoy i Hana nihomehy. « Izany no tanjona, » hoy i Emilia, nijery ny sisa tavela tamin'ilay ranom-boankazo tao anatin'ny tavoahanginy.

« Azoko antoka fa mety manimba ireo zava-pisotro mamy ireo, ary mety tsy ho fanapahan-kevitra hendry ny mividy azy ireny! »

Ora vitsy monja taty aoriana dia hita fa marina izay voalazany. Ny harivan'io ihany, dia nanomboka nahatsapa ny voka-dratsin'ny fanapahan-kevitra noraisin'izy ireo izy roa vavy: nampijaly an'i Hana nandritra ny fotoam-pisakafoanana hariva sy ny alina ny aretin-tenda; nandrava ny fikasan'i Emilia hihaona amin'ny namany ny ampitso kosa ny tazo mahery namely azy. Raha ny marina dia natory teo am-pandriana noho ny aretin-tenda, ny fahatsapana fa mangatsiaka ary ny tazo mahery, narahina fitsaboana tena hentitra nandritra ny efa ho herinandro izy.

« Tokony ho nihaino anao aho! » hoy i Emilia tamin'ny renibeny. « Tsy afaka milalao amin'i Hana aho izao, ambonin'izany dia tsy maintsy miaritra ny fampijalian'ny aretina koa aho! »

« Ary ny fanaintainana vokatry ny nataonao tamin'ny vatanao, » hoy ny renibeny.

« Hitanao, ny vatantsika sy ny fahasalamantsika dia fanomezana nomen' Andriamanitra antsika, ary tokony hikarakara azy ireo isika mba hahasambatra antsika sy hanomezantsika voninahitra Azy. Tsy afaka maneho na manome voninahitra an' Andriamanitra isika rehefa manimba izay nomeny antsika. Isaky ny manimba ny vatantsika amin'ny fihinanana na fisotroana zavatra manimba isika, amin'ny fihinanana zavatra manimba ny tempolin'ny Fanahy Masina, dia ny vatantsika izany, na rehefa manana fahazarana izay misy fiatraikany ratsy amin'ny fahasalamantsika ara-batana, na ara-tsaina na ara-panahy isika, dia manota amin'Andriamanitra. Indraindray rehefa misakafo isika dia mamitaka ny tenantsika, izay noforonina mba hanome voninahitra Azy. Noho izany, ny fomba fihinana sy ny fisotro, ny torimaso ary ny fahavelomana dia ny fanaovana izany tsara araka ny tokony ho izy mba hahafahantsika mankafy an'ity fiainana ity ary miomana ho any an-danitra. Toerana tsara ny lanitra ary izay manana fomba fiainana mahasalama ihany no afaka mankany sy mankafy ny sakafo izay nomanin'Andriamanitra ho azy. »

« Mampanantena aho fa tsy hamitaka ny tenako intsony rehefa misakafo na misotro, » hoy i Emilia, nanoroka ny renibeny sady efa naka sary an-tsaina sahady izany fiainana any an-danitra izany.

1. Araka ny hevitrareo, inona no dikan'izany hoe fomba fiainana mahasalama izany ?
2. Afaka manome ohatra vitsivitsy ny amin'ireo fahazaran-dratsy izay mety manimba ny vatanareo ve ianareo?
3. Inona no antony maha-zava-dehibe ny fikarakarana ny fahasalamana sy ny vatantsika ?

ANDRO 4- Misionera tany Samaria

« Andeha hizaha izaroa Lehilahy izaroana, Izay nilaza tamiko ny nataoko rehetra ; Izao angaha no Kristy? » Jaona 4:29

Raha nisy ny gazety teo an-toerana izay nitatitra ny zava-nitranga manan-danja indrindra tao amin'ny faritr'i Samaria tamin'izay fotoana izay, dia heveriko fa ho nisy lahatsoratra iray nivoaka nampitondraina ny lohateny hoe « Fifohazana tao Samaria. » Ny lahatsoratra toy izany dia tokony nitantara tamin'ny antsipiriany ny fandalovan'i Jesosy sy ny mpianany tao Nazareta, tao amin'ny tanànan'ny Sykara. Mety ho toe-javatra hafakely izany noho ny olana sy ny fifankahalana nisy teo amin'ny Jiosy sy ny Samaritana. Tsy ho nisy Jiosy nanan-kaja nanao an'izany. Ny lahatsoratra dia nitantara ny fomba nataon'i Jesosy ka nahatonga Azy ho fantatry ny Samaritana, sy ny anjara asa lehibe nataon'ny vehivavy iray tsy fantatra anarana. Tamin'izany fotoana izany dia tsy mbola nisy ny fitaovam-pifandraisana tahaka izay ananantsika ankehitriny. Ny toe-javatra izay nitranga tany ambanivohitr'i Jodia anefa dia tena izy. Azo noheverina ho iray amin'ireo misiônera lehibe indrindra ao amin'ny Baiboly izy satria nihaona tamin'ilay misiônera lehibe indrindra ho an'ny olombelona, dia Jesosy Kristy. Aza adino fa nanomboka tamin'ny zavatra kely indrindra, izay tsy inona fa rano iray vera ny zavatra rehetra.

Jesosy Kristy, Ilay Misiônera lehibe

Misy tahotra izay tsy resahintsika, kanefa dia eo mandrakariva sy mibahana ny fiainan'ny maro izay milaza fa mpino : ny tahotra hijoro ho vavolombelona. Mety ho antony maro no mahatonga ny tahotra : tsy hitantsika izay holazaina, tsy resy lahatra isika fa adidintsika izany, na tsapantsika fa mety hanova ny fiainan'ny olona iray ho amin'ny mandrakizay izany.

Ao amin'ny Filazantsaran'i Jaona, dia toko iray manontolo no mitantara ny fihaonan'i Jesosy tamin'ilay vehivavy Samaritana teo amin'ny fantsakan'i Jakôba (Jao. 4). Taorian'ny nitatarany ny fihaonan'i Nikodemosy tamin'i Jesosy tamin'ny alina izay hitantsika tao amin'ny toko fahatelo, i Jaona, ilay evanjelisitra, dia nanohy ny filazalazana ny fihaonan'i Jesosy tamin'ilay vehivavy Samaritana ho fampisehoana ny andininy manan-danja indrindra ao amin'ny Baiboly, izay milaza fa « izay rehetra mino » dia afaka mandova fiainana mandrakizay (Jao. 3:16).

Ireo olona roa ireo, i Nikodemosy sy ilay vehivavy Samaritana dia maneho ny tendrony roa eo amin'ny lafiny fara-pivavahana. Tsy misy olona mety ho tsara avy hatrany kanefa tsy nateraka avy any ambony ; miaraka amin'izay anefa, dia tsy misy olona lavitra loatra ka tsy azon'ny fahasoavan'Andriamanitra havotana. Ny filazantsara dia natao ho an'ny ratsy fanahy sy ho an'ireo izay mihevitra ny tenany ho tsara.

I Jesosy Kristy koa no modelintsika eo amin'ny fanatanterahana ny iraka sy ny fitoriana ny filazantsara. Zavatra tsy nampoizina no mameno ny toko iray manontolo. Gaga ilay vehivavy tamin'ny fangatahana nataon'i Jesosy taminy. Mbola tsy nahita zavatra tahaka izany izy (Jaona 3:9) : Jiosy iray miresaka amin'ny vehivavy Samaritana iray. Gaga ny mpianatra satria niresaka tamin'ny vehivavy ny Mpampianatra (andiny 27). Ho setrin'izany, gaga ny mponina tao an-tanàna tamin'ny tenin-dravehivavy, ary dia tonga izy ireo mba hijery an'i Jesosy. Ny tena tsy nampoizina dia ny fiovana nitranga teo amin'ny fiainan'ity vehivavy ity. Tsy fantatsika marina ny faharetan'ny fotoana niresahan'i Jesosy taminy teo amin'ny fantsakana. Tsy milaza afa-tsy ny famintinana ny resaka nifanaovan'izy ireo i Jaona, kanefa misy zavatra betsaka azontsika ianarana avy amin'izany.

Voalohany indrindra, ny fikasan'i Jesosy dia ny hamonjy fanahy. Manana filazana mazava mikasika ny toerana sy ny tontolon-kevitra ara-tantara isika, i Jaona kosa manome antsika antsipirian-javatra tsy tsikaritr'ireo tsy dia mandinika firy. Nilaza i Jaona fa « tsy maintsy » namaky an'i Samaria i Jesosy (Jaona 4:4) rehefa avy tany Jerosalema ho any Galilia. Ity lalana ity, na dia faran'izay akaiky aza, dia nihodinan'ireo Jiosy mba tsy hifanenan'izy ireo amin'ny Samaritana. I Jesosy dia nanana ny fandaharam-potoanany isan'andro, toy ny antsika ihany. Isan'andro izy dia nangataka ny fankasitrahan'ny Rainy any an-danitra sy ny fitarihana ny amin'ireo tombontsoa fanararaotra efa voaomana mialoha. Na ankehitriny aza, ny lanitra dia manome tombontsoa fanararaotra ho an'ireo izay manaiky hampiasain'Andriamanitra.

Faharoa, nandresy ny sakana rehetra i Jesosy - ara-poko, ara-pinoana, ara-pirazanana sy ara-kolotsaina, ary koa ny fitsarana an-tendrony nataon'ireo antoko roa ireo - tamin'ny fanombohana ny fifampiresahana sy ny fangatahana mba hahazo sitraka : nangataka rano izy satria nangetaheta. Na dia nino ny boky dimy voalohany ao amin'ny Baiboly aza ny Samaritana, dia noheverin'ireo Jiosy ho ratsy kokoa noho ny Jentilisa izy ireo satria nandoto ny firazanan'ireo Patriarka tamin'ny nifangaroany tamin'ny Jentilisa. Noheverina ho maloto ny sinin'ilay vehivavy ary ny fiaraha-monina nisy azy dia nihevitra azy ho maloto fitondrantena. Izany no nahatonga azy ho irery : tsy nisy olona naniry ny hiaraka aminy. Tamin'ny fangatahana hoe « Omeo aho hosotroiko, » i Jesosy dia nanome voninahitra ity vehivavy ity ary nanome azy ny fahamendrehany. Noraisiny ho toy ny olona tompon'

andraikitra sy mendri-kaja izy ary afaka mifanakalo hevitra ara-teolojika taminy. Niresaka taminy ny amin'ny rano velona, ny fivavahana marina, ary ny tena tempoly Izy. Ambonin'izany rehetra izany, dia vonona izy ny handray ny fanambarana faratampony, dia ny mikasika ny maha-izy an'i Jesosy izany. « Izaho Izay miresaka aminao no Izy » (Jaona 4:26), izany hoe ny Mesia.

Nanampy azy i Jesosy mba hahita ny filàna lehibe indrindra teo amin'ny fiainany : ny filàna ny fanadiovana sy ny famelan-keloka. Nandresy lahatra azy izy fa afaka mamaky ny tsiambaratelo miafina indrindra teo amin'ny fiainany, fa tsy misy azo afenina. Any amin'ny lalina indrindra ao am-pony, dia misy zavatra mampalahelo sy maloto, tsy inona izany fa ilay lehilahy fahenina, izay tsy vadiny akory. Fantatr'i Jesosy fa nangetaheta fitiavana, fivelarana, fahatakarana ary fanekena ity vehivavy ity, ary voapoizina ny fantsakana izay nanandramany hanomezana fahafaham-po ny hetahetan'ny fanahiny.

Hitan'ilay vehivavy ny endrik'i Jesosy ary azony tamin'ny teniny fa tsy nanameloka azy Izy, fa kosa naneho famindram-po sy fitiavana taminy. Ny fahasoavan'Andriamanitra, ilay rano velona, dia nirotsaka tao am-pon'ity vehivavy ity, izay nahafoy ny sininy ary nihazakazaka nankany an-tanàna. Manana hafatra ho an'ny Samaritana rehetra izy, ary ny hafatra nentiny dia izao : « Andeha hizaha izaroa Lehilahy izaroana, izay nilaza tamiko ny nataoko rehetra » (Jao. 4:29), izay nahalala ny momba ahy, kanefa Izy dia nandray ahy tamim-panajana sy tamim-pitiavana. Eto indray dia nanampy antsipirian-javatra i Jaona - navelan'ilay vehivavy teo amoron'ny fantsakana ny sininy - saingy tsy nambarany ny antony. Angamba navelany izany mba hahazoan'i Jesosy misotro rano, na nikasa ny hiverina ihany izy rehefa avy eo. Ny siny foana koa dia mety ho tandindon'ny fahabangana tao anatiny. I Morris kosa etsy ankilany, dia manambara hevitra hafa mihitsy izay tena tiako tokoa : « Navelany teo ny hevitra hantsaka rano fa naleony nitaona ny olona. »

Azo raisina ho misiônera ve ity vehivavy ity ? Vonona ny hanao asa lehibe ve izy ? Eto i Jaona dia manantitrantitra ny iraka izay ampanaovina ny olona iray manolo-tena hitory ny filazantsara. Tsy ny hampiova fo olona no tanjona, fa asan'ny Fanahy Masina izany. Nanana ny fanandramana manokana niainany izy rehefa nihaona tamin'i Jesosy, fijoroana ho vavolombelona izany ho azy, ary zavatra iray loha no nataony : nanasa ny olona hanatona an'i Jesosy izy : « Andeha hizaha, » andian-teny izay miverimberina ao amin'ity Filazantsara ity (Jaona 1:39, 45).

Ny « hanin' » i Jesosy

Tamin'ny fotoana tsy nahateo ilay vehivavy, dia nangataka an'i Jesosy hisakafo ny mpianany, saingy nandà i Jesosy ary nilaza fa manana sakafo hohanina izay tsy fantatr'izy ireo Izy (Jao 4:32). Amin'ity tranga ity, dia nanontany tena izy ireo sao dia nisy nitondra sakafo ho Azy. Ny Filazantsaran'i Jaona dia miresaka ambaratonga roan'ny tena zava-misy. Ny voalohany dia ny lafiny ara-batana, izay hita maso sy fantatra ; fa Jesosy kosa dia nampitodika ny mason'ireo mpihaino Azy hatrany hijery ilay lafin-javatra hafa, dia ny lafiny ara-panahy izany, izay amin'ny finoana irery ihany no ahafantarana sy ahitana azy. Ao amin'ny toko faharoa, dia miresaka momba ny tempoly ara-panahy Izy, dia ny tenany manokana, izay ahafahan'ny olona rehetra mihaona amin'Andriamanitra ; fa ny fariseo kosa, eny fa dia ireo mpianatra sasany aza dia tsy nahazo ny teniny. Nikodemosy dia naneho fihetsika tamin'ny baiko nomen'i Jesosy azy, « Tsy maintsy ateraka indray ianao ! » nanontany izy hoe amin'ny fomba ahoana no hahatanteraka izany, ary nanitsy azy i Jesosy nilaza taminy fa ny fahaterahana ara-panahy no resahina eto (Jaona 3:25). Ireo mpianatra koa dia tsy nahatakatra ny tenin'i Jesosy mikasika ny sakafo manokana azony tamin'ny fifampiresahany tamin'ilay vehivavy Samaritana. Hoy ihany i Jesosy : « Ny haniko dia ny manao ny sitrapon'izay naniraka ahy sy ny mahavita ny asany » (Jao. 4:34). Tsy mbola nisy nilaza toy izany.

Ity toko ity dia manampy antsika hijery indray ny ao am-pon'Andriamanitra, izay laharam-pahamehana ho an'ny lanitra. Ny Baiboly iray manontolo dia milaza amintsika ny momba Ilay misiônera, Andriamanitra, izay mitady fatratra ny very. Tsy antsika ny iraka, tsy an'ny fiangonana ihany koa izany, fa an'ny an'Andriamanitra. Anisan'ny toetran' Andriamanitra mihitsy io. Izy no Tompon'ny iraka. Ny Andriamanitsika dia tsy maniraka antsika izy aloha, fa sady mandefa ny tenany Izy no miresaka izany hatrany hatrany ao amin'ny Filazantsaran'i Jaona. Ny asan'i Jesosy dia ny manolotra fiainana mandrakizay ; io no asa nankinin'ny Rainy taminy (Jaona 17: 2-4), ary ny fanoloran-tenany hanatanteraka ity iraka ity dia nanome azy ny fahafaham-po lehibe indrindra. Natanjaka izy rehefa nitory, ary feno ny fifaliany rehefa nifanena tamin'ny fanahy nangetaheta izy. Na dia teo amin'ny hazo fijaliana hazo aza Izy, rehefa nanandindona Azy ny fahafatesana, dia nahazo hery izy tamin'ny fijoroana ho vavolombelona farany nataony tamin'ilay jiolahy izay nohomboana teo anilany. Ny hiakany hoe « mangetaheta Aho, » dia akon'ny fikatsahana an'Andriamanitra, ny faniriana hamonjy fanahy betsaka araka izay tratra.

Tia ny olona rehetra Andriamanitra ary tafiditra ao amin'ny asam-pamonjena izy ireo. Andriamanitra dia tia an'izao tontolo izao manontolo sy ny olona tsirairay (Jao. 3:16). Misy hanoanana ara-panahy sy hetaheta an'Andriamanitra ao am-pontsika, banga ao amin'ny fanahy tsirairay, fa maro, tahaka ilay vehivavy tany Samaria, no mbola tsy mahalala ny fomba

hanomezana fahafaham-po an'io filàna io. Noho ny ota anefa, ny olona rehetra dia maneho fanoherana ny antson'Andriamanitra, ka izany no mahatonga ny Fanahin' Andriamanitra miady amin'ny fanahy tsirairay. Hita izany fanoherana izany teo amin'ny fifampiresahan'ily vehivavy sy i Jesosy. Tsy vonona ny hanokatra ny fony izy fa notarihin'i Jesosy moramora nankany amin'ny loharanon'ny rano velona. Matetika koa isika no manohitra ny hafatr'Andriamanitra, ary ny Fanahy Masina dia manohy miasa ao am-pontsika. Mampalahelo ny mahita fa misy olona maro izay mbola manohy manohitra ihany hatramin'ny farany. Nampitandrina antsika i Jesosy fa mety hianjera amin'ny tany tsy voaomana ilay voa. Fa na dia amin'ny toe-javatra toy izany aza, ireo izay tsy manaiky ny hafatra dia tsy isika no laviny, fa Ilay tia azy ireo sy te-hamonjy azy ireo mihitsy.

Vonona ho amin'ny fijinjana

Ny vokatry ny fijoroana ho vavolombelona nataon'ity vehivavy ity dia hita tao amin'ireo olona marobe izay nirohotra nankeo amin'i Jesosy. Ireo olona rehetra ireo dia tsy tonga mba handre toriteny, fa mba hahita toriteny velona teo amin'ny Mpamonjy. I Ellen White dia namintina ny filàna lehibe indrindra ho an'ny zanak'olombelona amin'ireto teny manaraka ireto : « Taonjato sivy ambin'ny folo lasa izay, no efa nanirian'ity izao tontolo izao ity fatratra ny fanambarana ny amin'i Kristy. Mbola toy izany ihany ankehitriny. Mila fanavaozana tanteraka isika. Ny fahasoavan'ny Mpamonjy ihany no mahavita an'io asa famerenana amin'ny laoniny io izay mikasika ny ara-batana, sy ny ara-tsaina ary ny ara-panahy. » Ellen G. White, *Le Ministère de la guérison*, p. 118.

I Jesosy dia nampiasa sarin'ny fiainana any ambanivohitra mba hilazana ny fahalianan'ireo mponina tao Sykara. « Moa hianareo tsy manao hoe va : Efa-bolana no sisa, dia tonga ny fararano ? Indro, lazaiko aminareo : Atopazy ny masonareo, ka jereo ny eny antsaha, fa efa masaka sahady hojinjana izy. » (Jaona 4:35).

Araka ny fanoharana, ny mpamafy izay nivoaka mba hamafy dia tsy iza fa i Jesosy Kristy tenany ; fa ao amin'ny Filazantsaran'i Jaona, dia tsy mpamafy fotsiny ihany Izy. Izy ihany koa no voam-bary tsy maintsy maty mba hamoazany be (Jaona 12:24). Izy no Taranak'ilay Vehivavy voalaza ao amin'ny teny fikasana voalohany ao amin'ny Baiboly (Gen. 3:15), ary ny hazofijaliana no toerana nahafatesan'ilay Taranaka, Izay tsy hoe hitsangana amin'ny maty amin'ny voninahitra fotsiny ihany, fa koa mba hahita ny vokatry ny fijaliany (Heb. 12:2).

Fa araka ny fitantaran'i Jaona, dia voafintina ny fotoana. Tamin'ny andro nanaovana ny famafazana, dia efa natao sahady koa ny fijinjana. Toy izao no naminanian'i Aмоса

mpaminany izany : « Indro, avy ny andro, hoy Jehovah, Izay hahatrarany ny mpiasa tany ny mpijinja, ary ny mpanosihosy voaloboka hahatratra ny mpamafy ; Ny tendrombohitra hipoipoitra ranom-boaloboka, ary ny havoana rehetra hiempo. » (Amosa 9:13). Nihetsika ny tanàna iray manontolo. Tsy tonga hijery an'i Jesosy fotsiny ny olona, fa koa nangataka Azy mba hijanona teo aminy, ary nandany roa andro niaraka tamin'izy ireo i Jesosy Kristy. Tsy mahagaga noho izany raha taorian'ny fitsanganany tamin'ny maty sy taorian'ny fitoriana ny Filazantsara tany Jerosalema sy Jodia, dia vonona handray ny hafatr'i Filipo i Samaria (Asa. 8). Ireo Samaritana dia nanaiky an'i Jesosy ho Mpamonjy izao tontolo izao (Jao 4:42), fomba fiteny izay tsy hita afa-tsy indray mandeha ihany ao amin'ny Baiboly (1 Jaona 4:14).

Manontany tena isika hoe inona no asehon'i Samaria ankehitriny. Taiza no tian'i Jesosy hahafantarana Azy, ary inona avy ireo sakana tsy maintsy resena ? Na dia ankehitriny aza, dia samy miaro ny fivavahany, ny fombafombany ary ny tendrombohiny ny tsirairay (Jao 4:20). Azontsika atao ny manana ny tendrombohitsika, ny toerana mitokana izay hihatahantsika sy hanadinoantsika ny tontolo manodidina antsika. Ho an'ilay fanontaniana hoe « Vonona handray ny hafatry ny filazantsara ve i Samaria ? » Manao ahoana ny amin'ny mpianatra ankehitriny ? Ary ny mpianatra ankehitriny ? Tsy mila manova ny fivavahany fotsiny ny olona, fa mila mahita an'i Jesosy koa izy ireo. Afaka mampiasa ireo fitaovana tsotra indrindra Andriamanitra, toy ilay vehivavy izay nanana lasa nampiahiahy kanefa nahafantatra ny fahasoavan'ny famelan-keloka.

Ao amin'ilay toko mitondra ny lohateny hoe « Teo amin'ny fantsakan'i Jakoba » ao amin'ny Boky *Ilay Fitiavana mandresy*, dia toy izao no nambaran'i Ellen White : « Ny tena mpianatra rehetra dia tonga misionera, raha vao miditra ao amin'ny fanjakan'ny lanitra izy. » Ellen G. White, *Jésus-Christ*, p. 177.

Ny filazantsara dia natao ho « an'izay mino, » ary izay rehetra mandray azy, ny vaovao mahafaly – i Jesosy Kristy – dia tonga misionera ho azy. Izany no voninahitra tian'Andriamanitra omena antsika tsirairay avy.

ANTSO

1. Inona no mampitovy ilay vehivavy tany Samaria sy ny fiaraha-monina ankehitriny?
2. Inona no azontsika ianarana avy tamin'ny fomba fitoriana ny filazantsara nampiasain'i Jesosy ?
3. Inona avy ireo fanamby ho an'ny mpianatra ankehitriny ? Amin'ny fomba manao ahoana no hahavonona ahy mba hotarihin'Andriamanitra isan'andro hahazoako manararaotra ireo tombontsoa fanararaotra hijoroako ho vavolombelona izay hanomanany ahy ?

Tantara ho an'ny ankizy- ANDRO 4

Ilay misionera vao 5 taona monja

« Ary amin'izany na zovy na zovy no hanaiky Ahy eo anatrehan' ny olona, dia hekeko kosa izy eo anatrehan' ny Raiko Izay any an-danitra. » Mat. 10:32

Vao tsy ela akory izay, tamin'ny 2013, ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito tany Ploiesti, Romania, dia nikarakara kaonferansa ary nanapa-kevitra ny hizara ny boky « Hery Mifanandrina » tao amin'ny faritra rehetra niasana. Koa satria misy trano maro tao amin'ilay faritra tian'izy ireo hiasana, dia nanasa ireo mpianatra tao amin'ny L ysea advantista ny pasitera mba hanampy azy hizara ilay boky. Mpianatra 50 eo ho eo no tonga tamin'ny « bus » avy tany amin'ny 60 kilometatra avy eo; nozaraina ho vondrona telo izy ireo mba handeha amin'ny arabe rehetra sy hizara ny boky amin'ireo trano rehetra tao amin'ilay faritra. Niaraka tamin'ny fitsikitsikiana be sy ny teny feno fahalalam-pomba, dia nandondom-baravarana izy ireo, sady nizara ilay boky no nanasa ny olona hamaky azy. Ny sasany nandray ilay boky tamim-pifaliana, ny sasany kosa tsy nazoto na tsy nety nandray ireo mpianatra mihitsy aza.

Niaraka tamin'izy ireo tamin'izany ny "aumônier" na mpiahy ara-panahy, ny vadiny ary ny zanany roa lahy: ny iray 7 taona ary ny iray hafa kosa 5 taona. Voamarik'izy ireo tamin'izany fa na dia nandà tsy nety nandray ny olon-dehibe aza ny olona, dia tsy nandà na oviana na oviana kosa ny ankizy. Nanapa-kevitra ary izy ireo ny handefa an'i Robert, ilay zazalahikely 5 taona, hanatona ny olona raha nivavaka mangina kosa ny sisa tamin'ny fianakaviana, mba handraisan'ny olona ilay fanomezana.

Rehefa vitan'ny fianakaviana ny nitety ny arabe nanendrena azy dia olona roa ihany no nandà ny fanomezana natolotr'ilay zazalahy kely. Faly be izy tamin'izany, ary nandritra ny herinandro maromaro, dia nivavaka izy ireo mba hamakian'ny olona ireo boky nozaraina tamin'ny olona sy mba hahatonga azy ireo hahafantatra an'Andriamanitra.

Telo taona taty aoriana dia nanatrika kaonferansa lehibe iray tany Bucarest, renivohitr'i Romania i Robert sy ny fianakaviany. Rehefa nihaino ny fanandramana nampiantanentana sy ny tantara nataon'ireo mpandray anjara izy ireo, dia nisy vehivavy iray nitsangana tampoka sady nitantara ny fiovam-pony. Nilaza izy fa telo taona lasa izay, dia nisy zazalahy kely iray nanome azy ny boky « Hery Mifanandrina, » sy nangataka taminy mba hamaky izany, ary dia nataony izany. Rehefa avy namaky ilay boky izy dia nitady ny fiangonana ary nanomboka

tonga nivavaka tao amin'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito teo an-toerana. Efa niomana hatao batisa izy izao.

Rehefa nandre ny tantarany i Robert kely, efa 8 taona izy izao, dia nitodika nijery hoe iza no niteny ary tadidiny ilay vehivavy izay nomeny ilay boky. Nandritra ny fiatoana kely, dia nandeha nanatona ny reniny izy mba hiresaka taminy, ary nahatadidy ilay olona koa ny reniny. Tena fanandramana nahafinaritra sy nahafaly tokoa izany !!!

Alao sary an-tsaina ny fifaliana sy ny fankalazana lehibe any an-danitra rehefa mifanena amin'ny zazalahy sy zazavavy, lehilahy sy vehivavy ianao, izay hahafantatra anao satria ianao no niresaka tamin'izy ireo momba an'Andriamanitra! Angamba ny sasany hisaotra anao noho ianao tsara fanahy tamin'izy ireo, nanome boky azy ireo, nitsiky na namaly ampahamendrehana, na nivavaka ho azy ireo na dia tsy fantatr'izy ireo akory aza izany. Rehefa nandeha anefa ny fotoana dia nahafantatra an 'Andriamanitra izy ireo tamin'ny alàlan'ny toe-tsaina misiônera nanananao tamin'ny fanompoana ny hafa.

Aza adino velively fa ny zavatra rehetra ataonao dia afaka mijoro ho vavolombelona ho an'Andriamanitra na hanohitra Azy, ary afaka ny ho tonga misiônera ianao na firy taona na firy taona.

1. Ahoana no ahafahanao manompo ny hafa sy ho tonga misiônera ho an' Andriamanitra? Manomeza ohatra vitsivitsy.
2. Nahoana araka ny hevitrao no hitiavan'Andriamanitra ny ankizy hijoro ho vavolombelona ho Azy?
3. Manaova drafitra ny amin'ny zavatra azonao atao amin'ny andro ho avy mba hanampiana ny hafa hahafantatra an'Andriamanitra bebe kokoa.

ANDRO 5- Fotoana fanasitranana

« ... ka dia Tompon'ny Sabata aza ny Zanak'olona. » Mar. 2:28.

Nisy tantara fanaon'ny raby taloha, raha ny tena marina dia fanoharana ilay izy : Andriamanitra dia nitety firenena maro sady nanolotra ny lalàny, mba hahitany ireo izay vonona ny handray izany tsara. Nanontany izy ireo hoe : « Inona no votoatin'ny lalàna ? » Rehefa nandre ireo fandrarana samihafa toy ny « aza mamono olona » izy ireo, « aza mandainga, » « aza mangalatra, » dia nolavin'ny vondrona rehetra izany satria tsy azon'izy ireo an-tsaina izany hoe fiainana tsy misy an'ireo zavatra ireo. Farany, dia nahita vondron'olona iray tany an'efitra Izy, nanolorany izany zavatra izany ihany koa. Ny fanontanian'izy ireo dia ny hoe : « Inona no tombontsoa azo avy amin'ny fitandremana ny didinao ? » Ary Andriamanitra namaly azy ireo hoe : « Izaho hanolotra ny fanjakako maharitra mandrakizay ho anareo, ka amin'izany dia tsy hisy intsony ny fahafatesana sy ny fijaliana ary ny fanaintainana ; ho sambatra foana ianareo. » Nitsiky izy ireo sady nilaza hoe : « Mahafinaritra ny zavatra lazainao aminay, saingy ela loatra vao ho tanteraka izany : izahay izao dia mila zavatra izay hitan'ny masonay sy azonay andramana izao ankehitriny izao. »

Ary Andriamanitra namaly azy ireo hoe : « Miaraka amin'ny lalàna, dia hanome anareo ohatra sy fanandramana mialoha Aho, mba ho hitanareo izany endrikendriky ny fanjakana izany. Homeko anareo ny Sabata. » Ny fanoharana dia mirakitra fahamarinana lehibe : ny Sabata dia fanandramana mialoha sahadry ny tsiron'ny fiainana mandrakizay.

Jesosy sy ny Sabata

Isika tsirairay avy dia samy efa manana sary mikasika ny Sabata, mifototra amin'ny fanandramana niainantsika sy ny fahalalantsika azy. Matetika isika dia mampifandray ny teny hoe « Sabata » amin'ny fitsaharana, fiadanam-po, fitahiana ary fifaliana isika. Tsy tiantsika ny hanelingelina ny Sabata amin'ny fifandraisana henjana, ny fiampangana na ny fijaliana arabatana na ara-pihetseham-po. Isika anefa dia miaina ao anatin'ny tontolon'ny fahotana, ary tsy maintsy ekentsika fa indraindray dia izany no zava-misy. Tsy mitovy ny Sabata rehetra. Izany no nitranga tamin'ny andron'i Jesosy, izay hitantsika ao amin'ny Marka 3:1-6.

Anisan'ny nanatrika teo angamba ny mpanoratra, Marka, ilay mpianatra tamin'io Sabata io. Izany no antony tsy nanadinoany ny zava-nitranga rehefa « nijerijery azy tamin' ny fahatezerana Izy ... » (Marka 3: 5), satria mafy loatra ny fijaliany ary tsy azony nafenina izany, noho ny hamafin'ny fon'izy ireo.

Nisy toe-javatra hafa nitranga izay niseho tamin'ny andro Sabata ihany koa, talohan'ilay toe-javatra izay nitranga tao amin'ny synagoga (Mar. 2:23-28). I Jesosy sy ireo mpianany dia namakivaky ny tanimbary ary nanomboka nanoty salohim-bary izy ireo sady nihinana izany (Marka 2:23). I Jesosy indray no mbola nampangaina eto satria namela ny mpianany hanao izany. Ny mpianatra tsirairay dia samy miresaka momba ny fahagagana nataon'i Jesosy tamin'ny andro Sabata, ary raha nisaintsika izy ireo dia misy fito. Ny Filazantsara rehetra dia samy mirakitra ny fifandirana sy ny fifandonana nisy teo amin'i Jesosy sy ireo mpitondra fivavahana mikasika ireo fahagagana ireo, fa i Jaona kosa no nanokana ampahany betsaka tamin'ny fitantarana ny fifandirana taorian'ny fitrangan-javatra.

Zava-dehibe ho an'ny mpino tsirairay ny mahatadidy fa ireo fifanakalozan-kevitra ireo dia tsy momba ny andro fankalazana na oviana na oviana, fa ny fomba tokony hitandremana ny Sabata.

Ny Fariseo dia nanana sokajy-na fandrarana 39 mikasika ny Sabata, ary ny fifanakalozan-kevitra momba ireo fandrarana ireo dia tsy misy fiasarana ary matetika tsy ahitam-bokatra. Tsy niditra na oviana na oviana tao anatin'ny adihevitra toy izany i Jesosy. Na dia tamin'ireto tranga roa ireto aza, dia tsy nanao afa-tsy ny nanambara ny filamatra ankapobeny, izay mazava ho azy fa azo ampiarina amin'ny fomba hafa, miankina amin'ny toerana sy ny fotoana Izy, toy ny hoe : « Mety amin'ny Sabata ve ny manao soa sa manao ratsy ? » (Marka 3: 4). Nikasa hanao ratsy izy tamin'io Sabata io - nikasa ny hamono an'i Jesosy izy ireo (Marka 3: 6).

Nanampy antsipirian-javatra toy izao i Matio : « Fa raha fantatrareo izay hevitra ny teny hoe : famindrampo no sitrako, fa tsy fanatitra alatsa-drà, dia tsy mba nanameloka ny tsy manan-tsiny hianareo. » (Matio 12: 7). Azo inoana fa tamin'io andro io dia tsy nisy na iza na iza nanasa ny mpianatra hisakafo atoandro. Ao amin'ny Testamenta Taloha sy tamin'ny andron'i Jesosy, ny Sabata dia tsy andro fifadian-kanina, fa andro fifaliana. Izany no antony nilazan'i Jesosy tamin'izy ireo hoe : « Ny Sabata no natao ho an'ny olona fa tsy ny olona ho an'ny Sabata. » (Marka 2:27). Ny filamatra nambaran'i Jesosy dia lalina sy feno ! Raha noheverina izy ireny na dia ankehitriny aza, dia fanandramana maro mampalahelo no azo nosorohina.

Ny Sabata – andro fifaliana

Tao amin'ny synagoga i Jesosy tamin'ny andro Sabata ary nasaina hitory teny. Izany koa no tadiavintsika isaky ny Sabata : ny mahita sy mandre an'i Jesosy! Tsy nionona fotsiny tamin'ny fanambarana ny filamatry ny Sabata i Jesosy, fa nampiseho ihany koa ny fomba fampiharana izany. Nisy lehilahy iray maty tanana (Mar. 3:1-3), ary nahatsikaritra ity lehilahy ity i Jesosy. Nijanona nandritra ny toriteniny Izy sady nitodika tany amin'ilay maty tanana sady nilaza taminy hoe : « Mitsangàna, eo afovoany ianao. »

Tsy misy fomba izay tsy nahasarika ny sain'ny rehetra tamin'ity tranga ity, indrindra ho an'ireo izay nanara-dia an'i Jesosy. Tamin'io fotoana io dia nanao zavatra telo i Jesosy. Voalohany, nikasika ilay marary izy. Nisy fotoana nifanojo ny fijerin'izy ireo. Nahita ny filàna sy ny fanaintainana Izy, ary noho izany dia tsy afaka ny nanohy fa tsy maintsy nanampy ity olona ity. Hitany ny tsy fahafaha-manaon'ilay lehilahy sy ny finoan'io lehilahy io, izay tonga nivavaka tao amin'ny synagoga. Faharoa, niditra an-tsehatra i Jesosy. Tsy hoe naneho fangorahana fotsiny Izy, izay zava-dehibe kanefa tsy ampy. Niangavy an-drarahilany izy mba hahatonga ny maso rehetra hifantoka any aminy, mba hijoro « eo afovoany. »

Matetika rehefa Sabata dia ataontsika izay hahatonga ny maso rehetra hifantoka any amintsika sady miandry ny hafa hanatona antsika isika, miandry ny hafa hanamarika ny fanatrehantsika na ny asa fanompoana ataontsika. Matetika ny Sabata, aorian'ny herinandro tototry ny asa, dia lasa andro iandrasantsika ny hafa mba hanompo antsika, mba hovokisana ny Tenin'Andriamanitra ary ho voatahy isika, kanefa manadino ny tena tanjon'ny Sabata : hitahy ny hafa amin'ny alàlan'ny asa fanompoana ataontsika. Ny Sabata dia tsy ho lasa andro fifaliana raha tsy manaraka ny ohatra nomen'i Jesosy isika. Tsy nisy olona nanana fahasahiana namaly ny fanontanian'i Jesosy hoe : « mety ve ny manao soa na ny manao ratsy amin'ny Sabata ? »

(Marka 3:4). Fahatelo, niaro an'ily lehilahy i Jesosy fa tsy nionona tamin'ny fanasitranana azy fotsiny. Ny Fariseo sy ny Herodianina, ireo tendrony roa amin'ny fivavahana jiosy, dia nihemotra tamim-pahatezerana. Tamin'ity indray mitoraka ity dia nanana tanjona niraisana izy ireo : ny hanapotika an'i Jesosy. Ireo izay faly dia nijanona tao anatiny niaraka tamin'i Jesosy sy ilay lehilahy sitrana. Ho azy ireo sy ho an'ny fianakavian' ity lehilahy ity, io Sabata io no Sabata tsara indrindra ho azy ireo. Isika no afaka manao ny Sabata ho fahafinaretana sy fifaliana ho an'ny fianakaviansika sy ny fiangonana izay ivavahantsika.

Aoka anefa tsy hijanona eo isika. Ny didy izay nomena tany Sinay (Eks. 20:10) dia mitaky ny fifaliana amin'ny Sabata, na dia ho an'ireo izay heverina ho « vahiny » efa mankalaza ny Sabata aza. Amin'ny andro Sabata, dia te-hikasika fo bebe kokoa amin'ny alalantsika Andriamanitra ; te-handrotsaka fitahiana bebe kokoa Izy ary hanasitrana fanahy mpanota bebe kokoa. Nanambara i Jesosy tao amin'ny toriteniny tao amin'ny synagogan'i Nazareta fa izany no iraka nampanaovina Azy (Lio. 4:16-18).

Ny anjara asa sy ny tanjon'ny Sabata

Zava-dehibe ny fahafantarana tsara ny tanjon'ny Sabata ; afaka manampy antsika hanana fahazarana tsara sy hanao fihetsika mifanaraka amin'izany izy. Ny Sabata dia voatonona voalohany ao amin'ny Baiboly tamin'ny vanim-potoanan'ny famoronana (Gen. 2:1-3). Io no andro izay nahavitan'Andriamanitra ny asa famoronana nataony. Anisan'ny asany izany. Tsy azo sarahina izy ireo. Nandritra ny enina andro, Andriamanitra dia nanolotra ireo zavatra noforonina ho antsika, amin'ny Sabata dia manolotra ny tenany Izy amin'ny alalan'ny fidirany ao amin'ny faritra sy ny fotoana noforonina ho an'ny olombelona. Ny Sabata no andro ahitana ny fanatrehan'Andriamanitra miaraka amin'ny fitsaharany sy ireo fitahiana sy fanamasinana ilay tempoly izay noforoniny, izay azon'ny olona rehetra idirana.

Ny fitsaharana dia tsy mifanohitra amin'ny asa; tsy nila fitsaharana Andriamanitra, ary na ny lehilahy na ny vehivavy koa aza angamba tsy nila izany taorian'ny famoronana. Ny fitsaharana dia fankalazana ny firindrana eo amin'ny lanitra sy ny tany. Fifaliana ho an'ny voary rehetra izany noho ny zavatra rehetra izay noforonina. Ny tantaran'ny famoronana (Gen. 1, 2) dia niafara tamin'ny fifaliana tamin'ny Sabata. Raha lazaina amin'ny teny hafa dia izao : ny zavatra rehetra noforonin'Andriamanitra dia natao ho an'io andro manokana io, dia ny Sabata izany. Na dia tao aorian'ny fahalavoana aza, dia mbola mitohy ho fahatsiarovana ny famoronana ihany ny Sabata, manondro any amin'Ilay Mpamorona. Mandritra izany fotoana izany dia mitondra fahatsiarovana arahina alahelo koa ny Sabata, mampahatsiahy antsika izay zavatra nariantsika. Raha efa namoy olon-tianao ianao, dia mamoha fahatsiarovana mety maharary ny Sabata. Fa miaraka amin'izany kosa, ny Sabata dia miresaka fiafaran-javatra, dia ny fiafaran'ny famoronana, kanefa koa miresaka ny amin'ny famoronana indray izy. Izany no antony mahatonga azy mitondra fanantenana miaraka aminy. Io no fiafaran'ny diantsika mody any an-danitra. Ny Sabata tsirairay dia tsy inona fa famerenana ny andro izay hahitantsika mifanatrika amin'Ilay Tompon'ny Sabata. Noho izany, ny Sabata dia lasa vovonana iadian'ny lohany mampifandray ny famoronana amin'ny famoronana indray amin'ny alalan'i Jesosy Kristy, ary ny eo afovoan'izany dia ny hazofijalian'i Golgota.

Azontsika antsoina ihany koa hoe andro fihaonana ny Sabata. Tamin'ny fahaveloman' ireo ray aman-dreniko, rehefa nilaza tamin'izy ireo aho fa hody hitsidika azy ireo, dia izany no andro tsara indrindra ho azy ireo. Ny fotoana rehetra nihaonana indray dia feno fihetseham-po sy fifaliana. Tsy misy zavatra mampalahelo tahaka ny ray aman-dreny izay miandry ny hahatongavan-janany, kanefa tsy tonga ity farany. Isaky ny Sabata dia manokatra ny varavaran'ny fitahiana Andriamanitra ary miandry ny zanany ho avy hanatrika fety vaovao.

Isaky ny Sabata dia mitsahatra isika amin'ny fampiharana ny filamatry ny asa vita. Manana drafitra maro, lisitr'ireo zavatra tokony hatao ary faniriana tsy tambo isaina isika. Ny fiainana any ankoatry ny vavahadin'i Edena dia voamariky ny tsy fahombiazana maro samihafa. Etsy ankilany, ny Sabata dia milaza amintsika mba hametraka ny ahiahintsika, hitsahatra ary hianatra ny lesona manan-danja indrindra : ny zavatra ataon'Andriamanitra ho antsika dia manan-danja lavitra noho ny zava-bitantsika manokana. Eo amin'ny asan'ny famoronana sy ny famoronana indray, ny fitsaharana dia mialoha ny asa. Ny andro feno voalohany ho an'ny fianakavian'ny olombelona voalohany dia ny andro fitsaharana.

Ny Sabata sy ny tontolon-kevitra ny hery mifanandrina

Tsy tian'Andriamanitra ny hahatonga ity planeta ity ho toerana hanjakan'ny fanaintainana sy ny fijaliana, saingy efa tsinjony mialoha ny mety mahalavo ny olombelona, izany no nanomezany antsika ny Sabata. Te-hilaza amintsika Izy fa tena maha-zava-misy ny zava-doza ateraky ny fahalavoana tamin'ny fahotana ; ary noho izany dia tsy ampy ny mihaona indray mandeha isan-taona na indray mandeha isam-bolana. Te-handany andro iray miaraka amintsika isan-kerinandro Izy. Ny filana ny fanatrehan'Andriamanitra dia tsy maintsy ilaina taorian'ny fahalavoana tamin'ny fahotana. Ireo fahagagana nataon'i Kristy tamin'ny andro Sabata dia tsy maintsy jerena ao anatin'ny tontolon-kevitra ny fifanandrana lehibe. « Ny tanjona napetrak'Andriamanitra dia ny fanavotana ny olona; noho izany, ny zavatra tsy maintsy atao amin'ny andro Sabata mba hahatanteraka an'io dia mifanaraka amin'ny lalàn'ny Sabata. » Ellen G. White, *Jésus-Christ*, p. 272.

Talohan'ny nahalavoan'izy ireo tamin'ny fahotana, Andriamanitra dia nitsahatra niaraka tamin'i Adama sy ny vadiny (Gen. 2:1-3), fa rehefa tafiditra kosa ny fahotana sy ny fijaliana, dia miasa Andriamanitra amin'ny andro Sabata. Amin'ny alalan'izany fomba izany ny anehoany ny fanatrehany. Asehon'ireo Filazantsara amintsika ny fitomboan'ny fifandirana nisy teo amin'ireo mpitondra fivavahana sy i Jesosy, noho ny fanompoana nataony tamin'ny Sabata. Tamin'izany no nanambaran'i Jesosy ny maha-izy Azy sy ny toetran'Andriamanitra (Jao. 5:17-47). Amin'ny andro Sabata, ny famonjena ny olombelona, izay noforonin'ny Ray, dia laharam-pahamehana ho an'i Jesosy.

Ny boky farany ao amin'ny Baiboly, ny Apokalypsy, dia manambara amin'ny fomba malalaka kokoa ny fisian'ilay fifanandrana lehibe. Ao afovoan'io boky io no misy ny hafatra momba ny Sabata. Amin'izao vanim-potoan'ny andro farany izao, dia mihena ny isan'ireo izay mino ny tantaran'ny famoronana sy manome voninahitra ny Mpamorona. Izany no antony tsy maintsy ampitantsika ny fahamarinana : « Miankohofa eo amin'Izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano » (Apok. 14:7). Ny Jiosy dia nanana ny Sabata, kanefa nandà an'i Jesosy, ary raha tsy eo ny Tompon'ny Sabata (Marka 2:28), dia tsy misy dikany ny fitandremana azy. Nasian'izy ireo fameperana be dia be nanodidina ny Sabata, ary tian'i Jesosy ny hamerina ny tena dikan'ny Sabata aminy. Ny tendrony iray hafa dia rehefa lasa andro

fitsaharana mahazatra ny Sabata, tsy misy fanajana sy voninahitra omentsika Ilay namorona azy. Ny Sabata no fitaovana sy fotoana hanehoantsika fa Andriamanitra no loha-laharana eo amin'ny fiainantsika ary ny iraka notanterahin'i Kristy no iraka hotanterahintsika ihany koa.

Tamin'ny taona 2007, ny haino aman-jery tany Romania dia namoaka lahatsoratra nosoratan'ny olona tsy Advantista iray, mitondra ny lohateny hoe « Mamelà ahy, ry Béatrice. » Ny mpanoratra ilay lahatsoratra, Emilian Isailă, dia nitantara tranga iray niseho fony izy nianatra tao amin'ny sekoly ambaratonga faharoa tao Bucarest. Nanana mpiara-mianatra taminy nantsoina hoe Béatrice izy. Hoy izy nitantara : « Zazavavy fohy sy tsara tarehy ary maranin-tsaina izy. Mpianatra modely izy, ary tsy miresaka raha tsy nangatahina hiteny ... Mistery ho an'ny kilasy iray manontolo i Béatrice. Tena nitsiriritra azy aho. Tamin'izany fotoana izany, dia toa tsy nampino ahy izany hoe mpianatra tsy tonga mianatra iray andro isan-kerinandro izany. Ankoatry ny tsy fahatongavany amin'ny sabotsy, dia tsy nanatrika ny kilasy farany amin'ny zoma koa i Béatrice. Nianatra izahay ny faran'ny tolakandro, ary rehefa nanakaiky ny hariva dia nampiriminy ny kitapony ary dia lasa izy ... Zanaky ny fianakavian'ny dokotera i Béatrice, mambran'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Isaky ny sabotsy, dia nanamarika ny tsy fahatongavany tsy nisy antony mazava ireo mpampianatra ... Indray zoma tolakandro, tamin'ny fiafaran'ny taranja « Tantara, » dimy minitra talohan'ny nananoan'ny lakolosy dia nanoso-kevitra ny mpampianatra anay mba tsy hamela an'i Béatrice handeha... Tsy niraharaha ny fampitandremana azy izy, nanomboka nampirina ny kitapony i Béatrice. Niantso anay ny mpampianatra mba hampijanona azy. Ankizilahy vitsivitsy izahay, anisan'izany ny tenako, no nanakana ny varavarana ; ny hafa nanodidina azy, nanao izay tsy handehany. Niverina nipetraka teo amin'ny dabilio i Béatrice. Nosaronany tamin'ny tanany ny sofiny mba tsy handre na inona na inona intsony ary nanomboka nitomany izy. Ny ranomasony dia nitsotsorika nanaraka ny takolany tahaka ny loharano anankiroa izay nahita lalana nankany amin'ny hazavana. Dia sadaikatra be teo izahay. Tampotampoka teo dia nisy fahanginana tao an-dakilasy ohatra ny hoe nisy nahazo fahitana ireny. Menatra izahay ... Nanomboka tamin'io andro io dia tsy nanana olana tamin'ny fialana tao an-tsekoly intsony i Béatrice. Ohatra ny nisy firaisam-po mifono mistery ireny niforona teo aminy sy teo aminay. Nanomboka hatreo, dia nanampy azy izahay. »

Ankehitriny izao, dia mbola miresaka amin'ny tanora, amin'ny ray aman-dreny, amintsika rehetra i Jesosy manao hoe : « Mitsangàna eo afovoany » (Mar. 3:3). Ny Sabata no fomba anomezantsika voninahitra an'Andriamanitra. Asehontsika fa mendrika Azy ny hametrahantsika azy ho loha-laharana eo amin'ny fiainantsika. Ny Sabata dia andro fanasitranana, andro iray izay anohinan'ny fitiavany ny fontsika. Ny Sabata dia andro izay tian'Andriamanitra hitondrana fanasitranana sy fitahiana amin'ny alàlan'ny zanany ho an'ny manodidina antsika rehetra. Ny Sabata dia mariky ny fananan'Andriamanitra sy ny fahatokiana Azy.

ANTSO

1. Inona no anjara toeran'ny Sabata eo amin'ny fandaharam-potoanan'ny fianakavianao ? Andro mahafaly ve ny Sabata ?
2. Ahoana no hahatonga ny Sabata ho lasa fitahiana ho an'ireo manodidina antsika ?
3. Inona ireo fanapahan-kevitra tianao horaisina mba hahazoanao mandinika indray ny fomba fankalazanao ny Sabata ?

Tantara ho an'ny ankizy- ANDRO 5

Fanomezana, ilay fanomezana

«Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasina azy.» Eks. 20:8

I Betty dia nankalaza ny fitsingerenan'ny andro nahaterahany tamin'ny fomba mitovy. Nanasa ny namany izy ho tonga any aminy ; nilalao sy niaraka miala voly mandritra ny ora vitsivitsy izy ireo. Rehefa izany, dia avy ny reniny mitondra mofomamy manokana ho an'ny fitsingerenan'ny andro nahaterahany, samy hafa isan-taona, ary izy dia nanolotra tsakitsaky isan-karazany namboarin'ny reniny. Rehefa lasa ny rehetra dia nanampy ny reniny nanadio ny trano izy, avy eo dia nanokatra ny fanomezana sady mandany fotoana kely hankafizana ireo kilalao vaovao.

Hafa mihitsy ity taona ity. Nianjera tamin'ny sabotsy ny fitsingerenan'ny andro nahaterahany, ary fantany fa tsy maintsy nankalaza izany tamin'ny fomba hafa izy. Fantany fa tsy fitsingerenan'ny andro nahaterahany fotsiny izany, fa koa fankalazana an'i Jesosy. Te-hanome azy ny toerana voalohany izy, mba hampifalifaly Azy amin'ity andro miavaka ity. Rehefa nanontany azy ny namany hoe inona no kasainy hatao amin'ny fitsingerenan'ny andro nahaterahany, dia novaliany hoe : « Manana fanasana manokana ho anareo aho amin'ity taona ity. » « Inona izany ? Inona izany ? » nanontany azy i Amy, sady liana te-hahafantatra. « Eny, te-hanasa anareo rehetra ho any am-piangonana aho ny maraina, ary rehefa avy eo dia asaina ianareo rehetra hiaraka hisakafo antoandro any an-tranonay isika. Avy eo dia hitsangatsangana any anatin'ny zavaboary isika sady hanararaotra ny kilalao manokana fanao amin'ny Sabata, » hoy i Betty. « Any am-piangonana??? » naverin'i Amy tsara sady tsy nino izay ren'ny sofiny izy. « Inona no idiran'ny fiangonana amin'ny fitsingerenan'ny andro nahaterahanao? » « Tsy misy na inona na inona, » hoy ny fanazavan'i Betty, « fa misy ifandraisany amin'ny andron'Ilay namako tena akaiky ahy indrindra izy io. » « Hitanao, ny Sabata dia andro manokan'i Jesosy, ary tiako aloha ny hankalaza azy amin'ny fomba itiavany azy, ary azoko antoka fa hovany ho fety mahafinaritra ho ahy koa izany. » Rehefa nanakaiky ny fitsingerenan'ny andro nahaterahany dia toa tsy nisy na inona na inona nandeha. Nandritra ny herinandro mialoha an'io dia nangatsiaka ny andro sady avy ny orana ; ny toetrandro ratsy sady tsy mety amin'ny fitsangatsanganana an-kalamanjana. Ny reniny, izay nikasa ny hanao mofomamy manokana ho azy dia tsy maintsy niasa ora be dia be ivelan'ny ora fiasana, ka tsy nanam-potoana nandehanana niantseña sy nividy voankazo. Na i Marka, zandrin'i Betty aza, dia tsy salama tsara, ary niahiahy i Betty fa tsy ho tanteraka izay nokasainy hatao amin'ny fitsingerenan'ny andro nahaterahany.

Nivavaka betsaka momba an'io anefa izy ary tapa-kevitra ny hanao an'io andro io ho « mahafinaritra, » satria fantany fa tokony hitovy avokoa ny sabata rehetra, na dia eo aza ireo fanamby isan-karazany. Nahagaga fa ny sabotsy maraina dia tsara ny andro ary nafana sy namiratra ny masoandro. Tany am-piangonana dia nanomana fanomezana tsy ampoizina ho azy ny mpitarika tao amin'ny vondron'ny Sekoly Sabatany ary nanamboatra mofomamy lehibe vita tamin'ny frezy ho an'ny rehetra, izay nohanin'izy ireo tamin'ny fiafaran'ny kilasy. Gaga izy fa tonga tany am-piangonana daholo ireo sakaizany sady tonga tany an-tranony, nitondra fanomezana samihafa ary dia tonga fety nahafinaritra tokoa ny sakafo antoandro. Ny tena zavadehibe, ny tolakandro rehefa nandeha nitsangatsangana tany anivon'ny zavaboary izy ireo,

tokony ho telo kilaometatra miala ny tanànany eo ho eo dia nahita zanak'alika kely, amety very na narian'ny olona lavitra ny tranony. « Izany indrindra no notadiaviko! » hoy i Betty sady nientanentanana ery izy.

« Nivavaka mafy aho mba hanana alika kely amin'ny fitsingerenan'ny andro nahaterahako, saingy fantatro fa tsy navelan'ny reniko sy ny dadako hanana izany tao an-trano aho, ka tsy nambarako na tamin'iza na tamin'iza ny faniriako. » « Tena matotra ve izany? » hoy ny reniny nanontany azy. « Eny, ry neny, » hoy i Betty namaly. « Avelao re mba ho entiko aty an-trano ilay izy e! Hantsoiko hoe Fanomezana ny anarany satria fanomezana avy tamin' Andriamanitra tamin'ny fitsingerenan'ny andro nahaterahako izy. » Nitsambikina tamimpifaliana izy sady namihina mafy ilay zanak'alika. « Tsara vintana ianao! » hoy i Amy nihiaka. « Tena nahazo izay nilainao ianao tamin'ny fitsingerenan'ny andro nahaterahanao. Ary heveriko fa io andro io no anankiray tamin'ireo fitsingerenan'ny andro nahaterahanao tsara indrindra. » « Efa nilaza taminao anie aho e! » hoy i Betty namaly. « Rehefa ataontsika ho andro manokana ny andron'Andriamanitra, dia ataony izay hahatonga ny fitsingerenan'ny andro nahaterahantsika ho tena fety tokoa! »

1. Nahoana araka ny hevitrao no zava-dehibe ny mitandrina sy mankalaza ny Sabata?
2. Inona no azonao atao mba hahatonga ny andro Sabata ho andro manokana sy mahafinaritra?
3. Manomeza anaran'ny namanao anankiray izay tsy mahalala momba ny Sabata, ary zarao aminy ireo vaovao manokana momba ny andron'Andriamanitra.

ANDRO 6- Miverina any Betela

« ... ary ity vato izay naoriko ho tsangam-bato ity ho tranon'Andriamanitra, ary izay rehetra homena ahy, dia homeko Anao tokoa ny ampahafolony. » Gen. 28 :22

Betsaka ny teny fikasana ao amin'ny Baiboly. Ho an'ny maro, dia izy ireo no ampahany tsara indrindra ao amin'ny Soratra Masina. Ilaintsika ireo teny fikasana ireo satria mampahatanjaka ny finoantsika izy ireny. Inona ny teny fikasana tena manan-danja indrindra ao amin'ny Baiboly, ilay teny fikasana izay nilain'ny olona na dia talohan'ny fahalavoany aza?

Hitantsika mazava tsara izany ao amin'ny Genesisy 28 :15, dia ilay manao hoe : « Izaho momba anao. » Tsy natao ho an'ny olona heverintsika fa mendrika an'izany izy io. Andriamanitra dia miteny amin'ilay namitaka ny rahalahiny sy nandainga tamin-drainy ary noteren'ny fankahalan'ny rahalahiny, ka tsy maintsy nandositra. Jakôba no anarany, izay midika hoe « ny mpamitaka. » Izany no antsoin'ny Baiboly hoe : fahasoavana, izay ilaintsika rehetra.

Betela, ilay toerana nihaonana tamin'Andriamanitra

Nandao an'i Beri-sheba i Jakôba, ilay toeran'ny fahatezerana sy ny valifatin'i Esao rahalahiny, ho any Harana (Gen. 28 :10). Tany izy dia voafitaka sy nanararaotin'i Labana. Ao aoriany, nisy ny fandrahonana, ary eo alohany, tsy fantatra izay mbola miandry azy. Lava ny lalana, 800 km teo ho eo, ary tamin'izany fotoana izany dia naharitra iray volana ny dia. Tsy mitantara ny zava-nitranga rehetra nandritra io fotoana io ny Baiboly, fa kosa mampiseho ny fanandramana niainany tao anatin'ny indray alina izay nanova ny fiainan'i Jakôba.

Ny raiben'i Jakôba, i Abrahama, dia nandeha tamin'io lalana io ihany koa 125 taona talohan'izao, saingy nankany amin'ny zotra mifanohitra kosa, mba hahatongavany any amin'ny tany nampanantenaina.

Nisy zavatra betsaka tsy nampitovy ny dian'izy ireo. I Abrahama dia niaraka tamin'ny fianakaviany, ny mpanompony ary ny harena be, fa i Jakôba kosa dia irery sy tsy nanana na inona na inona. Saingy nanomboka tamin'io alina io kosa, dia nanana zavatra izay niraisana izy ireo, ny teny fikasan'Andriamanitra : ny tany nampanantenaina, ny taranaka maro, ary ny fitahiana izay ho an'ny olona rehetra eto ambonin'ny tany. Tsy nanantena i Jakôba fa hiteny aminy manokana amin'izao toe-javatra natrehiny izao Andriamanitra. 15 taona izy tamin'ny nahafatesan'i Abrahama, ary azo antoka fa nanana fotoana nianarana zavatra betsaka momba an'Andriamanitra tamin'ny raibeny sy ny rainy izy.

Ity no fihaonany voalohany tamin'Andriamanitra ; sambany nandre ny feon' Andriamanitra izy. Ilay tohatra izay nipaka tamin'ny lanitra dia nidina tonga teo amin'ny toerana izay nisy azy. Ny teny hoe « toerana » dia mibahana betsaka ao amin'ny tantara iray manontolo (andiny 11, 16, 17, 19), tsy toerana ara-jeografika fotsiny izy io. Io no toerana nanamarika ny fiainan'i Jakôba hatramin'ny mandrakizay; io no « vavahadin'ny lanitra. » Na dia nanonofy fotsiny aza izy, dia nanaitra azy izany. Ny tenin'i Jakôba hoe : « Eto amin'ity toerana ity Andriamanitra, fa izaho no tsy nahafantatra izany! » dia milaza fa nahazo fanambarana lehibe izy. Misy fomba maro azon'Andriamanitra ampiasaina hiresahana amintsika ary mety tsy ho fantatsika izany. Nila fiarovana i Jakôba ary nampanantena Andriamanitra fa homba azy. Nila famelan-keloka izy ary hitany ny tohatra niakarana sy nidinan'ny anjely. Ny sary asehon'ity tohatra ity dia mampiseho Ilay nidina, dia tsy iza fa i Jesosy Kristy, mba « hanaisotra ny fahotan'izao tontolo izao » (Jao 1 :29). Tsy miresaka ny fiainany tamin'ny lasa mihitsy izy, fa ny ho avy ihany (Gen. 28 :13-15).

Ao amin'io tantara faran'izay tsara io, ny valintenin'i Jakôba dia mifanaraka amin'ny fanambaran'Andriamanitra (Gen. 28 :18-22). Antsoina hoe fiankohofana izany valiny izany. Tsy misy afaka mamaritra mazava tsara ny atao hoe "fiankohofana," ary na ny Baiboly aza dia tsy mamaritra izany ihany koa. Ny fiankohofana, izay filàna lehibe indrindra ho an'ny olona sy ilàny hanaovana fanandramana lalina indrindra, dia tsy azo faritana fa fanandramana iainana fotsiny. Fahazarana, fihetsika, fankatoavana, fahagagana, tahotra, fifaliana, fankalazana, zavamiaina, fiainana, fanoloran-tena - dia izay. Ny lafim-piainana rehetra eo amin'ny fiainana dia voakasiky ny fiankohofana avokoa. Manova ny fiainana ny fiankohofana. Tsy mila ny fananantsika ny devoly; zavatra tokana ihany no tadiaviny amintsika : ny fiankohofana aminy. Ny boky farany ao amin'ny Baiboly, ny Apôkalypsy, dia milaza amintsika fa ny fiankohofana no ho ivon'ny fifanandrinana lehibe farany eo amin'ny tsara sy ny ratsy (Apok. 13 :8).

Asaina isika hanao fanandramana tahaka an'i Jakôba sy hanandrana ny atao hoe fiankohofana tena izy.

Fanaovana voady teo amin'ny toerana fiankohofana

Tsy azo ekena izany hoe mihaona amin'Andriamanitra, manao ny fanandraman'ny fiankohofana izany kanefa tsy misy fiovana hita eo amin'ny tena rehefa avy eo. Tsy fahombiazana no azo namaritana ny fiainan'i Jakôba hatreto. Ny toerana izay nisy azy sy nandaniany ny alina rahateo dia rakotra haizina tanteraka. Toy izao no nolazain'i Ellen White mikasika an'i Jakôba : « *Nahatsapa tena fa nolavina izy ary fantany fa noho ny fitondrantena ratsiny no nahatonga izao olana rehetra izao. Nameno ny fanahiny ny haizin'ny famoizam-po,*

*ary tsy sahy nivavaka akory izy. Satria tena irery izy, dia nahatsapa fa mila fiarovana avy amin'Andriamanitra izay tsy mbola nisy toa izany tany aloha rehetra tany. Teo am-pitomaniana sy tamin'ny fanentren-tena lalina, dia niaiky ny fahotany izy ary nitalaho tamin'Andriamanitra mba hasehony azy fa tsy nahafoy azy tanteraka Izy. » Ellen White, *Patriarchs and Prophets*, p. 283.*

Rehefa avy niresaka tamin'ny Andriamanitra, dia mahita Jakôba hafa isika. Raha mbola teo am-pieritreretana lalina ny teny fikasan'Andriamanitra, ny fahahalehibeazan'ny fanatrehany, dia nanao voady tamin'Andriamanitra izy. Io no voady voalohany hitantsika ao amin'ny Baiboly, ary miorina amin'ny efa nampanantenain'Andriamanitra izany. Tsy nisy zava-baovao nataon'i Jakôba afa-tsy ny namerina amin'ny laoniny ny teny fikasan'Andriamanitra saingy amin'ny ambaratonga ambanimbany kokoa, sady nionona tamin'ny filàna fototra amin'ny fiainana sy ny fahazoana antoka fa ho tafaverina soa aman-tsara any amin'ny tanindrazany izy. Hoy izy : « Raha homba ahy Andriamanitra ka hiaro ahy amin' izao lâlana alehako izao, ary hanome ahy mofo hohaniko sy lamba hitafiako, ka ho tafaverina soa aman-tsara any amin' ny tranon'ny raiko aho, dia Jehovah no ho Andriamanitra, ... » (Gen. 28 :20, 21).

Tamin'ny voady izay nataony, dia mampanantena zavatra telo an'Andriamanitra i Jakôba : voalohany, ny tsy fivadihany tanteraka Aminy. Ny fanekena izay nataon'i Jakôba, izay nampanantena fa hametraka an'Andriamanitra ho loha-laharana eo amin'ny fiainany izy, dia ahitana fa raha mbola eto amin'ity tany feno ota ity isika, dia tsy ho tanteraka na oviana na oviana izany raha tsy misy finiavana sy ny tolona. Safidy tokony havaozina isan'andro izany, ary ny tantaram-piainan'i Jakôba dia maneho izany fahamarinana izany.

Ny singa faharoa amin'ny fiankohofana dia ny « vato, » izay natao ondana aloha sy kotsan'ny ranomaso rehefa avy eo. Lasa tsangambato fahatsiarovana sy « tranon'Andriamanitra » ilay izy. Nandrarako diloilo teo i Jakôba, tandindon'ny fanolorantenany. Ankehitriny koa, dia tokony hajaina sy ankamamiana ny trano fivavahana, ny toerana fanaovana fanompoam-pivavahana ho an'ny daholobe. Teo akaiky teo ny tanànan'i Lozy, saingy very ny maha-manan-danja azy noho ny voninahitr'i Betela. Ny trano fivavahana dia tokony ho ny trano tsara indrindra sy voakarakara indrindra, ary ny fiankohofana dia tokony ho toerana izay ahazoan'ny anjely miakatra sy midina.

Ny singa fahatelo amin'ny fiankohofana dia ny ampahafolon-karena izay nampanantenain'i Jakôba fa homeny avy amin' « izay rehetra » omen'Andriamanitra azy (andiny 22). Tsy azon'i Jakôba nosainina akory izany hoe miankohoka mivavaka kanefa tsy manome. Toy izany koa no tao an-tsain'i Davida rehefa nilaza tamin'i Araona izy hoe : « Tsia,

fa hovidiko mihitsy araka izay tokom-bidiny ; fa tsy haka izay anao ho an'i Jehovah aho ary tsy hanatitra fanatitra odorana amin'izay azoko fotsiny. » (1 Tant. 21 :24).

Ny fiankohofana marina dia misy sandany foana. Raha misy olona mihevitra fa tsy misy vidiny izany, dia tsy fantany ny atao hoe fiankohofana. Raha te-hahafantatra ny vidin'ny fiankohofana isika dia andao handinika ny Tendrombohitr'i Golgota. « Andriamanitra no tena nandoa ny vidiny lafo indrindra. Izy no « Ilay tohatra » izay hitan'i Jakôba nidina avy tany andanitra. » Ellen White, *Patriarchs and Prophets*, p. 188.

Nisy nilaza indray mandeha fa ny zava-dehibe rehetra tokony ho fantatra momba an' Andriamanitra, ny lehilahy sy ny vehivavy ary ny famonjena dia hita ao amin'ny bokin'ny Genesisy. Lafiny iray hafa izay tsy azontsika tsinontsinoavina izany. Betsaka no tsy mahatakatra ny antony nananganan'Andriamanitra ny rafitra mikasika ny ampahafolony. Mihevitra izy ireo fa ny antony tokana dia ny mba hanohanana ny fiangonana sy ny iraka nampanaovina azy. Rehefa nampanantena fa hahatoky amin'ny ampahafolony i Jakôba, dia tsy mbola nisy fiangonana voalamina, tsy nisy mpitandrina na sampan'asa miandraikitra ny asa fitoriana. Ny filamatra mikasika ny ampahafolony dia efa nisy talohan'ny fahalavoan'ny lehilahy sy ny vehivavy voalohany (Gen. 2 :16, 17). Ny fampiharana ny rafitry ny ampahafolony dia efa nanomboka tamin'i Adama, ary noho izany dia efa ampahany tamin'ny fanandramana niainan'i Abrahama izany (Gen. 14 :20). Ny filamatry ny ampahafolony dia tsy natsangana mba hanangonana vola, fa ny hiarovana ny olombelona amin'ny fakam-panahy mampidi-doza indrindra : manadino izay tena Tompony. Ara-tsaina dia manaiky isika fa an'Andriamanitra ny zavatra rehetra, fa matetika, eo amin'ny fampiharana, dia mihevitra isika fa isika no tompony. Rehefa lasa zava-misy izany dia miova ny zavatra rehetra eo amin'ny fiainana. Misy manontany tena hoe tamin'iza no naverin'i Jakôba ny ampahafolony, izay fantatsika ny momba an'i Abrahama. Tsotra ny valiny ary tokony hotadidin'ny mpanao fiankohofana rehetra izany : naveriny tamin'Andriamanitra izany ! Averintsika mandrakariva amin'Andriamanitra ny ampahafolony. Taty aoriana, rehefa napetrak'Andriamanitra fa natao ampiasaina tao amin'ny tempoly (Nom. 18 :24) sy ho fanaparitahana ny filazantsara izany (1 Kor. 9 :13) dia zavatra hafa indray, milaza izany fa Izy no tena Tompony. Ny anjara asan'ny ampahafolony dia ny mametraka filaminana eo amin'ny tontolontsika ara-nofo, mba hametrahana an'Andriamanitra ho loha-laharana amin'ny fomba azo ampiharina sy azo tsapain-tanana, tahaka ny Sabata izay natao hitondra filaminana eo amin'ny fitantanana ny fotoana. Ireo andry roa ireo dia natao hiaro antsika amin'ny fanompoan-tsampy. Samy an' Andriamanitra izy roa ireo ; samy masina; samy maneho ny fiankinantsika amin'

Andriamanitra; ary samy mampatsiahy antsika fa Andriamanitra no loharanon'ny fitahiana rehetra.

Fanavaozana ny voady

Misy fotoana eo amin'ny fiainantsika, tahaka izay nataon'i Jakôba, mampanantena fanoloran-tena sy fahatokiana amin'ny lafim-piainana rehetra amin'Andriamanitra isika. Saingy araka ny efa noresahintsika, mba hitehirizana ny fanoloran-tenantsika, dia mila mailo, manana finiavana sy fahavononana hitolona isan'andro isika. Nomba an'i Jakôba Andriamanitra, saingy tsy midika izany fa afaka tamin'ny olana rehetra sy ny tsy fahombiazana ihany koa izy. Izany no antony tsy maintsy nanaovan'i Jakôba fanandramana vaovao. Nandalo fahoriana mafy izy nandritra ny alina, rehefa nidina sy tonga teo aminy naka ny endrik'olombelona Andriamanitra. Hitantsika eto indray fa sarotra amintsika ny miala amin'ny fifehezana ny fiainantsika ka hamela an'Andriamanitra hifehy izany. Misy zavatra mahatsikaiky toa mifanohitra betsaka ao anatin'ity tantara tokana ity.

Voalohany indrindra, Ilay Andriamanitra Tsitoha dia nitolona tamin'i Jakôba nandritra ny alina, kanefa tsy naharesy azy (Gen. 32:24, 25). Nila kasika manokana tsy ara-boajanahary vao nilavo lefona izy, kanefa nivadika ho fandresena ny fahareseny (Gen. 32 :28). Taorian'ny fihaonany tamin'Andriamanitra, ny fihaonany tamin'i Esao dia nanjary iray tamin'ireo fanandramana nahafinaritra sy nampihetsi-po azy indrindra teo amin'ny fiainany. Ny tena olany dia tsy avy any ivelany, ary tsy i Esao koa. Tsy inona izany fa ny famelany an'Andriamanitra ho Mpitarika ny fiainany.

Mampianatra antsika zavatra betsaka ny tantaram-piainan'i Jakôba, fa andao isika handinika toe-javatra iray hafa nitranga. Mampalahelo izay voalaza ao amin'ny Genesisy 34. Rehefa mijery ny fianakavian'i Jakôba isika, dia mahita fa ny zavatra ratsy indrindra eto amin'ity izao tontolo izao ity dia nitranga tao amin'ity fianakaviana ity. Ny fahafaham-baraka nahazo ny zanany vavy tokana, ny lainga nataon'ireo zanany taminy, ary ny habibiana niseho tao Sekema dia mampiseho ny tena toetran'ireo zanany lahy. Nihoron-koditra i Jakôba rehefa nahita andiam-biby niditra tao an-tokotaniny, ny ankizy nitomany ary ireo vadiny nikiakiaka. Nandalo krizy vaovao indray ny fiainan'i Jakôba. Hitantsika koa anefa etsy an-daniny Andriamanitra mitolona noho ny fahasoaavany mba hitondra fanovana sy fiovana ho an'ity fianakaviana ity, izay ho tonga vahoakany any aoriana.

Izany no antony nahatonga an'Andriamanitra niditra an-tsehatra sy niresaka tamin'i Jakôba indray : « Miaingà, miakara any Betela hianao ka monena any; ary manorena alitara any ho an' Andriamanitra Izay niseho taminao, fony hianao nandositra ny tavan' i Esao

rahalahinao. » (Gen 35 :1). Fa maninona no ao Betela ? Betela indray no mibahana ny toko iray manontolo, io no toerana nanaovan' i Jakôba ny voadiny voalohany tamin' Andriamanitra. Teo koa Andriamanitra no nampanantena azy fa : « Homba anao aho. » Folo taona izay no lasa taorian'ny niverenan' i Jakôba tany amin'ny tany Kanana (30 taona taorian'ny nandaozany ny tranon'ny fianakaviany), fa nijanona tao Sekema izy, angamba adinony i Betela. Ny fiverenana any Betela dia mitarika fanaovana asa tsy dia mahafinaritra loatra. Fantatr' i Jakôba fa tsy nilamina ny tao amin'ny fianakaviany, kanefa dia nekeny izany. Hatramin'izao, dia nandeha nihaona tamin'Andriamanitra irery foana izy, fa tamin'ity indray mitoraka ity dia nandà ny hanao izany izy. Tsapany fa eo an-dalam-pamoizana ny ankohonany izy, ka izay no antony nahatonga azy nanana risi-po tsy mbola nisy toy izany tamin'ity indray mitoraka ity, ary dia mitaky ny handraisan'ny tsirairay anjara amin'ity hetsika ity izy. Fantany fa ny fiankohofana dia mitaky fandavan-tena, fanadiovana ary fanolorantena, ka izany no antony nandidiany hoe : « Ario ireo andriamani-kafa, izay ao aminareo, dia madiova, sady ovay ny fitafianareo... » (Gen. 35 :2). Ny manakana antsika tsy hametraka an'Andriamanitra ho loha-laharana amin'ny fomba azo tsapain-tanana amin'ny famerenana ny ampahafolony, amin'ny fanaovana sorona ho an'ny tranon' Andriamanitra, ny toeram-piankohofana ary koa ho an'ny iraka maneran-tany dia ny fanompoan-tsampy. Izy ireo dia mety ho ny sampin'ny fitiavana ireo zavatra ara-materialy (materialisma), ny fitiavan-tena, ny izaho na karazany hafa. Fa aza adino : ny sampy dia manimba ny fiainantsika sy ny ankohonantsika. Tsy mifaditrovana izy ireo. Mitaky ny zava-drehetra amintsika izy ireo, kanefa tsy manome na inona na inona antsika ho setrin'izany. I Jakôba dia nanana fahasahiana nilaza fa tsy mila zavatra toy izany intsony.

Ireo sampy dia nalevina tao ambanin'ny hazo terebinta akaikin' i Sekema (Gen. 35 :4). Rehefa tonga tany Betela izy ireo dia nanangana alitara, nanomana ny zavatra atao fanatitra ary nanangona ny fianakaviany manodidina ny alitara i Jakôba. Ilay toriteny nataon' i Jakôba tamin'io fotoana io dia tsy hadinon'ireo olona izay nihaino azy, satria nifototra tamin'ny fiainany izany. Ity no toerana, hoy izy - izay niresahan'Andriamanitra tamiko voalohany ; nampanantena ny homba ahy Izy, ary dia nitana ny teniny Izy. Mitazona ny teniny foana Andriamanitra. Tsy any amin'Andriamanitra ny olana fa amintsika ihany.

Niaiky i Jakôba fa nisy fahatarana teo amin'ny fanatanterahany ny voady nataony, kanefa nila fanoloran-tena vaovao indray izy, ary tamin'ity indray mitoraka ity, dia ny fianakaviany manontolo no nanao izany.

Miresaka fifohazam-panahy sy fanavaozana isika, ary tena ilain'ny fiangonana mihitsy izany. Raha nisy andro teo amin'ny fiainantsika izay nanaovantsika voady mikasika ny fahatokiana sy ny fanoloran-tena, dia izao no fotoana hanavaozana izany voady izany. Fotoana

tokony hiverenana any Betela tamin'ny nanombohantsika izany izao. Ireto ny lafiny telo tena ilaina amin'ny fanoloran-tena : Andriamanitra no loha-laharana, ny tranon' Andriamanitra na ny fiangonana eo an-toerana na maneran-tany, ary ny fahatokiana amin'ny ampahafolony. Raha mila fiovana voalohany eo amin'ny fiainantsika isika, dia aza adino ny fanandramana niainan'i Jakôba. Vonona hamela ny lasa Andriamanitra ary hanome fanombohana vaovao antsika. Betela no toeran'ny fiaingana vaovao ary koa toerana fanavaozana ny fanoloran-tenantsika. Androany no tokony hanaovantsika izany fanandramana izany.

ANTSO

1. Ahoana no hanovan'ny fiankohofana ny fiainako sy ny an'ny fianakaviako ?
2. Toy izao no namaranan'i Jaona tampoka ny epistily voalohany nosoratany tamin'ny alalan'ny fampitandremana nataony : « Anaka, arovy ny tenanareo amin'ny sampy. » (1 Jaona 5 :21) Nahoana ?
3. Misy fahatarana ve eo amin'ny fiainako raha ny fahatokiana amin'ny famerenana ny ampahafolony no asian-teny ? Inona no misakana ahy tsy hanolo-tena ho an'Andriamanitra tahaka izay nataon'i Jakôba ?

Tantara ho an'ny ankizy- ANDRO 6

Nahazo valisoa in-dimy heny

« fa ny mpanome amin'ny fifaliana no tian'Andriamanitra. » 2 Kor. 9 :7

Timoty dia zazalahy 7 taona izay tena tia milalao ireny kilalao antsoina hoe "Lego" ireny. Afaka nandany ora maro tamim-paharetana tamin'ny fananganana modelin'ny Lego® isan-karazany izy sady namorona karazan-javatra samihafa avy tamin'ny singa-na Lego maromaro. Tsy nanana karazana « Lego » (kilalao ohatra ny biriky vita amin'ny plastika atambatambatra dia manome endrika zavatra) afa-tsy roa fotsiny anefa izy : ny iray dia fanomezana avy tamin'ny ray aman-dreniny tamin'ny fitsingerenan'ny andro nahaterahany, ary ny iray kosa dia fanomezana tamin'ny faran'ny taona avy amin'ireo mpiara-mianatra taminy. Saingy tiany ny mampifangaro ireo singa samy hafa sy manangana karazana fiara, sambo, fiaramanidina ary tranobe.

Vao nahita modely-na Lego vaovao, izay tena tiany tokoa anefa izy, ary tiany ny hanana izany. « Raha manana ity modely ity koa aho, izay misy singa manokana be dia be, dia azoko antoka fa afaka mamorona sy manangana saika ny zavatra rehetra aho, » hoy izy tamin'ny reniny. « Afaka manangona vola ianao, » hoy ny reniny nanoro hevitra azy. Dia nanomboka nanangona vola tsikelikely i Timoty, saingy fantany fa lafo be ilay kilalao, ary toa tsy nampahazo aina azy ny nieritreritra fa handany vola be amin'ny kilalao iray monja izy.

Indray andro dia nisy naman'ny fianakaviana taloha tonga namangy azy ireo ary nanome vola 50 dôlara ho an'i Timoty ! Miaraka amin'ny vola izay efa nangoniny, tonga dia ampy hividianany ilay kilalao Lego izany. Alao sary an-tsaina ny hafalian'i Timoty ! Ny eritreriny voalohany dia ny handeha hividy ilay izy. Avy eo dia nisy eritreritra faharoa tonga tao aminy : tadidiny fa tamin'ny sabata lasa dia nanao filazana ny pasitera fa hisy fananganana vola manokana ho an'ny tetik'asa iray any Afrika. Nisy fahatsapana tao anatiny tao fa tokony hanome ny volany ho an'ny fiangonana izy, na dia tena naniry mafy ny hahazo ilay kilalao « Lego » aza !

Ny sabata manaraka dia nentina tany am-piangonana ny vola azony sady narotsany manontolo tao amin'ny lovia fanatazana fanatitra. Gaga be ny reniny, satria fantany fa tena tiany ilay kilalao. Fantany koa fa tsy ho mora ho azy ny manangona samirery ny vola ilainy.

Roa andro taty aoriana dia nisy mpiara-miasa tamin'ny reniny nanontany azy raha toa ka mila kilalao vitsivitsy ho an'i Timoty izy. Ny zafikeliny, izay efa lehibe izao, dia nanapakevitra ny hanome azy ireo. Ary azonao an-tsaina ve hoe inona ny iray tamin'ireo kilalao ireo?

Kitapo tena lehibe sy feno Lego izy io !!! Rehefa natolony ny renin'i Timoty ilay kitapo, dia hoy ilay namany taminy : « Ireto no kilalao notehirizin'ny zafikeliko ela indrindra, nefa izao dia efa lehibe loatra izy ka tsy afaka milalao an'izy ireo ary vonona ny hanome azy ireo izy. Heveriko fa misy karazana kilalao Lego mihoatra ny 10 mifangaro ao anatin'ny ao. »

Azonareo sary an-tsaina ny hafalian'i Timoty rehefa nentin-dreniny tany an-trano ilay kitapo. Andramo alaina sary an-tsaina ihany koa ny fahagagany rehefa tamin'ny nanomezany ny volany ho an'Andriamanitra izy, kanefa nomen'Andriamanitra mihoatra noho izay azony novidiana tamin'ny volany izy ! Ny mametraka an'Andriamanitra ho loha-laharana eo amin'ny lafim-piainantsika rehetra, ao anatin'izany ny vola, dia tahaka ny manokatra varavarana ho an'Andriamanitra mba hitahiany antsika sy hamenoany fifaliana ny fiainantsika ! Faly foana Andriamanitra mitahy izay manome am-pifaliana !

1. Mihevitra ve ianareo fa mila ny volantsika Andriamanitra ? Nahoana araka ny hevitrareo no tiany ny hamerenantsika Aminy ny ampahafolony ?
2. Ahoana no ahafahanareo mizara izay anananareo amin'Andriamanitra sy amin'ny hafa ?
3. Mihevitra ve ianareo fa afaka mahita fomba hamerenana ny ampahafolony na dia tsy misy fidiram-bola aza ?

Ny fanomezan'ny fitiavana

« Avelao izy, mba hotehiriziny ho amin'ny andro hanamboarany Ahy halevina io. » Jao. 12: 7.

Tsy mbola nahita olona tsy tia fanomezana aho. Tsy afa-misaraka amin'ny fiainantsika ny fanomezana ary tahaka ny « thermomètre » handrefesana ny fitiavantsika sy ny fahalalantanantsika izany. Sarotra ny milaza izay zavatra tiantsika indrindra : manome na mandray fanomezana; fa hoy Jesosy: « Mahasambatra kokoa ny manome noho ny mandray » (Asa. 20:35).

Te-hanasa anao aho mba hisaintsaina fanomezana manokana iray, miavaka izay natolotra tamin'ny fomba tsy mahazatra sy tsy tsy nifanaraka tamin'ny toetr'andro tamin'izany fotoana izany. Nikorontan-tsaina ny olona rehetra nanatrika teo, ary tsy nisy nanadino ny zavanimitranga. I Jesosy no nahazo an'io fanomezana tsy manam-paharoa io. Tsy voatantara firy ilay izy, ankoatry ny fanomboana tamin'ny hazo fijaliana sy ny fitsanganana tamin'ny maty, izay notantarain'ireo evanjelista efatra. Iray amin'izany ity toe-javatra nitranga ity. Nilaza i Matio fa nisy vehivavy iray « nanidina menaka manitra tamin'ny lohany » (Matio 26:7). I Marka, etsy ankilany, dia nanampy antsipiriany iray : ity vehivavy ity dia « namaky ny tavoara » alabastra, ary nofaritan'i Jesosy fa « asa soa ho azy » izany fihetsika nataony izany (Marka 14: 3, 6). Ny evanjelista Lioka dia niantso azy ho ilay « vehivavy mpanota » tao an-tanàna (Lio. 7:37) ; ary ao amin'ny Filazantsara nosoratan'i Jaona, efa ela taty aoriana dia mbola hita ao ihany koa ny anaran'ity vehivavy ity, i Maria (Jao. 12:3).

Ny tontolon-kevitra ao amin'ny Filazantsaran'i Jaona

Misy mpamakafaka sasany izay mizara ny filazantsaran'i Jaona ho roa. Ny tapany voalohany, manomboka eo amin'ny toko 1 ka hatramin'ny toko 12, dia antsoina hoe « ny bokin'ny famantarana. » Ao amin'ity tapany voalohany ity dia mampiseho famantarana fito i Jaona. Ny voalohany dia tany Kana, ary ny farany dia ny fitsanganan'i Lazarosy tamin'ny maty tany Betania.

Ny tapany faharoa, manomboka amin'ny toko faha-13 ka hatramin'ny faran'ny boky, dia antsoina hoe « ny bokin'ny voninahitra. » Ny zava-nitranga tamin'ity fizarana ity dia nifarana tany Golgota, izay nanehoan'i Jesosy ny voninahitr'Andriamanitra.

Hitantsika tao amin'ny filazantsaran'i Jaona, ny fitomboan'ny lazan'i Jesosy taorian'ireo famantarana samihafa nataony. Ny fitsanganan'i Lazarosy tamin'ny maty dia nanosika ny Synedriona hiara-manapa-kevitra ny amin'izay hataony amin'i Jesosy (Jaona 11:47-57).

Nanapa-kevitra ny Synedriona fa tsy maintsy hatao maty i Jesosy ; ary i Jaona ilay mpianatra, rehefa avy nitantara ilay sakafo hariva tao an-tranon'i Simona, dia niresaka momba ny fanapahan-kevitra vaovao noraisin'ny Synedriona. Tsy ampy ny fahafatesan'i Jesosy fotsiny; tsy maintsy maty koa i Lazarosy (Jaona 12:9-11). I Jaona dia nanatsofoka ny tantara mikasika ny nanosorana an'i Jesosy tao anatin'ny tontolon-kevitra ny fandrahonana, izay mampiseho fa tena lehibe ny fihenjanana tamin'ny fotoana nitrangan'izany.

Ao amin'ny tapany voalohan'ny Filazantsaran'i Jaona isika, dia manana fandaharam-potoana momba izay nitranga nandritra ny herinandro voalohan'ny Paska, izao kosa dia efa nanomboka ny fanisana ho an'ny herinandro farany talohan'ny nanomboana Azy tamin'ny hazo fijaliana. « Ary rehefa henemana no sisa tsy tonga ny Paska, Jesosy dia tonga tao Betania,

... » (Jaona 12:1), satria te-hankalaza ny Sabata farany niaraka tamin'ny namany izy, tao amin'ilay fianakaviana izay nahatsapany fa tahaka ny any an-trano ihany Izy.

Sakafo hariva tao an-tranon'i Simona

I Simona, na dia Fariseo aza, dia nihevitra ny tenany ho mpianatr'i Jesosy. Te-hanome voninahitra an'i Jesosy izy tamin'ny nanomanany sakafo manokana ho Azy. I Simona dia nanana ny mpamari-toetra hoe « ilay boka, » satria efa tratran'io aretina mahatsiravina io izy, ary i Jesosy no nanasitrana azy tamin'izany. Tamin'ity fisakafoanana ity dia niaraka tamin'i Jesosy ny mpianany, nisy Jiosy maromaro koa teo ary i Lazarosy, izay vao natsangana tamin'ny maty. Eo koa i Marta izay nikarakara ny sakafo. Ity no fotoana farany nahitana an'izy telo mirahalaha sy ireo anabaviny : i Lazarosy, i Marta ary i Maria.

Raha somary miverina kely tamin'ny fotoana lasa isika, sady atao hoe manatrika an'ity sakafo hariva ity, inona no hahaliana antsika ? Ny sasany amintsika angamba mety ho liana tamin'ny lisitr'ireo sakafo haroso, na koa tamin'ny fomba nandrosoana ny sakafo. Misy zavatra mitranga tsy nampoizina ihany koa mikasika ny kolontsaintsika eto, ny lehilahy ihany no teo, fa ny vehivavy kosa dia nikarakara sy nandroso ny sakafo. Ny fifanakalozan-kevitra teo amin'ireo izay nanatrika dia mety ho zavatra mahaliana iray hafa ihany koa. Aza adino fa teo amin'ny latabatra dia nisy olona izay vao avy nandany andro maromaro tany am-pasana, ary mbola tsy nisy toa izany mihitsy hatramin'izay.

Raha mbola teo am-piomankomanana ny rehetra, dia nisy toe-javatra tsy mahazatra nitranga, mety manafintohina mihitsy aza ho an'ny sasany. Vehivavy iray, i Maria, no niditra tao amin'ny toerana fisakafoanana. Nitondra tavoara iray izay « novakiny » aloha izy (Marka 14:3), ary avy eo dia nararany teo amin'i Jesosy ny tao anatin'ny. Sarobidy ilay tavoara, vita tamin'ny alabastara, ary lafo vidy be ny tao anatin'ny, « menaka manitra nisy narda » (Jao 12:3). « Gouttes » vitsivitsy fotsiny dia ampy hanenika ny trano manontolo, fa nararak'i Maria tamin'ny vatan'i Jesosy kosa ny tao anatin'ny rehetra. Nifantoka tany amin'i Jesosy avokoa ny maso rehetra. Nisy fahanginana tampoka, tezitra ny sasany ary nihahenjana ny rivo-piainana tao an-trano. Ny iray tamin'ireo mpianatra no nanapaka ny fahanginana tamin'ny fitenenana hoe: « Inona no anton' izao fandanium-poana izao? » (Mat. 26:8), ary i Jaona dia nanondro ilay mpianatra, izay nanana toe-tsaina tia manakiana.

Tena mihanaka be ny toe-tsaina tia mitsikera ankehitriny. Efa nataon'i Jodasy kajikajy avy hatrany ny vidin'ity « fatiantoka » ity, izany hoe denaria telonjato. Mba hahazoantsika manombatombana ny fanomezana natolotr'i Maria, izany denaria telonjato izany dia ampy hividianana ny filàna fototra ho an'ny fianakaviana iray mandritra ny herintaona. Azontsika atao ny manombatombana ny fanomezana natolotr'i Maria amin'ny fidiram-bolan'ny fianakaviana iray mandritra ny herintaona ankehitriny. Na ankehitriny izao aza, io fanomezana io dia azo heverina ho miavaka. Nihoron-koditra i Maria raha nandre ireo teny fitsikerana ireo, ary izao dia natahotra izay ho fihetsik'i Jesosy izy. Tampoka teo dia injao re ny feon'i Jesosy nanao hoe : « Avelao izy, mba hotehiriziny ho amin' ny andro hanamboarany Ahy halevina io » (Jao. 12:7). Tsy niaro an'i Maria fotsiny i Jesosy, fa nankasitraka ihany koa ny dikan'ilay fihetsika lalina nataony. Ny fanomezana natolotr'i Maria dia misarika ny fijery ho any amin'ny fanomezana ambony kokoa, dia ilay fanomezana teo Golgota.

Olona roa samy hafa manana fahazarana samy hafa tanteraka

Ny olona mpandray anjara lehibe indrindra teo amin'ity tantara ity, ary koa ny manerana ny Filazantsara iray manontolo, dia i Jesosy. Andeha hojerentsika ny olona roa hafa izay nanana tombontsoa nihaona tamin'i Jesosy : i Jodasy sy i Maria.

I Jodasy, izay azo avy amin'ny anarana hoe Joda, dia anarana tena tsara ; ny dikan'io anarana io dia izao: « Hidera an'Andriamanitra aho » (Gen. 29:35). Ankehitriny anefa, dia tsy fahita firy intsony io anarana io. Nahoana i Jodasy no sosotra, ary nahoana izy no tezitra tamin'i Maria sy tamin'i Jesosy ihany koa ? I Ellen White, ao amin'ny boky « Ilay Fitiavana Mandresy, » dia nilaza fa tena tezitra izaitsizy i Jodasy, ka raha vao nivoaka avy tao izy, dia nandeha mivantana nankany amin'ireo mpitondra fivavahana mba hamadika an'i Jesosy. Ilay vola sy ilay zavatra anefa tsy azy akory. Isaky ny misy fihetsika hanehoana fahalalahan-tanana atao, dia efa eo sahady ny fitiavan-tena sy ny fitiavana hifehy ny toe-javatra. Izany no zavaintranga tamin'io fotoana io, ary mbola toy izany ihany koa ankehitriny. Tsy nateraka manana ny toe-tsain'ny fahalalahan-tanana isika ; ampahany amin'ny natioran'ny fahalavoantsika ny fitiavan-tena. Efa ao amin'ny « ADN »-ntsika izy io. Na dia ny ankizy kely aza, manomboka amin'ny faha-2 taonany, dia efa manana fahatsapana mazava ny atao hoe fananana. Hain'izy ireo ny milaza ny teny hoe « ahy io. » Tahaka ny fiezahan'ny ray aman-dreny hanampy ny zanany hiala amin'ny endriky ny fitiavan-tena, dia mitolona miaraka amintsika Andriamanitra mba ho tonga tahaka Azy isika, feno fahalalahan-tanana.

Nanampy antsipiriany izay tsy hitantsika any amin'ireo Filazantsara hafa i Jaona ilay mpianatra rehefa nametraka fanontaniana i Jodasy hoe : « Nahoana io menaka io no tsy namidy denaria telon-jato ka nomena ny malahelo? » (Jaona 12:5). Ary toy izao no nolazain'i Jaona momba an'i Jodasy : « Ary izy no nilaza izany, tsy noho ny fiahiany ny malahelo, fa satria mpangalatra izy sady nitondra ny kitapo ka naka izay tao anatin'ny » (andinin'ny 6). Am-polony taona maro taty aoriana, rehefa nosoratana ny Filazantsara, dia nitombo toy izany hatrany ny fahatezeran'i Jaona. Fantany fa tsy an'i Jodasy na an'ny mpianatra ny vola ao anatin'ny kitapo, fa an'Andriamanitra.

Ankehitriny, isaky ny sabata, dia arotsaka ao anatin'ny fanatazan-drakitra ny vola mandritra ny fotoam-pivavahana na koa alefa any amin'ny kaontin'ny fiangonana. An'Andriamanitra io vola, na ny ampahafolony na ny fanatitra, ary ny volany dia mandalo eo am-pelan-tanantsika koa. Ny fitiavan-tena na ny faniriana mihoa-pampana dia mety hahatonga antsika hihazona izay an'Andriamanitra. Mety misy ny sasany manontany tena hoe, raha fantatr'i Jesosy ny toetran'i Jodasy, nahoana Izy no nanaiky ny hamela azy ho lasa mpitam-bola. Andriamanitra dia nanome antsika andraikitra, tsy hoe satria resin'ny fakam-panahy isika, fa ny mba hahazantsika mandresy izany. Tsy mila ny fanatitra sy ny ampahafolony avy amintsika Izy. Tsy maintsy mandresy ny fitiavan-tena sy ny fitsikerana isika. « Namboly fieremana i Jodasy ka nahatonga ny toetra tsara rehetra nananany ho toy ny tsy nisy izany. Nitsiriritra ny zavatra izay natolotra an'i Jesosy izy. Nandrotika ny fony ny fitsiriritana teo ampahitana ny Mpamonjy nandray fanomezana izay mendrika ny mpanjaka eto an-tany. » Ellen G. White, *The Desires of Ages*, p. 557.

Mifanohitra amin'ny fihetsik'i Jodasy dia tokony hanaraka ny ohatr'i Maria isika. Mihoatra lavitra noho izay nantenaina ny fanomezana nomeny. Modelin'ny fahalalahan-tanana izy. Hoy i Jaona : « feno ny hanitry ny menaka ny trano » (Jaona 12: 3), fa tsy ny trano ihany no feno izany, fa ny tokontany koa. Ankoatry ny Mpamonjy, dia tsy misy olona nomena haja noho i Maria ao amin'ny Testamenta Vaovao satria hoy i Jesosy : « Lazaiko aminareo marina

tokoa: Na aiza na aiza amin' izao tontolo izao no hitoriana ity filazantsara ity, dia holazaina koa izay nataon-dravehivavy mba ho fahatsiarovana azy » (Mat. 26:13).

Tao amin'ilay tavoara izay novakian'i Maria no nisy ny harenny rehetra, ny volany rehetra, ary ny nofinofiny rehetra. Raha azontsika natao ny nanontany azy hoe: « Maria ô, misy dikany ve izao zavatra nataonao izao ? » Inona araka ny hevitrao ny mety ho valin'izany ? Mihevitra aho fa mety ho toy izao ny navaliny : « Ny zavatra izay nataoko dia tsy mifanentana velively amin'izay rehetra nataony tamiko ! » Ireo Filazantsara dia manambara fa i Maria dia hita mandrakariva teo an-tongotr'i Jesosy. Taorian'ny nitsanganany tamin'ny maty, dia izy no nisehoan'i Jesosy voalohany. Ny menaka manitry ny narda dia namonto ny tenan'ny Mpamponjy sady nanohy nanaparitaka ny fofony manitra. Rehefa nesoosoina Izy, rehefa nokapohina sy nahantona teo amin'ny hazofijaliana Izy, ny fofon'ny menaka avy amin'ny narda ho Azy dia manambara fa misy olona eto amin'ity izao tontolo izao ity izay mandray ny sorona nataony ho sarobidy.

Ireo fanomezana ho an'Andriamanitra

Inona no azontsika atolotra ny olona iray izay manana ny zava-drehetra ? Ny fitiavana no hany zavatra azontsika atolotra. Miaraka amin'ny ampahafolony, dia nametraka ny rafitry ny fanatitra koa Andriamanitra. Matetika rehefa miresaka ny amin'ny fanaovana ny ampahafolony sy ny fomba fijerin'Andriamanitra izany isika, dia manokatra ny Baiboly ao amin'ny boky farany amin'ny Testamenta Taloha, dia ny bokin'i Malakia izany. Ao amin'ny toko voalohany ao amin'io boky io, Andriamanitra dia naneho ny tsy fankasitrahany ny fomba nitondran'ny olony ny fanatitra izay tokony ho entina any amin'ny tempoly (Mal. 1:8), ary ao amin'ny toko faha-3, miaraka amin'ny ampahafolony, dia voaresaka indray ny fanatitra (Mal. 3:8). Ao amin'ny Baiboly, ny fanatitra matetika dia mifandray amin'ny fiaiken-keloka sy ny fiankohofana.

Ny fenitra mikasika ny fanatitra dia tsy mitovy amin'ny an'ny ampahafolony. Ny ampahafolony dia adidintsika, ary ny adidy ao amin'ny Baiboly dia aseho amin'ny fomba fiteny manokana, mba hazava amin'ny olona rehetra. Izany no mahatonga ny ampahafolony ho 10% amin'ny vola miditra rehetra. Ny fanatitra kosa dia tsy voafetra amin'ny tarehi-marika ara-matematika. Ny fankasitrahana sy ny fitiavantsika dia mamaritra ny tolotra.

Ny fanatitra dia ny fankasitrahantsika sy ny fitiavantsika an'Andriamanitra no mamaritra azy. Amin'ny alalan'ny fanolorantsika fanatitra, fa tsy amin'ny ampahafolony, no maneho ny halehiben'ny fitiavantsika an'Andriamanitra isika. Izany no antony nilazan'i Jesosy tamin'i Simona, izay nanamavo an'i Maria sy nitsara Azy hoe : « Voavela ny helony be, fa be fitiavana izy ; fa izay voavela tamin' ny kely dia kely fitiavana » (Lio. 7:47).

Ny Baiboly dia mirakitra filamatra mazava izay afaka manampy antsika isambatan'olona hahafantatra ny habetsany sy ny kalitaon'ny fanatitra atolotra. Ao amin'ny Testamenta Taloha (Deo. 16:10, 17), ary koa ao amin'ny Testamenta Vaovao (1 Kor. 16:2), dia voalaza fa ny fanatitra dia tokony ho « araka ny fitahiana » na « araka ny fanambinana » izay azon'ny tsirairay. [Mihatra eto izany ny filamatry ny fifanentanana (Principe de proportionnalité)].

Ny filamatra faharoa dia ny fanaovana sorona, izay hita miharihary teo amin'ireo fiangonana tany Makedônia, izay nankasitran'ny apôstôly Paoly sy nasehony ho modely ho an'ireo tany Korinto, sy ho antsika koa (2 Kor. 8:1-5). Tena nahagaga an'i Jesosy ny fanatitra nataon'ilay mpitondratena, izay tsy nanome noho ny habetsahan'ny fananany, fa tena nanao

sonona ny tenany ; « fa izy kosa, tamin'ny alahelony no nandatsahany tao izay rehetra nananany, dia ny fivelomany rehetra. » (Marka 12:41-44). Isan-Sabata, rehefa manana fahafahana manome isika dia tokony hanontany tena hoe : « Moa ve tena manao sonona aho amin'ireo fanomezana izay atolotro ho an'Andriamanitra androany ireto? » Tsy Andriamanitra no mila ny fanomezana avy amintsika, fa isika no mila sitranina amin'ny fitiavan-tena.

Ny filamatra fahatelo dia ny fanolorana amin'ny fomba mitohy sy mahazatra. Isaky ny manatrika fanompoam-pivavahana isika, dia manome satria ny fiankohofana tsy misy fanolorana fanatitra, dia tsy vitan'ny hoe tsy feno fotsiny, fa tsy misy tombam-bidiny ihany koa (Sal. 50:5).

Indray zoma izay, dia nisy rahalahy tonga tao amin'ny biraoko mba hindrana vola tamiko, satria « rahampitso » hoy izy, dia « tsy te-handeha hivavaka any am-piangonana amin'ny tanam-polo aho. » Mazava ho azy, niverina haingana izy ary namerina ny vola tamiko, fa tsy hohadinoiko mihitsy io fotoana io. Tokony handinika isan'andro ny fanomezana faratampony nataon'ny Mpamonjy antsika teo Kalvary isika.

Ny fitsipika iray hafa momba ny fanatitra dia izay nambaran'i Jesosy tao amin'ny toriteniny teo an-tendrombohitra. Io no filamatry ny fanaovana laharam-pahamehana an'Andriamanitra sy ny fanjakany. Mifanohitra amin'ny fomba hafa, i Maria dia nanana tombontsoa nanosotra ny tenan'i Jesosy talohan'ny nandevenana Azy, satria nataony ho laharam-pahamehana ny nanolorany fanomezana ho an'i Jesosy. Nilaza i Ellen White fa « Ny Fanahy Masina no nandamina ny zavatra rehetra ho azy, ary nankatò fotsiny ny soso-kevitra nomeny Izy. » Ellen G. White, *Jésus-Christ*, p. 555.

Ny Fanahy Masina dia mbola te-hitarika antsika amin'ny fanolorana fanatitra ankehitriny. Afaka mihaino ny famporisihany isika na koa, tahaka an'i Jodasy, izay nobaikon'ny fitiavan-tena.

Ny fanomezana rehetra atolontsika dia tokony ho lasa tandindon'ny sonona teo Kalvary. Nahita tao amin'ny fanomezana nataon'i Maria i Jesosy ny tandindon'ny hanitry ny famonjena izay hipariaka avy tany Golgota manerana an'izao rehetra izao. Nanolotra fanomezana sarobidy ho an'i Jesosy mihoatra noho ny tombam-bidin'ilay tavoara alabastara nisy menaka narda i Maria. Tsy hoe novakiany fotsiny ilay tavoara, fa ny fony ihany koa.

Rehefa mijoro eo anoloan'ny hazo fijaliana, toy ny nataon'i Maria indray mandeha isika, dia afaka miteny hoe : « Tompo ô, raiso eo an-tananao ny lasanay, ny ankehitriny ary ny ho avinay. Ovary ny tavoara vakinay mba ho tavoara ho fanomezam-boninahita Anao. Jereo sy arovy izahay mba tsy hanaraka ny ohatr'i Jodasy. »

ANTSO

1. Faly ve aho tamin'ny nananganan'Andriamanitra ny rafitra mikasika ny fanatitra sa zavatra manelingelina ahy izany ?
2. Misy fanomezana izay tsy eken'Andriamanitra ve ankehitriny, ary raha misy izany, inona avy izy ireo ?
3. Vonona ny hanapa-kevitra aho fa ny fanatitra atolotro dia tsy ho vokatry ny fientanentanana na koa ny vola atolotro dia tsy afaka misolo tena ahy. Amin'ny fomba ahoana no ahatonga ny fanatitra atolotro ho tandindon'ilay sonona teo Kalvary ?

Tantara ho an'ny ankizy- ANDRO 7

“Aloavy ... ho an'Andriamanitra izay an'Andriamanitra.” Mat. 22:21

Efa misotro ronono i Héléne ary mipetraka amin'ny vohitra kely iray, saingy tsy mahazo vola fisotroan-dronono isam-bolana izy, satria vehivavy mpikarakara tokantrano nandritra ny androm-piainany. Niasa mafy tokoa izy tamin'ny naha-mpikarakara tokantrano azy, saingy mbola tsy niasa tany ivelan'ny tranony mihitsy izy. Efa antitra izy izao, ambany dia ambany ny fidiram-bolany ary voatery niady mafy tamin'ny fiainana imbetsaka izy mba hahazoany ny vola ilainy hivelomana.

Ny iray amin'ireo faniriany lalina dia ny hahafahany manohana ny iraka amin'ny volany sy hanampy an'ireo izay afaka mitory ny Tenin'Andriamanitra amin'ny hafa. Indray andro dia nanapa-kevitra ny hanokana vola taratasy iray monja ho an'Andriamanitra izy isan'andro, na inona na inona mitranga (ny vola kely indrindra ampiasaina ao amin'ny fireneny dia mitovy amin'ny ampaha-efatry ny 1 dôlara amerikana). Isan'andro dia nitady ny fomba hahazoany izany vola kely izany i Helen ary nivavaka tamin'Andriamanitra mba hanampy azy hahazoany mitana ny teny nomeny izy.

Koa satria nipetraka tany ambanivohitra izy, dia nanandrana nivarotra atody roa farafahakeliny isan'andro izy (mitovy sanda amin'ilay vola taratasy kely indrindra), mba hatokany ho an'Andriamanitra isan'andro.

Rehefa hitany fa afaka nanangona mora foana io vola io izy dia « nampiakarin'ny vola nanganony. » Nanapa-kevitra ny hanokana vola taratasy iray isan'andro ho an'iraka tanterahin'ny fiangonana izy, iray ho an'ny fiantrana, iray ho an'ny Televiziona Advantista « Hope Channel, » ary iray ho an'ny ADRA. Na dia tsy be loatra aza ny vola tadiaviny, dia tsy asa mora izany ho an'ny vehivavy 60 taona tsy manana fidiram-bola firy. Isan'andro dia nivavaka izy ary nangataka tamin'Andriamanitra mba hanampy azy hahita fomba hamenoana ny vola tadiaviny alohan'ny hariva. Indraindray izy dia miasa mba hahazo vola kely na nivarotra entana vitsivitsy mihitsy aza, fa Andriamanitra kosa anefa nanampy azy foana hitana ny teny nomeny, ary nanao fanandramana maro nahafinaritra tamin'ny fanangonany vola ho an'Andriamanitra izy.

Niakatra tsikelikely ny vola notadiaviny isan'andro, mandra-pahatonganizany ho v10 dôlara isak'ireo tetik'asa nokasainy hotohanana : iraka tanterahin'ny fiangonana, fiantrana, Televiziona « Hope Channel » ary ADRA. Farany, dia nahatratra 50 dôlara isan-kerinandro isaky ny tetikasa ny vola natolony ; tahaka izany ny fanandramana maro sy nahafinaritra nataony niaraka tamin'Andriamanitra. Efa efatra taona mahery izay no nanombohany nanao an'izany, ary rehefa miresaka momba an'izany izy ankehitriny dia nilaza foana izy fa ireo no taona izay nampiroborobo ny fiainany. Tena nahazo fitahiana be dia be tokoa izy nandritra izany fotoana rehetra izany!

1. Nahoana araka ny hevitrareo no tian'Andriamanitra hanaovantsika fanatitra ho an'ny fiangonana?
2. Ahoana no ahafahan'ny volantsika manampy ny hafa hahafantatra an'Andriamanitra?

3. Fanamby: Miezaha manangona betsaka araka izay tratra amin'ity herinandro ity ary omeo ny fiangonana ny vola voangona, sady mangataka amin'Andriamanitra mba hampiasany izany ho fitahiana ho an'ireo sahirana.

Tantara ho an'ny ankizy

Hélène est à la retraite et vit dans un petit village, mais elle ne reçoit aucune retraite mensuelle, car elle a été femme au foyer toute sa vie. Elle a toujours travaillé très dur comme femme au foyer, mais elle n'a jamais été employée en dehors de sa maison. Maintenant qu'elle est âgée, ses revenus sont très faibles et elle a eu à se démener à maintes reprises pour faire face à ses besoins financiers.

L'un de ses souhaits les plus chers était de pouvoir soutenir la mission grâce à son argent et d'aider ceux qui étaient capables de proclamer la Parole de Dieu à d'autres personnes. Un jour, elle décida de mettre de côté pour Dieu un seul billet de banque chaque jour, quoi qu'il arrive (le plus petit billet de la monnaie de son pays équivaut à 25 cents en monnaie américaine). Chaque jour, Hélène cherchait des moyens de gagner cette petite somme d'argent et priait pour que Dieu l'aide à tenir la promesse qu'elle lui avait faite. Comme elle vivait à la campagne, elle essayait de vendre au moins deux œufs par jour (ce qui représente le montant du plus petit billet de banque), juste pour pouvoir le mettre de côté pour Dieu chaque jour.

Quand elle vit qu'elle pouvait facilement réunir cette somme, elle « augmenta les enjeux ». Elle décida de mettre de côté chaque jour un billet de banque pour la mission, un pour donner l'aumône, un pour Hope Channel et un pour ADRA. Même si la somme n'était pas très importante, ce n'était pas une tâche facile pour une femme de 60 ans avec peu de revenus. Chaque jour, elle priait et demandait à Dieu de l'aider à trouver les moyens de compléter la somme avant le soir. Parfois, elle travaillait pour un peu d'argent ou vendait quelques articles, mais Dieu l'aidait toujours à tenir sa promesse, et elle vécut de nombreuses expériences merveilleuses en collectant de l'argent pour Dieu.

Peu à peu, elle augmenta les enjeux, jusqu'à ce qu'elle donne un billet de 10 dollars à chacun de ses quatre projets d'offrandes : mission, aumône, Hope Channel et ADRA. Finalement, elle finit par donner un billet de 50 dollars pour chaque projet chaque semaine, et fit ainsi de nombreuses et belles expériences avec Dieu. Cela fait plus de quatre ans qu'elle a commencé à faire cela, et quand elle en parle aujourd'hui, elle dit toujours que ce furent les années les plus prospères de sa vie. Elle a été grandement bénie pendant tout ce temps !

1. Pourquoi pensez-vous que Dieu veut que nous fassions des offrandes à l'église ?
2. Comment notre argent peut-il aider les autres à connaître Dieu ?
3. Défi : essayez d'épargner autant que possible cette semaine et donnez la somme à l'église, en demandant à Dieu de l'utiliser comme une bénédiction pour ceux qui sont dans le besoin.

Mpitantana amin'ny andro farany

« Koa amin'izany miambena hianareo, fa tsy fantatrareo na ny andro na ny ora. » Mat. 25:13

Tsy mbola tapitra ny taona 2020, na izany aza anefa dia tsy isalasalana fa voarakitra ao amin'ny tantara ho toy ny krizy anisan'ny sarotra indrindra amin'izao andro farany izao izany. Be dia be ny olona mametraka fanontaniana amin'izao androntsika izao. Ireto misy vitsivitsy : Famantarana ny farany ve ny krizy lalovantsika ? Mbola misy fotoana lavabe ve mialoha ny fiverenan'i Kristy ? Inona no hitranga amin'ny ho avy ?

Mba hamaliana ireo fanontaniana ireo, dia andao isika hanokatra ny Baiboly ao amin'ny toriteny farany nataon'ny Mpamonjy, izay hitantsika ao amin'ny Filazantsara telo voalohany (Matio, sy i Marka ary i Lioka) (Evangiles synoptiques)¹, fa tsy ao amin'ny Filazantsaran'i Jaona. Tsy nitantara mikasika izany i Jaona (mpianatra), fa nanoratra ny bokin'ny Apôkalipsy kosa izy izay miresaka an'io lohahevitra io ihany.

Amin'ireo Filazantsara Synoptika telo, ny Filazantsaran'i Matio no maneho amin'ny fahafenoany ny toriteny farany nataon'i Jesosy. Io no mibahan-toerana ao amin'ny ankamaroany amin'ny toko anankiroa (Matio 24 sy 25). Nataon'i Jesosy mifanindrandalana ny toe-javatra izay hitranga amin'ny faharavan'i Jerosalema sy izay hitranga amin'ny andro farany mialoha ny fihaviany, ho antoky ny fahatanterahan'ny hetsika farany eo amin'ny tantaran'ny olombelona, ny fiverenan'i Jesosy amim-boninahitra.

Raha mijery ny firafitry ny toriteny teo an-tendrombohitra Oliva isika, dia hitantsika fa niresaka mikasika ireo famantarana ny amin'ny fiverenany aloha i Jesosy, ary avy eo Izy dia nanindry ny maha-zava-dehibe ny fanaraha-maso azy ireo. Fa ny ampahany betsaka amin'ny toriteny dia natokana ho an'ny fomba tokony hiandrasantsika sy hahavonona antsika ho amin'ny fiverenany. Miharihary izany tamin'ny fomba namaliany ny fanontaniana napetraky ny mpianatra : « Lazao aminay izay andro hahatongavan'izany, ary izay ho famantarana ny fihavianao sy ny fahataperan'izao tontolo izao ? » (Mat. 24:3). Hoy ny navalin'i Jesosy : "Tandrema fandrao hisy hamitaka anareo" (Mat. 24:4). Te-hilaza tamin'ny mpianatra izy fa ny fanontaniana lehibe tokony apetraka dia tsy ny tsy hoe « oviana ? » fa « ny fomba » tokony hiomanan'izy ireo. Mba hanampiana ireo mpianatra sy ireo izay miandry izany hahatakatra ny dikan'ny hoe 'vonona' dia nilaza fanoharana efatra i Jesosy. Antsointsika hoe ireo « fanoharana ny amin'ny fiandrasana » izy ireo, kanefa azo antsoina ihany koa hoe ireo « fanoharana mikasika ny fitantanana, » satria maneho ny filamatra fototry ny Fitantanam-Piainana Kristiana izy ireo. Ny valiny fohy indrindra azo omena ilay fanontaniana hoe inona no dikan'ny hoe 'vonona' ho amin'ny fiverenan'i Jesosy, araka ny toriteniny, dia ny ho mpitantana marina, izay azon'ny Tompo hilazana hoe : « Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky » (Mat. 25:21).

¹ Evangiles synoptiques : Ireo Filazantsara telo voalohany (Matio sy Marka ary Lioka) noho ny fisian'ny fitoviana betsaka eo amin'ny fitantarana ny toe-javatra nitranga sy ny fampianaran'i Jesosy.

Ao amin'ny fanoharana voalohany, dia nasehon'i Jesosy fa ny fiambenana sy ny fiomanana dia hita taratra amin'ny fomba itondrantsika ireo olona manodidina antsika. Indray andro any, tsy maintsy mbola ampamoahina ny amin'izany isika.

Ao amin'ny fanoharana faharoa, dia niresaka momba ny fahatarana mety hitranga i Jesosy. Ny hoe « miambina » dia mitaky fifandraisana amin'Andriamanitra izay manohana antsika, na dia tsy tonga aza Izy amin'ny fotoana izay heverintsika fa tokony hanaovany izany.

Ao amin'ny fanoharana manaraka, ny hoe 'miambina' dia midika hoe mampiasa ny fahaiza-manao sy ny tombontsoa fanararaotra rehetra atolotra antsika mba hanitarana ny ambain-dain'ny fanjakany.

Ao amin'ilay fanoharana farany, mikasika ny ondry sy ny osy, ny hoe 'miambina' dia midika ho fahavononana hanompo. Ny toerana sy ny fotoana anefa dia tsy mamela antsika hiresaka mikasika ny fanoharana rehetra. Izay no tsy hiresahako afa-tsy ny fahatelo ihany, dia ilay fanoharana mikasika ny talenta.

Manana Andriamantra malala-tanana isika

Ireo mpianatra dia nitangorona nanodidina ny Mpamonjy sady nanohy nihaino ny iray tamin'ireo toriteny manan-danja indrindra norenesin'izy ireo. Ny fanjakan'ny lanitra, hoy i Jesosy, dia tahaka « ny olona izay efa handeha ho any an-tany hafa ka niantso ny mpanompony, dia nanolotra azy ny fananany » (Mat. 25:14). Ity fahamarinana ity dia tokony haverina hatrany hatrany : izay rehetra momba antsika sy izay ananantsika dia nankinina tamintsika fotsiny ; an'Andriamanitra ny zavatra rehetra. Amin'izany ihany vao afaka hanana fomba fijery marina momba an'Andriamanitra, ny tenantsika ary ny dikan'ny fiainana isika. Ny fiambenana sy ny fiandrasana ny fiverenan'ny Mpamonjy dia tsy toejavatra hitranga fotsiny. Fomba fiainana mifototra amin'ny fahamarinana fa an'Andriamanitra ny zava-drehetra ary tokony hampiasaina mifanaraka amin'ny sitrapony izany. Ny fanontaniana napetraky ny apôstôly Paoly dia tokony hibahana ao an-tsaintsika foana : « Ary inona no anananao, izay tsy noraisinao ? » (1 Kor. 4:7).

Mpanompo telo no nanankinana ny fitantanana ny fananan'ny tompony rehetra : talenta valo. Ny zavatra takatry ny mpianatra tamin'ny tenin'i Jesosy, dia mety tsy hitovy amin'ny fahatakarantsika ny dikan'ilay teny hoe « talenta » ankehitriny.

Ny talenta tamin'izany fotoana izany dia tsy vola nampiasaina, fa fandrefesana ny lanja. Mety milanja eo anelanelan'ny 25 sy 35 kilao eo ho eo izany. Ny talenta volafotsy iray dia nanana tombam-bidy 6000 denaria, na mitovy lenta amin'ny asa nandritra ny 15 taona. Ka ny talenta iray izany dia tena manana tombam-bidy ambony dia ambony tokoa, mitovy amin'ny hoe fananana vola be. Avy tamin'ny talenta tao amin'ilay fanoharana, no nahazoana ny teny hoe « talenta, » izay midika hoe ireo fanomezam-pahasoavana na fahaiza-manao izay mety ananan'ny olona iray.

Ny tanjon'i Jesosy voalohany tamin'ity fanoharana ity dia tsy ny hampianatra antsika mikasika ny fitantanana ara-bola. Ny tian'i Jesosy lazaina dia izao : ny fanjakan'ny

lanitra dia misy itovizany amin'ny fitantanana ara-bola. Ny mpanompo tsirairay avy dia samy nandray araka ny « fahaiza-manaony » avy (Mat. 25:15). Zavatra iray no azo antoka : ny tsirairay dia samy nahazo mihoatra ny tokony ho azony na izay ananany. Ilay tompo eto dia maneho ny fahalalahan-tànany amin'ny fametrahana ny fitokisany amin'izy ireo.

Mba hahatakarantsika ny tiana ambara, ny talenta dia entina hanehoana izay fanomezana noraisina tamin'Andriamanitra, izay ananantsika rehetra, izay momba antsika rehetra isan'andro, ireo loharanom-bola, ny fianakaviana ary ny fifandraisana eo amin'ny fiaraha-monina - izay ananantsika rehetra dia avy amin'ny fahasoavany.

Andriamanitra koa dia manome fotoana ahafahana manao asa fanompoana, izay ahafahantsika manao zava-dehibe ho Azy. Tsy misy olona tokony hitaraina fa tsy nomena izany tombontsoa izany. Andriamanitra dia nanao karazana petra-bola be dia be tamintsika tsirairay avy. Izay rehetra manaraka amin'ity fanoharana ity dia mitranga noho ny fomba fijery samihafa ananan'ny mpitantana mikasika ny tompony. Angamba tokony hanao lisitry ny fitahian'Andriamanitra antsika isan'andro isika, tahaka izay nataon'i Davida (Sal. 103), ary hidera Azy amin'ny maha-Izy Azy, dia Andriamanitra feno fahalalahan-tanana.

Fihetsika samy hafa manoloana ny Tompo

Ny mpitantana roa voalohany dia nankasitraka ny tompony, ka noho izany dia tsy nitondra tena toy ny mpanompo izy ireo, fa toy ny tena mpiara-miombon'antoka aminy. « Avy hatrany » (Mat. 25:16) dia nampiasa izay rehetra azony izy ireo ary nampitombo ny tombam-bidin'izany. Isaky ny mamaky ity fanoharana ity isika, dia mitodika any amin'ilay mpanompo fahatelo ny fijerintsika, izay « lasa nihady ny tany ka nandevina ny volan' ny tompony » (andininy 18). Raha jerena amin'izao, dia toa tsy misy maharatsy ny zavatra nataony. Tsy nirobaroba tamin'ny fananan'ny tompony izy. Fa kosa, nitady ny fomba hahazoany antoka fa afaka mamerina manontolo izay rehetra azony. Amin'ity tranga ity, dia manontany tena isika hoe : fa naninona no dia mafy be ny sazy nihatra taminy ? Mety efa ho ampy angamba ny fandroahana azy fotsiny.

Aza adino ny antony nahatonga an'i Jesosy nanao ilay fanoharana. Tsy niresaka tamin'ny vahoaka izy, fa niresaka tamin'ny mpianany, dia ireo izay nanontany Azy ny amin'ny faran'izao tontolo izao. Nasongadin'i Jesosy indray ny maha-zava-dehibe ny fahamailoana sy ny dikan'izany. Tamin'ireo fanoharana nataony tany aloha koa dia niverina ny Tompo sy ny Mpampakatra. Mipoitra indray ilay lohahevitra eto. Nambaran'i Jesosy fa hisy ny fahatarana rehefa nampiasainy ilay fomba fiteny hoe « Ary nony ela, dia tonga ny tompon'ireo mpanompo ireo. » Namafisiny indray fa azo antoka ny fiverenany. Tsy fantatsika anefa ny fotoana hihaviany indray, fa ny zavatra azo antoka dia hiverina indray Izy. Ary rehefa miverina Izy, dia hanao zavatra iray : « hampamoahina » isika (andininy 19) ny amin'ny zavatra nataontsika tamin'izay nankinina tamintsika. Ilay Andriamanitra malala-tanana dia tena manan-jo hanao izany. Na izany aza anefa, nahoana Izy no hampanao 'ampamoaka ?' Nomeny an'izay nanana folo ny talenta izay tsy nampiasaina. Zavatra iray monja no andrasan'Andriamanitra amintsika : ny hitombo mba

hitovy endrika Aminy ary ny halala-tanana amin'izay nankininy tamintsika. Na isika malala-tanana tahaka an' Andriamanitra na isika mahihitra, ka mihevitra Azy ho mahihitra ihany koa.

Izao no tenin'ilay mpanompo tsy mahatoky : « Tompoko, fantatro fa olona mila voatsiary hianao, mijinja eny amin' izay tsy namafazanao, ary manangona eny amin' izay tsy nanahafanao ; dia natahotra aho. » (Mat. 25:24, 25). Raha tsy manana fomba fijery marina momba an 'Andriamanitra isika, dia tsy hiandry ny fiverenany, ary hanjakan'ny tahotra ny fiainantsika (andiny 25). Ny tahotra dia miteraka vokatra mampalemy, misy fiatraikany ratsy amin'ny fanandramana amin'ny fahamailoana sy ny fiandrasana izany. Na dia izany aza, nahoana no sazy henjana no nihatra tamin'ilay mpanompo ?

Tsy miresaka vola i Jesosy eto, fa ny fanjakany. Nataony izay rehetra azony natao mba hahatonga ny fanjakany ho zava-misy ; ny hanitatra izany ary koa ny hampiditra olona marobe any araka izay tratra. Izany no andraikitry ny fiangonana, andraikitry ny tsirairay avy amintsika. Izany no antony nandatsahany ny rany sarobidy teo amin'ny hazofijaliana. Ny tsy firaharahiana izany antso izany, dia midika hoe mpanompo "ratsy fanahy sady malaina" (andiny 26). Ny fiangonana dia tsy toerana natao ahazoana aina fotsiny sy handevenana ireo talenta izay nomena. Ny tsy fampiasana ireo zavatra voaraintsika noho ny fahasoavan-dehibe vokatra ny sorona natao tao Kalvary dia faharatsiana sy fikomiana amin'Andriamanitra. Hoy i Ellen White : « Ny mpianatr'i Kristy dia navotana mba hanao asa fanompoana. Ny Tompotsika dia mampianatra fa ny tena tanjona eo amin'ny fiainana dia ny asa fanompoana. » Ellen G. White, *Christ's Object Lessons*, p. 326.

Mampahatsiahy antsika ireo fanoharana ireo fa na manao ahoana na manao ahoana ny habetsahan'ny talenta noraisina, dia samy manan-danja avokoa izy ireny ho an'ny drafitr'Andriamanitra. Ny fanoharana momba ny talenta dia mampiseho fa ny zava-dehibe indrindra dia tsy ny hoe : « firy » no azontsika (mitovy ny valisoa ho an'ny rehetra), fa ny fampiasantsika izay ananantsika.

Mpitantana amin'ny andro farany

Famantarana ny andro farany ve ny krizy nanenika an'izao tontolo izao tamin'ity taona 2020 ity ? Mazava ny valiny fa « eny. » Efa miaina amin'ny vanim-potoana farany isika hatramin'ny vanim-potoanan'ny fiangonana voalohany hoy ny apôstôly Paoly ao amin'ny 1 Korintiana 10:11. Tsy fantatsika anefa ny fotoana sisa tavela mandra-piverin'i Kristy. Na ny anjely aza tsy mahalala an'izany (Mat. 24:36). Noho io antony io indrindra no nanoroana hevitra antsika mba hiambina sy ho vonona. Ny zavatra hitranga amintsika amin'ny ho avy dia miankina amin'izay ataontsika ankehitriny. Izany no hafatr'i Jesosy.

Misy lafiny iray hafa tokony hodinihina ity. Na manao ahoana na manao ahoana ny fiomanantsika dia tsy mahavonjy antsika izany. Ny famonjena, hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany, dia noho ny fahasoavany irery ihany. Ny fiomanana na ny fahamailoana dia mampiseho raha toa ka efa nandray ny fahasoavan'Andriamanitra teo amin'ny fiainantsika isika. Ny fanoharana nataon'ny Mpamonjy dia milaza amintsika fa

fahasoavan-dehibe izany, ka tokony hampiasaina mba hanitarana ny fanjakany. Ireo mpanompo roa voalohany dia nahay niambina sy niomana ho amin'ny fiverenan'ny tompony ary afaka nibanjina izany tamim-pifaliana. Nampiasain'izy ireo izay azony.

Ny pasitera Randy Roberts, tao amin'ilay bokiny mitondra ny lohateny hoe « *Waiting and Longing* » [Miandry sy eo am-piandrasana], dia nanoratra toy izao : “Efa nieritreritra ny dikan'ny hoe fahamailoana ve ianareo ? Voalohany, raiso amin'ny heviny ara-bakiteny izany ho an'ireo mpihaino voalohany, raha natao ho tandindon'ny vola ny talenta. Noho izany, anisan'ny lesona voalohany amin'ny fiambenana, dia ny fampiasana ny volanareo amin'ny fomba izay hampiroboroana ny tanjon'ny fanjakan' Andriamanitra.

Efa nahatsapa ve ianareo fa rehefa mamerina ny ampahafolony sy mandrotsaka fanatitra rehefa mandalo eo amin'ny laharanareo ny fanatazana fanatitra, dia tsy manome ho an'ny fiangonana fotsiny ianareo ? Miambina ianareo, miandry ny fihavian'i Kristy ianareo. Efa nahatsapa ve ianareo fa rehefa mandalo ny fanatazana fanatitra hanangonana fanampiana ho an'ny fianakaviana sahirana iray, dia tsy hoe nanome fotsiny ianareo mba hanamaivanana ny fahasahiranana'ireo sahirana ? Miandry ny fiavian'i Kristy ianareo amin'izany.

Tsy maintsy manitatra amin'ny fomba mety ny dikan'ny talenta koa isika, mba hampidirina ao tsy ny vola ihany, fa ny fandraisana andraikitra, ny fanomezana, ireo talenta ary ireo fahaiza-manao izay nomen'Andriamanitra antsika tsirairay avy ihany koa. Ary rehefa manao izany isika dia azo lazaina fa miambina isan'andro eo amin'ny fiainantsika.

Rehefa milalao feon-kira kanto dia kanto mitarika ny mpivavaka ho amin'ny fiderana faratampony ny mpitendry zavamaneno kalaza, rehefa mampiasa ny zavatra nomena azy ireo ny antokom-pihira sy ny orkesitra hanandratana ny fon'ny vahoakan'Andriamanitra ho any an-danitra, dia alaim-panahy isika hiteny tsotra hoe : « Misaotra anareo nampiasa ny talentanareo ... » Nefa fantaro fa amin'ny fanaovan-dry zareo izany ho fampandrosoana ny fanjakan'Andriamanitra dia miambina izy ireo. Miandry ny fihaviany izy ireo.

Rehefa mianatra ny fahamarinana mikasika ny fanjakana amin'ny programa an'ny ankizy ireo ankizy dia mahazo tombontsoa avy amin'ireo olona izay mampiasa ny talentany mba hahatonga azy ireo hitombo ho amin'ilay fanjakana amin'izao fiainany kely izao. Izany no antony hitenenantsika hoe : « Misaotra anareo nampiasa ny talentanareo. » Fa ankoatr'izay dia aza hadino fa ireo mpitarika ny ankizy ireo dia tsy hoe manao asa fanompoana ho an'ny ankizy fotsiny. Miambina koa izy ireo. Miandry ny fihavian'Ilay mpanjaka izy ireo. Randy Roberts, *Waiting and Longing for Jesus* (Nampa, Idaho : Pacific Press Pub. Assn., 2011), p. 86.

Ny fitahiana lehibe indrindra izay mety hitondra hafaliana dia ny handrenesana amin'ilay andro hihavian'ny Tompo ny teny hoe : « Tsara izany, ry mpanompo tsara sy mahatoky ; nahatoky tamin'ny kely ianao, dia hotendreko ho mpanapaka ny be ; midira amin'ny fifalian'ny tomponao » (Mat. 25:21). Tsarovy fa, noho ny fahasoavan'

Andriamanitra, aza miezaka ny ho tonga mpanompo miroborobo, fa kosa ny ho tonga mpanompo tsara sady mahatoky, izay nanankinana zavatra kely. Tsy nantsoina hanao zavatra lehibe mahatalanjona isika, fa ny ho tonga mpanompo mahatoky amin'izay zavatra nankinina tamintsika, ary izany no antsoin'ny Baiboly hoe : « Fitantanana kristianina. »

ANTSO

1. Araka ny hevitrareo, iza no tompo ao amin'ilay fanoharana ?
2. Inona avy ireo talenta noraisinareo izay tsy maintsy mbola hanaovanareo ampamoaka indray andro any ?
3. Amin'ny fomba manao ahoana no hanampian'ilay fanoharana nataon'i Jesosy ahy mba hahazoako mahatakatra tsara izay andrasany amiko ?

TANTARA HO AN'NY ANKIZY

Ilay harena nafenina

« Ny fanomezan-tsoa rehetra sy ny fanomezana tanteraka rehetra dia avy any ambony ka midina avy amin'ny Rain'ny fanazavana... » Jak. 1:17

Amanda dia zazavavy tena manan-talenta tokoa. Tiany ny nanao sary, naka sary, nanao dia lavitra ary nanao “mots croisés.” Fa ambonin'izany rehetra izany dia tiany ny nanangona karazana hajia. Tena nankafiziny mihitsy izany, ary nahatratra 250 ny isan'ny hajia voaangony izay ahitana loko sy soatoavina samihafa maneran-tany. Nasehony ireo sakaizany izany ary nisy aza fotoana nifanakalozany hajia tamin'ny ankizy hafa izay nanangona hajia tahaka azy ihany koa.

Ny zavatra iray tsy tian'i Amanda dia ny nilalao lokanga isan'andro. Tia mozika koa izy, ary izy mihitsy aza no niangavy ny reniny mba hitondra azy tany amin'ny sekoly fianarana mozika. Fa tsy tia manao fanazaran-tena isan'andro kosa izy, naleony nahemotra izany na nandositany mihitsy aza. Nampahatsiahy azy isan'andro ny reniny mba hanao fanazarana, kanefa dia misy zavatra tsy ampoizina miseho na olana maika mila vahana foana. Noho izany dia adinon'i Amanda indraindray ny nilalao lokanga. Rehefa asaina milalao mozika any am-piangonana izy, dia nitaraina foana izy fa saro-kenatra loatra na aleony manao zavatra hafa.

Indray andro, taorian'ny nahazoan'ny reniny SMS avy tamin'ny mpampianatra mozika azy, izay nilaza taminy fa mila manao fanazaran-tena bebe kokoa i Amanda, dia nalain'ny reniny ny boaty fametrahany ireo hajia voaangony, ary dia naleviny tao anaty lavaka kely iray tao an-jaridaina ilay izy.

Ny ampitso, rehefa nody avy nianatra i Amanda, dia toa faly be izany. Nolazainy tamin'ny reniny fa vao nahazo hajia roa vaovao avy amin'ny sakaizany akaiky azy izy, izay vao nanao dia be avy tany amin'ny firenena iray hafa ny rainy. Saingy tsy hitany ilay boaty tokony hametrahany azy ireo. Sady nanahy izy no nitady hatraiza hatraiza tao amin'ny efitranony izay toerana neritreretiny ho nisy azy, saingy tsy hitany ilay izy. Saika nitomany izy sady nanatona an-dreniny ary nanontany azy sao dia nahita ny boaty izy.

“Azonao antoka ve fa nijery hatraiza hatraiza ianao?” nanontany azy ny reniny.

“Eny ry Neny a, azoko antoka fa nitady hatraiza hatraiza aho. Neny a! Tsy azoko an-tsaina hoe very ny boaty misy ireo hajiako!” hoy izy nisento. “Iny boaty iny dia toy ny boaty fitehirizana harena ho ahy!” “Andao ary hiezaka isika ny hitady azy miaraka e!” hoy ny soso-kevitra ny reniny. “Satria be dia be ny boaty fitehirizana harena very tsy misy vidiny, sa tsy izany?” hoy ny reniny nanontany azy, sady nibanjina ny mason'i Amanda. “Eny,” hoy ny navalin'ilay zazavavy kely 12 taona. “Mino ve ianao fa tena very ilay izy ry Neny?” hoy izy nanontany, hita soritra teny amin'ny masony ny tahotra sady nangovitry ny feony. “Mamelà ahy hiteny zavatra aminao,” hoy ny reniny, sady nandray ny tany no nitondra azy nivoaka ny varavarana mankany amin'ny zaridaina. “Hitanao, sarobidy ny

fananantsika raha mbola ampiasaina araka izay ilàna azy izany. Fa rehefa very izy ireo, na afenitsika, na rehefa alevintsika, dia tsy misy tombambidiny intsony, na toy inona na toy inona aza ny tombambidiny.” Talohan’ny nanontanian’i Amanda ny antony nitondran’ny reniny azy tany an-jaridaina dia nanohy ihany ny reniny: “Tahaka izany ihany koa ny amin’ny talentantsika. Harena nomen’Andriamanitra antsika hampiasaina hanomezam-boninahitra azy izy ireny. Ny sasany amintsika dia manana bebe kokoa, ny sasany kosa manana kelilkely kokoa, fa ny tsirairay kosa dia samy manana boaty fitehirizana harena izay nametrahan’Andriamanitra talenta manokana iray na maromaro. Rehefa tsy mampiasa ireo talenta ireo intsony isika, rehefa tsy mampihatra izany ho voninahitr’Andriamanitra sy ho fitahiana ho an’ireo manodidina antsika isika, dia alevintsika tahaka ny boaty fametrahana harena, very na nafenina.” “Inona no ifandraisan’izany amin’ny boatin’ny hajiako?” hoy i Amanda, nanontany sady very hevitra.

“Misy ifandraisany betsaka amin’ny boatin’ny hajiana sy ny talentanao amin’ny mozika izay samy milevina ankehitriny izany” hoy ny navalin’ny reniny, sady niankina teo amin’ny vatan’ily hazo nandevenany ilay boaty izy. Nesoriny ny tany teo ambony sady notondroiny ilay boatin’ny hajian’i Amanda, nofonosina tsara tamin’ny harona plastika.

“Neny a! Nitsambikina tamim-pifaliana i Amanda, naka ny boatiny sady nihazona mafy izany teo amin’ny tratrany. “Saika nino mihitsy aho hoe very ilay izy!”

“Saika verinao ilay izy. Ary matahotra aho fa misy harena napetrak’ Andriamanitra taminao ho verinao koa - toy ny talentanao amin’ny mozika - raha mbola tohizao alevina izy ireo ao amin’ny vovoky ny fotoana, ny fanemorana na ny fanadinoana koa aza.” “Azoko ny tianao holazaina,” hoy i Amanda, somary nivoara-mena saingy faly nahita ny boatiny.

“Heveriko fa manana harena iray hafa tokony avotana aho,” hoy izy, sady nanao dia maika nankany amin’ny efitrano fatoriany mba haka ny lokangany sy hamerina ilay hira izay hotendreny mandritra ny programa ho an’ny ankizy amin’ny andro Sabata manaraka.

1. Afaka manonona talenta iray na maromaro nomen’Andriamanitra anareo ve ianareo ?
2. Amin’ny fomba ahoana no ampiasanareo ny talentanareo hanomezana voninahitra ho an’Andriamanitra ?
3. Amin’ny fomba ahona no ahafahan’ny talentantsika mitombo, arakaraka ny fampitomboantsika ny fampiasana azy ireo ?